

**UNIVERSITE D' ANTANANARIVO**  
**ECOLE NORMALE SUPERIEURE**

DEPARTEMENT DE LA FORMATION INITIALE  
C.E.R. LETTRES MALGACHES

MEMOIRE POUR L'OBTENTION DU CERTIFICAT D'APTITUDE  
PEDAGOGIQUE DE L'ECOLE NORMALE (C.A.P.E.N.)

Présenté par RAKOTOMANDIMBY Joëline

**NY "FO" LAFIKA TOKANA AO AMIN'I  
ASINIONY SY NY ASA SORANY**

**BOKY FAHAROA**

DIRECTEUR DE RECHERCHE : Ramatoa RAHARIMANGA Fidèle  
Maître de conférences

Date de soutenance : 18 Novembre 2005  
ANTANANARIVO 2005



## TENY FISAORANA

*"Hisaotra an'i Jehovah izay nanome saina ahy aho."*

*Sal. 16 : 7a*

*Tontosa soa aman-tsara ny asa fikarohana nataonay, noho ny fahasovana ombam-pitahian'Andriamanitra. Koa amin'ny fo feno fifaliana no hisaoranay an' Andriamanitra satria avy Aminy ny saina nahazoanay nanatanteraka izany. Ho Azy anie ny dera sy ny laza ary ny Voninahitra.*

*Eto koa izahay dia misaotra ireo izay nanampy, « nanao tongotra miaramindra, tana-miara-manoratra, saina miara-mihevitra » taminay ka nahatontosa izao asa izao.*

*Toloranay fisaorana manokana ianao, Andriamatoa filoha, RAKOTO RAVALOTSALEMA nahafai-tena, nanaiky an-tsitra-po hitarika izao fanohanana ampahibemaso izao.*

*Eo koa ianao, Ramatoa RAZAIAISOA Marie Olga mpitsara, nanana fandavan-tena nanitsy ny tsy nety tamin'ny asa ary nanome ny toro-hevitra rehetra hanatsarana izany asa izany.*

*Singaninay manokana ihany koa ianao, Ramatoa RAHARIMANGA Fidèle, nitantana sy namolavola anay nandritra ny fitrandrahana ny asa.*

*Tsaroanay tokoa ny fiezahanareo amin'ny fanatsarana ny asa fikarohana ataonay. Nantsoina andro ianareo dia andro, nantsoina alina dia alina. Tsy nitandro hasasarana, nandany fotoana tamin'ny famakiana sy ny fanatsarana izany. Andriamanitra ilay manan-karem-pahasovana anie hamaly ny soa sesehena nataonareo anay.*

*Eto koa dia tsy hainay ny hangina ka tsy hisaotra ny lehiben'ny Sampana Teny Malagasy Andriamatoa RANDRIAMAHAZO Jean-Claude izay nanara-maso ny asa fikarohana nataonay sy ireo mpampianatra nampita fahalalana taminay nandritra ny dimy taona teto amin'ny "Ecole Normale Supérieure". Lova sarobidy tsy mety lo tokoa no nomenareo anay, ka dia mankasitrika, mankatelina tompoko.*

## II

*Isoarako manokana Andriamatoa RAHARINOSY Emile, nampianatra anay ny taranja teny malagasy tao amin'ny kilasy famaranana. Ny "Hazo no vanon-ko lakana hono ny tany naniriany no tsara". Koa matoa izahay tody amin'izao famaranana ny fianarana izao dia tsy ho azo odian-tsy hita ny ezaka vitanao tamin'ny fampianarana anay .*

*Fisaorana ombam-pankasitrahana kosa no atolotray an'i ASINIONY, "angady nananana sy vy nahitana" izao vondrona akora ampiasainay izao. Nanome an-tsitra-po ny asa sorany ho kirakirainay ary nanaiky nosahiraninay tao anatin'ny fianarana. Misaotra indrindra ary samy ho tody soa amin'ny tanjona kendrena avy anie isika.*

*Derainay kosa ianareo ray aman-dreny, loharano nipoirana, sy ireo iray tam-po nandany mondro kely tamin'ny fampianarana anay. Tsy nitandro vola aman-karena fa niezaka nanao izay azo natao tokoa mba hahavitan'izao asa fikarohana izao. « Ny zaza voky hono matetika no tsy mahatsiaro ny ray aman-dreny ; ary ny tenda no tsy mahafantatra ny be efa laniny » fa izahay kosa dia mahatsiaro ny fitiavana nasehonareo anay . Koa Sitraka enti-matory izao ka ho valiana rehefa mifoha.*

*Ataonay ahoana no tsy hahatsiaro anareo namana ; ianareo mpiara-mianatra ao amin'ny andiany FANASINA nanolotra soso-kevitra hanatsarana ny asa. Ny firaisankina nasehonareo taminay tokoa no hery nanainga anay havitribitrika tamin'ny fanatontosana ny asa fikarohana.*

*Ny fisaorana hono tompoko, toy ny fary lava vany ka tsy lany hamamiana. Koa fisaorana mitafotafo no atolotra antsika rehetra tsy voatonona manokana teo, kanefa antoka nahavitana ny asa. Tsy hosoritsoritanay tahaka ny volo ianareo, na hohavakavahanay tahaka ny ketsa, fa fankasitrahana ombam-pirariantsoa no omenay anareo.*

*Ho ambinin-drary, handairan-tso-drano, ka ho ampoky ny soa sy ny tsara anie ianareo ho tojo ny soa mihoa-pampana, ho sendra ny tsara maharitra. Dia samia ho tahian'Andriamanitra tompoko.*

## FANOROAN-TAKILA

|                                                                                                       |           |
|-------------------------------------------------------------------------------------------------------|-----------|
| TENY FAMPIDIRANA .....                                                                                | 1         |
| <b><u>FIZARANA VOALOHANY : NY LAFIKA TOKANA SY NY TANTARAM-PIAINAN'NY MPANORATRA</u> .....</b>        | <b>7</b>  |
| <b>TOKO I : FITADIAVANA NY LAFIKA TOKANA EO AMIN'NY MPANORATRA SY NY ASA SORANY .....</b>             | <b>8</b>  |
| 1.1. Fijerena ny teny mateti-piherina .....                                                           | 8         |
| 1.1.1.Fafana maneho ny voambolana “fo” .....                                                          | 8         |
| 1.1.2.Fafana maneho ny toetry ny fon’ny mpanoratra .....                                              | 10        |
| 1.1.3.Fitadiavana ny sary maneho ny “fo” .....                                                        | 12        |
| 1.2. Ireo sehatra iainana ny fo .....                                                                 | 15        |
| 1.2.1.Fitiavana .....                                                                                 | 16        |
| 1.2.2.Fahoriana.....                                                                                  | 18        |
| 1.2.3.Herim-po .....                                                                                  | 21        |
| <b>TOKO II : NY TANTARAM-PIAINAN'NY MPANORATRA SY NY FIFANDRAISANY AMIN'NY FO LAFIKA TOKANA .....</b> | <b>24</b> |
| 2.1. Asiniony olon-tsotra .....                                                                       | 24        |
| 2.1.1.Ny karapanondrony.....                                                                          | 24        |
| 2.1.2.Ny loharano nipoirany .....                                                                     | 28        |
| 2.1.2.1.Avy amin’ny lafin-dray.....                                                                   | 28        |
| 2.1.2.2.Avy amin’ny lafin-dreny.....                                                                  | 29        |
| 2.1.3.Avy amin’ny lafin-dreny.....                                                                    | 29        |
| 2.1.3.1.N y fahakambotiana .....                                                                      | 29        |
| 2.1.3.2. Ny fanabeazana azony .....                                                                   | 30        |
| 2.1.4.Ny fiainam-pahatanorany .....                                                                   | 31        |
| 2.1.4.1.Ny fiatraikan’ny lafika tokana fo teo amin’ny fiainan’ny mpanoratra.....                      | 32        |
| .....                                                                                                 | 32        |
| 2.1.4.2.Ny fialamboly .....                                                                           | 35        |
| 2.2. Asiniony mpanoratra .....                                                                        | 36        |
| 2.2.1.Ny loharano niteraka ny talenta .....                                                           | 36        |

#### IV

|                                                          |    |
|----------------------------------------------------------|----|
| 2.2.2.Ny niatombohany nanoratra .....                    | 36 |
| 2.2.3.Ny solon' anarana .....                            | 38 |
| 2.2.4.Ireo asa soratra novokarin'ny .....                | 38 |
| 2.2.5.Ireo fikambanana nivelaran'ny talentany .....      | 39 |
| 2.2.5.1.Faribolana SANDRATRA.....                        | 39 |
| 2.2.5.2.TSIMANTA .....                                   | 41 |
| 2.2.5 Ireo fitaovan-tserasera namoaka ny asa sorany..... | 41 |

### **FIZARANA FAHAROA: NY TARAKEVITRA SY NY FO LAFIKA** **TOKANA.....**

|                                                            |    |
|------------------------------------------------------------|----|
| TOKO I : NY FITIAVANA .....                                | 44 |
| 1.1. Fitiavan-dray aman-dreny .....                        | 44 |
| 1.2. Fitiavan'olon-droa .....                              | 47 |
| 1.2.1.Ny fitsirian'ny fitiavana .....                      | 48 |
| 1.2.1.1.Ireo singa mamoha ny fitiavana .....               | 48 |
| 1.2.1.2.. Ny toetra aman-pihetsika eo am-piandohana .....  | 54 |
| 1.2.2 Ny fivelaran'ny fitiavana .....                      | 57 |
| 1.2.2.1 Ireo fomba iainana ny fitiavana .....              | 58 |
| 1.2.2.2 Ny tontolo manodidina ny fitiavana .....           | 63 |
| 1.2.3 Ny faharavam-pitiavana .....                         | 68 |
| 1.2.3.1 Ny antony mahatonga ny faharavam-pitiavana .....   | 68 |
| 1.2.3.2 .Ny akon'ny faharavam-pitiavana .....              | 71 |
| 1.3 Ny fitiavan-tanindrazana .....                         | 75 |
| 1.3.1.Alahelo noho ny fahapotehan'ny harena malagasy ..... | 75 |
| 1.3.2 Fitiavana ny teny malagasy.....                      | 76 |
| 1.3.3 Fahavononana hampandroso an'i Madagasikara .....     | 78 |

### **TOKO II : NY FAHORIANA**

|                                                                     |    |
|---------------------------------------------------------------------|----|
| 21. Ny fahafatesana .....                                           | 81 |
| 2.1.1.Ny fiheveran'ny mpanoratra ny fahafatesana .....              | 81 |
| 2.1.2.Ny fiatraikan'ny fahafatesana .....                           | 82 |
| 22. Ny fahantrana.....                                              | 84 |
| 2.2.1.Ny anjara toeran'ny mahantra eo anivon'ny fiarahamonina ..... | 84 |

|                                         |    |
|-----------------------------------------|----|
| 2.2.2.Ny fiatraikan'ny fahantrana ..... | 86 |
|-----------------------------------------|----|

## **FIZARANA FAHATELO: NY PAIKA NENTIN'NY MPANORATRA NANEHO NY FO LAFIKA TOKANA .....**

91

### **TOKO I : NY TONTOLO MANODIDINA NY LITERATIORA .....**

92

|                                                                         |    |
|-------------------------------------------------------------------------|----|
| 1.1. Famaritana .....                                                   | 92 |
| 1.1.1 Ny literatiora .....                                              | 92 |
| 1.1.2 Ny poezia .....                                                   | 93 |
| 1.1.3 Ny aingam-panahy .....                                            | 94 |
| 1.2 Ny anjara asan'ny mpanoratra sy ny asa soratra ary ny mpamaky ..... | 95 |
| 1.2.1 Ny mpanoratra .....                                               | 95 |
| 1.2.2 Ny asa soratra .....                                              | 96 |
| 1.2.3 Ny mpamaky .....                                                  | 98 |

### **TOKO II: NY FOMBA NENTIN'NY MPANORATRA NANEHO NY FO**

#### **LAFIKA TOKANA .....**

101

|                                                   |     |
|---------------------------------------------------|-----|
| 2.1. Fomba fanoratra .....                        | 101 |
| 2.1.1 Fampiasana mari-piatoana .....              | 101 |
| 2.1.2 Ny rima .....                               | 104 |
| 2.1.3 Filalaovana amin'ny andininy .....          | 112 |
| 2.1.3.1 Ny andalana mandrafitra ny andininy ..... | 112 |
| 2.1.3.2 Ny endriky ny andininy .....              | 119 |
| 2.2 Ny fomba filazan-javatra .....                | 125 |
| 2.2.1 Fampiasana tamberina .....                  | 125 |
| 2.2.1.1 Teny verin-droa .....                     | 125 |
| 2.2.1.2 Tamberin-javatra .....                    | 126 |
| 2.2.2 Ireo sarin-teny hafa .....                  | 131 |
| 2.2.3 Ny fanovan-javatra .....                    | 133 |
| 2.2.3.1 Fanovana endri-javatra .....              | 133 |
| 2.2.3.2 Fanovana fandraisan-javatra .....         | 134 |
| TENY FAMARANANA .....                             | 137 |
| IREO BOKY NANOVOZAN-KEVITRA .....                 | 140 |

## VI

|                                    |     |
|------------------------------------|-----|
| IREO OLONA NANOVOZAN-KEVITRA ..... | 144 |
| TOVANA.....                        | 146 |

### **FANONDROANA FAFANA**

|                                                                       |       |
|-----------------------------------------------------------------------|-------|
| Fafana 1 : maneho ny voambolana fo .....                              | 8     |
| Fafana 2 : maneho ny toetry ny fon'ny mpanoratra .....                | 10    |
| Fafana 3: maneho ny voambolana milaza fifaliana .....                 | 12    |
| Fafana 4 : maneho ny voambolana maso .....                            | 13    |
| Fafana 5: maneho ny voambolana milaza fitiavana .....                 | 16    |
| Fafana 6 : maneho ireo voambolana milaza fahoriana .....              | 18-19 |
| Fafana 7 : maneho ny voambolana milaza ranomaso .....                 | 20    |
| Fafana 8 : maneho ireo teny na andian-teny milaza herim-po .....      | 22    |
| Fafana 9 : maneho ny santionan'ny tononkalon'i Asiniony.....          | 38    |
| Fafana 10 : maneho ireo karazan-tserasera namoaka ny asa sorany ..... | 41    |
| Fafana 11: maneho ny anaran'ireo olona nanovozan-kevitra .....        | 144   |

### **FANAMARIHANA:**

Ireto ny fanafohezan-teny ampiasaina ato amin'ny asa

-T na tak : takila

-p.: page

-Ed : edition

-Coll.: collection

-Imp. : imprimerie

-Lah : laharana

-Lib.: librairie

-PUF : Presse Universitaire de la France

-FLM : Fiangonana Loterana Malagasy

-STELARIM : Sampana Teny sy Lahabolana ary Riba Malagasy

-UPEM : Union des Poètes et des Ecrivains Malgaches





## TENY FAMPIDIRANA

Tody soa ato amin'ny taona fahadimy izahay ka manolotra izao voka-pikarohana izao ho famaranana ny fiofanana sy mba hahazoana ny maripahaizana C.A.P.E.N (Certificat d'Aptitude Pédagogique de l'Ecole Normale).

Seha-pahalalana efatra no azo isafidianana eto amin'ny Sampana Teny Malagasy : ny riba, ny literatiora, ny haiteny ary ny fanatsarana ny fampianarana.

Tsy sanatria, akory manao ankilabao iretsy taranja sasany izahay raha nisafidy manokana ny literatiora. *"Toy ny sakamalao sy havoza izy ireo ka samy manana ny hanitra ho azy"*.

Naompanay tamin'ny *"poezia"* kosa ny fandalinana , noho izy mirakitra ny teny izay maha-firenena ny firenena. Maneho endrika kanto mambabo ny fo, ary manome fahafinaretan' ny maso ny firindriny. Ary indrindra mirakitra ny zavamisy teo amin'ny fiarahamonina sy ny firenena.

Zava-dehibe araka izany ny fikolokoloana sy ny fitrandrahana azy. Ity mpandinika iray ity dia manambara fa : *"Fitohizan'ny ain'ny taranaka sy ny fiarahamonina ny soratra, noho izy mikajy ny hasin'ny teny, mirakitra sy mampita ireo soan'ny razana, manandratra sy manapariaka ny hanitry ny taniny. Ain'ny firenena izy. Araka izany maha-ain'ny firenena azy izany, rehefa atao ambanin-javatra izy, dia fantatsika tsara ny mety ho vokany"*.<sup>1</sup> Izany hoe mety hiafara any amin'ny faharavan'ny firenena mihitsy ny faharavan'ny teny , satria io no hamantarana ny Firenena iray ary io teny io ihany koa no mampifandray ny olona eo amin'ny fiarahamonina na ny firenena iray .

Eo amin'ny tontolon'ny fampianarana, dia anisan'ny taranja ianarana any antsekoly ny literatiora . Ny mpanoratra no azo ambara, fa zezika mampiroborobo izany literatiora izany. Izy no loharano nipoiran'ny literatiora, araka ny tenin'i Nalisoa Ravalitera hoe: *"Ny mpanoratra no renin'ny soratra"*.<sup>2</sup> Izany indrindra no nahatonga anay hanao fandalinana momba ny mpanoratra sy ny asa sorany.

Ny asa soratr'i Asiniony no tomorinay manokana hanaovana ny asa fikarohana. Antony maro no nanosika anay handray ity mpanoratra ity:

<sup>1</sup> SOLOFO JOSE , *MADAGASIKARA TRIBUNE*, lah 747, 12 jona 1991, tak 7

<sup>2</sup>(N) RAVALITERA , *Ambioka*, lah 33 , Febroary 2001

Eo aloha ny maha mbola velona ny mpanoratra. Azo atao tsara araka izany ny mifanakalo hevitra aminy; ny mampifandray ny asa sorany amin'ny alalan'ny fiainana nodiaviny.

Anisan'ny nahatonga anay hisafidy an'i Asiniony koa, ny maha mpanoratra tanora azy. Heverinay fa ahitana taratra ny vanim-potoana ankehitriny ny asa sorany.

Ankoatra izay, dia mbola tsy nisy nanao asa fikarohana, kanefa tokony ho fantatry ny taranaka any aoriana ary tokony tsy ho avela handalo fotsiny ny zava-bitany, fa haren-tsain'ny firenena.

Koa anisan'ny kendrenay amin'ity asa fikarohana ity ny hampahafantatra ny mpanoratra sy ny asa soratra amin'ny mpamaky, indrindra fa eo amin'ny sehatry ny fanabeazana. Ny hita mantsy amin'izao fotoana izao dia asa soratry ny mpanoratra efa fanta-daza hatrany no kirakiraina. Nefa heverinay, fa ny fifamenoan'ny asa soratr'ireo mpanoratra tsy misy avakavaka no tohivakana hahafahana manovo ny fomba amam-panao, ny haren-tsaina, ny tantara sy ny fahendrena malagasy voarakitra ao.

Etsy andanin'izay dia mahatsapa izahay, fa tsy ampy ary mila havaozina hatrany ny tahirin-kevitra eo am-pelatanan'ny mpampianatra amin'ny fanatontosana ny asa fampianarana momba ny literatiora. Koa azo lazaina fa anjara biriky entinay ho fanatevenana izany tahirin-kevitra izany ity asa atolotray ity. Hoentiny mandalina ny asa soratra dia nampiasa haitsikera izahay.

Ny tsikera tematikan'i Weber no nofidianay hanazavana ny asa soratr'i Asiniony. Manana ny foto-kevitra iorenany sy ny tanjony ny tsikera.

Hoy i Weber raha nanazava izany : *"Ny fitambaran'ny asa soratry ny mpanoratra iray, indrindra, ny an'ny Poeta, dia maneho lafika tokana amin'ny alalan'ireo karazana dindo maro nampiasaina, io lafika io dia namaka tany amin'ny toe-javatra niainan'ilay mpanoratra fahazaza izay matetika efa hadinony"*<sup>3</sup>. Izany hoe, ny tononkalon'ny mpanoratra iray dia mifototra amin'ny toe-javatra iray niseho tany amin'ny fahazazany. Ny hikaoka io tahiry fahazaza io no kendren'i Weber amin'ny tsikera tematika, araka izao filazany azy izao :

<sup>3</sup> ( J.P) WEBER , *Genèse de l' œuvre poétique*, Edition Gallimard , Paris 1960 , p19 "L'œuvre totale d'un écrivain , et plus spécialement , d'un poète , exprime à travers une multitude endroit indéfinie de symboles , c'est –à – dire , d' analogies , une hantise ou un "thème unique " , ce thème lui- même se racinant dans quelque évènement en général oublié de l'enfance de l'écrivain "

*"Ny lahatsoratra nataon'ny mpanoratra dia tsy hafa fa dindon'ny lafika tokana avokoa izay mety ho toe-javatra niainana an'eritreritra fotsiny na tena nisy tokoa ary toe-javatra tokana, ny fikarohana izany lafika izany dia ny fitadiavana ny endrika tokana iraisan'ireo dindo maro ao amin'io asa soratra io, izay efa nisoritra hatrany amin'ny fahazazan'ilay mpanoratra"*<sup>4</sup>.

Nokarohinay tao amin'ny tononkalon'ny mpanoratra ny toe-javatra na zavatra nanosika azy hamokatra karazana asam-pamoronana iray. Tahaka izany koa ny fitadiavana ireo toe-javatra maro samihafa mety ho nisy akony teo amin'ny mpanoratra ka hita taratra ao amin'ny tononkalony.

Nambaran'i Weber mantsy, fa ilaina ny fitadiavana ireo rehetra ireo satria anisan'ny lalana manazava ny tsikerany. Hoy indrindra izy raha nanazava izany :

*"(...) tsy manontany tena isika hoe : inona avy ireo toe-javatra nisy akony teo amin'ny mpanoratra, fa hoe : "inona no antony nahatonga ny mpanoratra hisedra izany toe-javatra izany, tsy hoe inona no toe-javatra teo amin'ny tantaram-piainany nahatonga ny fanaovany tononkalo toy izao fa hoe:"nahoana no nanaitra ny mpanoratra izany ka nitaky aminy ny fanaovana tononkalo"*<sup>5</sup>.

Ambaran'i Weber indrindra eto, fa ny zavatra mahamaika amin'ny fampiharana ny tsikerany dia ny fitadiavana ireo toe-javatra maro samihafa mety hanaitra ny mpanoratra ka mahatonga azy hanoratra.

Izay no foto-kevitra ijoroany sy ny tanjona kendren'ny tsikera tematikan'i Weber, fa misokajy ho roa kosa ny karazam-paika fikarohana narosony :

- *"Fikarohana tematika miroso"* <sup>6</sup> : io dia miainga amin'ny fandinihina ny fahatsiarovana ny fahazazan'ilay Poeta mankany amin'ny asa sorany .

- *"Fikarohana tematika mandrorona"* <sup>7</sup> : miainga amin'ny fandinihina ny asa soratra mankamin'ny fahatsiarovana fahazaza izay zary fanaporifoana sisa.

<sup>4</sup> (J.P) WEBER ,op.cit , p19 " ...tous les textes (...) considérés comme des symboles , des analogies , chiffrent une seule hantise, un évènement , imaginé ou réel , peu importe unique , et aussi découvrir le thème , trouver ce dénominateur commun , ancré dans l'enfance "

<sup>5</sup> (J.P) WEBER, op.cit, p28 "(...) Nous ne demandons pas quelles sont les influences subies, mais pourquoi cette circonstance a frappé le poète au point d'exiger de lui la composition d'un poème"

<sup>6</sup> (J.P) WEBER, op.cit, p24, "Analyse thématique progressive "

<sup>7</sup> (J.P) WEBER, op.cit, p24, " Analyse thématique régressive "

Ny fikarohana tematika mandrorona no noraisinay hanaovana ny fandinihina ny asa soratr'i Asiniony. Ny fiaingana amin'ny asa soratra izay tsy hafa fa dindon'ny lafika tokana , araka ny foto-kevitr'i Weber, dia ahafahana manadihady bebe kokoa ny antony lalina mahatonga ny toe-javatra iray mandona ny fo amam-panahin'ny poeta, ka ahazoany mandrafitra tononkalo mihira toe-javatra na mampiasa vainga na sary.

Avy amin'ny fandinihina ireny singan-javatra mandrafitra ny poezia ireny no ahitana ilay lafika tokana nandona ny poeta; ka nahaforonany tononkalo.

Indro àry ho fintimpintininay eto ireo safidy natolotr'i Weber momba ny paika fikarohana tematika mandrorona :

- Ny fiaingana amin'ny lahatsoratra iray manamarika hevitra, mampiseho ny taratr'ilay vainga , lafika na sehatra iainana marihiny<sup>8</sup>
- Ny fiaingana amina toe-javatra maningana sy miavaka <sup>9</sup>.
- Ny fiaingana amin'ny sary samihafa <sup>10</sup>.
- Ny fijerena ireo "*teny*" "*vainga*" soritr'endrika na "*sehatra iainana*" miverimberina ao amin'ny asa soratra <sup>11</sup>.

Tsy voatery ampiasaina avokoa ireo paikam-pikarohana ireo, fa raha toa ka tsy hita amin'ny iray ny lafika tokana dia ampiasaina indray ny iray hafa ary raha mbola tsy hita dia ampiasaina indray ny hafa, dia toy izany hatrany.

Indro atolotray ny fanazavana ireo voambolana sasantsasany ampiasaina ao amin'ny tsikera tematican'i Weber mba hampahazava bebe kokoa ny asa :

☞ Thème : lafika

⇒ Toe-javatra nilafika tao amin'ny mpanoratra hatramin'ny fotoam -pahazazany ary tsy niala tao aminy intsony nanomboka tamin'izany

<sup>8</sup> (J.P) WEBER, op. cit, p25, " chez certains écrivains, on découvre parfois un texte particulièrement significatif, qui offre un "analogon " particulièrement transparent de l'objet qu'il symbolise "

<sup>9</sup> (J.P) WEBER, op.cit, p25, " ce sont des exceptions qui dans une œuvre donnée, sonnent l'alarme thématique, et permettent à la recherche de commencer "

<sup>10</sup> (J.P) WEBER, op.cit, p26, " Il faut bien étudier les images, ce sont des associations d'idées "

<sup>11</sup> (J.P) WEBER, op. cit , p 25 , " L' insistance avec laquelle revient dans l'oeuvre d' un écrivain , des mots , des objets, des formes , des structures , ou des situations , peut- être, souvent éclairant "

fotoana izany. Io lafika io no toy ny toe-javatra itombenan'izay ataon'ny mpanoratra rehetra aty aoriana na dia tsy tsaroany aza ny fisian'izany. Hoy indrindra i Weber raha namaritra ny antsoiny hoe : *"thème"* : *"Ny tianay hambara amin'ny hoe "thème" dia toe-javatra iray na sehatra niainana, niainan'ny mpanoratra fahazaza, izay mety hiseho amin'ny ankapobeny tsy tsaroana akory ao amin'ny asa soratra iray na fitambaran'ny haitao iray"*<sup>12</sup>.

☞ Teny sy vainga : mot, chose

Toy izao ny fanazavan'i Weber izany. *"Ny hevitra "ny teny" iray dia fitambaran'ny zavatra tondroiny, ny hevitra "ny zavatra" iray dia ny fitambaran'ny teny afaka manondro izany"*<sup>13</sup>.

☞ "Situation" sy "condition d'existence" : sehatra iainana sy toe-javamisy.

Raha izay voalaza izay ny mikasika ny paika natoron' i Jean-Paul WEBER sy ny fanazavana ny voambolana, dia tianay ny manolotra ny fomba nikarohanay ny lafika tokana tao amin'ny asa soratr'i Asiniony. Ny paika miainga amin'ny fijerena ireo teny na "vainga" soritr'endrika na "sehatra iainana" miverimberina ao amin'ny asa soratra; ny fiaingana amin'ny sary samihafa sy amin'ny lahatsoratra iray manamarika hevitra mampiseho ny taratr'ilay vainga lafika na sehatra iainana marihiny no nentinay nitondrana ny fandalinana. Nampifandraisina tamin'ny tantaram-piainany sy ny tarakevitra izany avy eo.

Mba hanehoanay anefa, fa kanto ary tena poezia tokoa izany asa soratra izany dia nampiasa ny haitsikera miompana amin'ny fanadihadiana ny bika aman' endriky ny tononkalo izahay. Haitsikera manadihady ny fomba nandrafetan'ny mpanoratra ny asa soratra. Araka ny foto-kevitr'ireo mpanaraka ity lalan-tsaina ity, toa an-dry Mallarmé, Joyce James dia ny mampiharihary ny rafitra sy ny teknika mampijoro ilay asa soratra no tena zava-dehibe ahitana ny hankatony.<sup>14</sup>

<sup>12</sup> (J.P) WEBER, op.cit, p13, " Nous entendons par thème : un événement ou une situation, infantile, susceptibles de se manifester, en général inconsciemment dans une œuvre ou un ensemble d'œuvres d'art"

<sup>13</sup> (J.P) WEBER, op. cit, p534, "Le sens d'un" mot":c'est l'ensemble de choses aux quelles il s'applique, le sens d'une "chose": c'est l'ensemble des mots qui peuvent s'y appliquer "

<sup>14</sup> ANDRIAMANANTSILAVO Seth, « Méthodologie de recherche en littérature écrite » (séminaire) natao tao amin'ny taona fahefatra . ENS

Ho fampiharana ny haitsikera ary mba hampirindra ny asa ataonay dia notsinjaraina ho fizarana telo ny asa. Ao amin'ny fizarana voalohany no hamakafakana ny lafika tokana sy ny tantaram-piainan'ny mpanoratra. Asongadina ao amin'ny fizarana faharoa ny tarakevitra sy ny *"fo"* lafika tokana. Farananay amin'ny paika nentin'i Asiniony naneho ny *"fo"* lafika tokana kosa ny fandalinana.

Nisetra olana izahay teo am-panatontosana izao asa izao. Teo aloha ny tsy fahampian'ny fotoana nitrandrahana ny akora. Voafetra ho herintaona ny fotoana nanaovana ny fikarohana, noho izany dia tsy nisy fotoana nivalaparana nifampiresahana tamin'ny mpanoratra sy ny manodidina azy. Nanahirana ihany koa ny fitadiavana olona hanaovana fanadihadiana . Manampy izany ny tsy fahampian'ny tahirin-kevitra hoentina hanohanana sy ho fitaovana hitrandrahana ny asa. Azo ambara, fa misy fiatraikany aty amin'ny asanay ireny olana madinidinika ireny, satria noferanay ho izay mifanandrify ny *"fo"* lafika tokana, lohahevitra azo avy amin'ny fampiharana ny tsikera tematikan'i Weber ihany ny fandalinana . Araka izany , dia toa nolalovanay fotsiny ny lafin-javatra hafa tokony mbola hotrandrahina. Niezaka nanao izay azonay natao ihany izahay mba hahalavorary ity asa fikarohana ity. Amin'ny maha mbola zazavao anay eo amin'ny sehatry ny fikarohana anefa, dia mety ho tsinjo eny ho eny ihany ny fitavozavozana sy ny tsy fahamatorana.

Koa savalalana ihany izao ataonay izao. Voha-varavarana ho an'ny any aoriana. Irinay indrindra, ny mbola hanatevina ity asa fikarohana ity. Raha sanatria, moa tsy tontosa izany noho ny antony maro, dia manentana ireo zandry toky sy antoky ny ho avy hanohy izany .

**FIZARANA VOALOHANY:**

**"NY LAFIKA TOKANA SY NY**

**TANTARAM-PIAINAN'NY**

**MPANORATRA"**

**TOKO I : FITADIAVANA NY LAFIKA TOKANA EO AMIN'NY**

**MPANORATRA SY NY ASA SORATRA.**

**1.1 Fijerena ny teny mateti-piherina ao amin'ny asa soratr'i Asiniony.**

Tamin'ny famakiana faobe ny asa soratr'i Asiniony no nahitanay fa ny voambolana "*fo*" no miverimberina matetika ao. Notsongainay tao amin'ny tononkalony izany araka izao fafana eto ambany izao :

**1.1.1.Fafana maneho ny voambolana "*fo*":**

| voambolana | Takila misy ny tononkalo                                                                                                                                                                                                                                                                                                                                                                                                                                                                                                                                                                                                                                                                                                                                                                                                                                                                                                                                                                                                                                                                                    | Isan'ny teny | Isan'ny tononkalo |
|------------|-------------------------------------------------------------------------------------------------------------------------------------------------------------------------------------------------------------------------------------------------------------------------------------------------------------------------------------------------------------------------------------------------------------------------------------------------------------------------------------------------------------------------------------------------------------------------------------------------------------------------------------------------------------------------------------------------------------------------------------------------------------------------------------------------------------------------------------------------------------------------------------------------------------------------------------------------------------------------------------------------------------------------------------------------------------------------------------------------------------|--------------|-------------------|
| Fo         | (T <sub>29</sub> ) (T <sub>64</sub> ) (T <sub>35</sub> ) (T <sub>44</sub> ) (T <sub>81</sub> )<br>(T <sub>53</sub> ) (T <sub>30</sub> ) (T <sub>14</sub> ) (T <sub>85</sub> ) (T <sub>86</sub> ):2<br>(T <sub>8</sub> ) (T <sub>65</sub> ) (T <sub>90</sub> ):2 (T <sub>77</sub> )<br>(T <sub>16</sub> ) (T <sub>34</sub> ) (T <sub>40</sub> ) (T <sub>2</sub> ) (T <sub>25</sub> ):4<br>(T <sub>88</sub> ):2 (T <sub>58</sub> ) (T <sub>37</sub> ) (T <sub>1</sub> ) (T <sub>3</sub> ):3<br>(T <sub>22</sub> ):2 (T <sub>46</sub> ) (T <sub>47</sub> ) (T <sub>91</sub> ) (T <sub>74</sub> )<br>(T <sub>55</sub> ):3 (T <sub>32</sub> ) (T <sub>49</sub> ):3 (T <sub>7</sub> )(T <sub>31</sub> ):2<br>(T <sub>39</sub> )(T <sub>9</sub> ):2 (T <sub>50</sub> ) (T <sub>54</sub> )(T <sub>48</sub> )(T <sub>78</sub> )<br>(T <sub>45</sub> ) (T <sub>83</sub> ):2 (T <sub>89</sub> ) (T <sub>57</sub> ):2 (T <sub>11</sub> )<br>(T <sub>92</sub> )(T <sub>28</sub> )(T <sub>99</sub> )(T <sub>98</sub> ):2(T <sub>95</sub> )(T <sub>94</sub> )<br>(T <sub>100</sub> ) (T <sub>93</sub> ) (T <sub>96</sub> ) | 73           | 54                |

Fafana 1 : maneho ny voambolana “fo”

Fitambarany :

Isan'ny teny : 73

Isan'ny tononkalo : 54

Raha io fafana eo ambony io no jerena dia azo ambara fa ny "*fo*" no mahazo laka eo amin'ny mpanoratra. Raha tononkalo 100 mantsy no niaingana nanaovana ny fandinihina, dia tononkalo 54 tamin'izany no nisy ny voambolana "*fo*". Ny tononkalo iray amin'ireo dia mety ahitana voambolana mihoatra ny iray ny fiverenany.

Ohatra : T<sub>86</sub> : 2

T<sub>3</sub>: 3

T<sub>25</sub>:4

Ny fitambaran'ny isan'ny voambolana *"fo"* tao anatin'io tononkalo 54 io dia nahatratra 73.

Ety am-piandohana dia ataonay ,fa petra-kevitra ihany no ilazana fa ny *"fo"* no lafika tokana eo amin'ny mpanoratra sy ny asa sorany. Miankina indrindra amin'ny fandinihina izay asehonay manaraka ny fahamarinan'izany.

Amin'ny ankapobeny dia miantoka ny fahaveloman'ny olona ny fo. Io no fototry ny aina, noho izy mampandeha ny rà eran'ny tena amin'ny fitepony tsy ankijanona. Koa ny fijanonan'ny fitepon'ny fo dia maneho ny fahataperan'ny aina. Araka ny filazan'i Gabrielle Navone ihany koa dia *"ny fo no ivo eo amin'ny olombelona. Izy no toerana na fihanonan'ny hafatra avy ety ivelany ary mamoka ireo valiny haingana dia haingana"*<sup>15</sup>.

Azo tsoahina avy amin'izany, fa lafin-javatra maro eo amin'ny fiainan'ny olombelona no raketin'ny fo. Raha ny fandinihan'ny mpandinika dia ny fo no tena miasa indrindra eo amin'ny Malagasy , ka izany no ilazany azy hoe : *"Olon'ny fo"*. Maro ihany koa ireo voambolana fampiasa eo amin'ny fiainana andavanandro ahitana taratra izany *"fo"* izany. Ohatra : mahery fo, risi-po, fangoraham-po, saro-po, herim-po, sitra-po, fo lentika, fo vato, mivonto fo, lolom-po, be fo ...

Manamarika izany, fa tena manan-danja lehibe ny fo. Ambaran'i Gabrielle Navone ihany fa *"mifamatotra amin'ny fiainana ara-pihetseham-pon'ny olona ny fo"*<sup>16</sup>. Eo anatrehan'izany indrindra dia samy manana ny toe-pony ny tsirairay manoloana ny fiatrehina ny fiainana. Amin'ny Malagasy dia arakaraky ny toe-pon'ny olona ny teny entiny milaza izany. Ataony hoe manana *"fo vato"* ireo olona manana fo tsy mba mangoraka, tsy mba mitsetra . Lazaina kosa hoe *"fon'olona"* ny fon'ny olona mora mangoraka, mora mitsetra ny ory, ets...

<sup>15</sup> (G) NAVONE, *Ny atao no miverina ou Ethnologie et proverbes malgaches*, Ambozontany, Fianarantsoa 1987, p163 " "FO" est en général, le "centre ". Dans l'homme, c'est l'endroit où confluent les messages qui viennent de l'extérieur et d'où partent les réponses les plus immédiates "

<sup>16</sup> (G) NAVONE, op.cit, p163 "Au "fo" est liée d'abord la vie affective "

Tianay ihany koa ny maneho ny fon'ny mpanoratra ao anatiny ao .Asehonay amin'ny alalan'ity fafana ity ireo voambolana rehetra milaza toetra, araka izay hita ato amin' ny asa soratr' i Asiniony .

### 1.1.2. Fafana maneho ny toetry ny fon'ny mpanoratra :

| <b>Teny na andian-teny</b> | <b>Takila misy ny tononkalo</b>                                                                                                                                                                        | <b>Isan'ny teny</b> | <b>Isan'ny tononkalo</b> |
|----------------------------|--------------------------------------------------------------------------------------------------------------------------------------------------------------------------------------------------------|---------------------|--------------------------|
| Famoizam-po                | T <sub>67</sub>                                                                                                                                                                                        | 1                   | 1                        |
| Ory                        | T <sub>4</sub> , T <sub>44</sub>                                                                                                                                                                       | 2                   | 1                        |
| Himalo                     | T <sub>62</sub>                                                                                                                                                                                        | 1                   | 1                        |
| Adi-tsaina                 | T <sub>33</sub> , T <sub>91</sub>                                                                                                                                                                      | 2                   | 2                        |
| Igohona mangidy            | T <sub>1</sub>                                                                                                                                                                                         | 1                   | 1                        |
| Ankaso                     | T <sub>79</sub> , T <sub>86</sub> , T <sub>8</sub> , T <sub>74</sub> , T <sub>9</sub> , T <sub>48</sub>                                                                                                | 6                   | 6                        |
| Milonjo                    | T <sub>80</sub>                                                                                                                                                                                        | 1                   | 1                        |
| Tsetra, tsetra             | T <sub>79</sub> : 2                                                                                                                                                                                    | 2                   | 1                        |
| Ngidy                      | T <sub>86</sub> , T <sub>90</sub> , T <sub>55</sub> , T <sub>83</sub> , T <sub>11</sub>                                                                                                                | 5                   | 5                        |
| Ratram-po                  | T <sub>80</sub> : 3, T <sub>86</sub> , T <sub>90</sub> : 2, T <sub>45</sub> T <sub>79</sub><br>T <sub>81</sub> , T <sub>23</sub> , T <sub>79</sub> , T <sub>80</sub> T <sub>20</sub> , T <sub>86</sub> | 8                   | 5                        |
| Jaly                       | T <sub>64</sub> , T <sub>55</sub><br>T <sub>14</sub>                                                                                                                                                   | 8                   | 8                        |
| Ketraka                    | T <sub>72</sub> , T <sub>85</sub> , T <sub>86</sub> , T <sub>74</sub> , T <sub>50</sub>                                                                                                                | 1                   | 1                        |
| Malahelo                   | T <sub>15</sub>                                                                                                                                                                                        | 5                   | 5                        |
| Mitaraina                  | T <sub>15</sub> , (T <sub>86</sub> :2), T <sub>91</sub> , T <sub>39</sub> , T <sub>78</sub> , T <sub>38</sub>                                                                                          | 1                   | 1                        |
| Mitoloko                   | T <sub>21</sub><br>T <sub>18</sub>                                                                                                                                                                     | 7                   | 6                        |
| Malo-tava                  | T <sub>15</sub>                                                                                                                                                                                        | 1                   | 1                        |
| Hirifiry                   | T <sub>81</sub>                                                                                                                                                                                        | 1                   | 1                        |
| Mitoreo                    |                                                                                                                                                                                                        | 1                   | 1                        |
| Pitrapitra                 |                                                                                                                                                                                                        | 1                   | 1                        |

|                    |    |    |
|--------------------|----|----|
| <b>Fitambarany</b> | 54 | 48 |
|--------------------|----|----|

Fafana 2: maneho ny voambolana milaza ny toetry ny fo

Ireo teny na andian-teny ao anaty fafana ireo dia maneho, fa "fo" maratra, "fo" mijaly sy malahelo ny fon'ny mpanoratra.

Vao maika manamafy izany ireo voambolana milaza fitaovana ampiasainy toy ny :

fantsika :  $T_{60}$  ;

lefona :  $T_{62}, T_{36}$  ;

paingotra :  $T_{21}$  ;

antsy :  $T_{21}$  .

Raha jerena ireo fitaovana ireo dia fitaovana maranitra, manindrona. Toa tandindon'ny fitaovana namely ny fon'ny mpanoratra ,ka nahatonga ny fony haratra tahaka izao. Ireto tononkalo notsongainay ireto dia ahitana taratra mivantana izany toetry ny fon'ny mpanoratra izany :  $T_{14}$  ;  $T_{44}$  ;  $T_{90}$  ;  $T_{91}$  ;  $T_{99}$

Tsy midika akory izany fa tsy manam-pifaliana ny fon' i Asiniony . Araka ny fijerinay dia misy fifaliana tokoa ao am-pon'ny mpanoratra ,saingy, tsy dia mahazo laka firy. Mialoha ny hanomezanay ny fampitahana dia atolotray ireo voambolana milaza fifaliana :

| <b>Teny na andian-teny</b> | <b>Takila misy ny tononkalo</b>                                                                                       | <b>Isan'ny teny</b> | <b>Isan'ny tononkalo</b> |
|----------------------------|-----------------------------------------------------------------------------------------------------------------------|---------------------|--------------------------|
| Tsiky                      | $T_{91} T_{74}, T_{55}, T_{78}, T_{29} : 2,$<br>$T_{33} : 3, T_{79}, T_{19}, T_{80}, T_{58}$<br>$: 2, T_{37}, T_{31}$ | 16                  | 12                       |
| Fifaliana                  | $T_{31}, T_{80}, T_{14}, T_{61}, T_{55},$<br>$T_{79}$                                                                 | 6                   | 6                        |

|                    |                 |    |    |
|--------------------|-----------------|----|----|
| hahamirana         | T <sub>80</sub> | 1  | 1  |
| fahasambarana      | T <sub>14</sub> | 1  | 1  |
| hehy               | T <sub>19</sub> | 1  | 1  |
| korana             | T <sub>24</sub> | 1  | 1  |
| <b>Fitambarany</b> |                 | 26 | 22 |

### Fafana 3: maneho ny voambolana milaza fifaliana

Raha ampitahana ny fafana faha-2 sy ny fafana faha-3 dia miharihary ny elanelana eo aminy. Ny isan'ny voambolana maneho alahelo, ohatra, dia mahatratra 54 raha toa ka 26 no isan'ny milaza fifaliana. Hita amin'izany ,fa alahelo no tena manjaka ao am-pon'ny mpanoratra.

Mba hanamarinana tokoa, fa ny "fo" no lafika tokana eo amin'ny mpanoratra sy ny asa soratra, dia andeha arahina hatrany ny paika natoron'i Weber amin'ny fitadiavana ny sary maneho ny fo.

#### **1.1.3 Fitadiavana ny sary maneho ny "fo" :**

Araka ny foto-kevitr'i Weber dia mety hahitana sary maneho taratra toe-javatra maro samihafa koa ao amin' ny tononkalon' ny mpanoratra iray. Koa tsara raha hofakafakaina ny momba ireny sary ireny, izay mibaiko ny asa famoronana tononkalo rahateo koa. Hoy indrindra i Weber nanambara izany : *"Tsy maintsy dinihina tsara ny sary. Ny sary iray mantsy dia mampitambatra singa maro izay samihafa karazana matetika. Fitambaran-kevitra izy ireny, noho izany, misy zavatra itodihany"*<sup>17</sup>.

Avahanay amin'ny alalan'ny fafana ireo takila ahitana ny voambolana “maso” , izay heverinay fa sary maneho ny fo :

| <b>Voambolana</b> | <b>Takila misy ny tononkalo</b>                                              | <b>Isan'ny teny</b> | <b>Isan'ny tononkalo</b> |
|-------------------|------------------------------------------------------------------------------|---------------------|--------------------------|
|                   | T <sub>76</sub> , T <sub>44</sub> , (T <sub>81</sub> : 2), T <sub>23</sub> , |                     |                          |

<sup>17</sup> (J.P) WEBER, op.cit, p26 " Il faut bien étudier les images. Une image unit en un tout des éléments le plus souvent disparates. Ce sont des associations d'idées, et comme telle, elles sont évidemment orientées "

|                    |                                                                                                                                                                                                                                                                                         |    |    |
|--------------------|-----------------------------------------------------------------------------------------------------------------------------------------------------------------------------------------------------------------------------------------------------------------------------------------|----|----|
| Maso               | (T <sub>59</sub> : 2), T <sub>86</sub> , T <sub>8</sub> , T <sub>56</sub> ,<br>(T <sub>25</sub> : 4), T <sub>5</sub> , (T <sub>37</sub> : 2),<br>(T <sub>91</sub> : 4), T <sub>74</sub> , T <sub>49</sub> , (T <sub>7</sub> :<br>3), T <sub>9</sub> , T <sub>83</sub> , T <sub>57</sub> | 29 | 18 |
| <b>Fitambarany</b> |                                                                                                                                                                                                                                                                                         | 29 | 18 |

Fafana 4: maneho ny voambolana maso

Tononkalo 18 dia samy nahitana voambolana "maso" avokoa. Ny tononkalo sasany amin'ireo nosokajianay ireo aza dia manantitrantitra izany voambolana "maso" izany amin'ny famerimberenany in-2 na in-3 ny voambolana .

ohatra : T<sub>81</sub> : 2

T<sub>7</sub> : 3

T<sub>91</sub> : 4

Nahatratra 29 ny teny "maso" tao anatin'ireo tononkalo 18 ireo. Midika izany, fa manana ny lanjany amin'ity "fo" lafika tokana ity ny maso.

Araka ny voasoratra ao amin'ny *Rakibolana malagasy* dia "*fitaovan'ny vatana mijery ny maso*"<sup>18</sup>. Tsy amin'izay lafiny izay , anefa no tena resahina eto fa ny "maso" amin'ny maha sary maneho ny "fo" lafika tokana azy . Misy tononkalon'ny mpanoratra iray maneho indrindra ny maha fitaratra ny maso. Andeha ange arahina ny fiventesany izany :

*"Ny maso mijery fitaratra vita*

*Ny hevitra ao anatin'ny fo ao no hita*

*Vinaky ao daholo na ratsy na tsara*

*Ny maso mijery mahay mitantara"*

NY MASO<sup>19</sup>

<sup>18</sup> (R) RAJEMISA , *Rakibolana Malagasy*, Ed Ambozontany Fianarantsoa 1995 , tak 641

<sup>19</sup> (P. H) RANDRANTO , "Ny maso " in *Isambilo*, Ambozontany Fianarantsoa 1990 , tak 6

Izany hoe hita taratra eo amin'ny "maso" avokoa izay zavatra rehetra kobonin'ny "fo". Ny hevitra rehetra saintsainin'ny "fo" dia taratra ao amin'ny maso . Manamafy izany ny tononkalon'i Malalatiana hoe "*Tsy miafina*"<sup>20</sup>:

*"Taratro amin'ny masonao ny lokon'ny fisiana ,  
Ireo tandran-drahona haingon-tsalovan-danitra ,  
Ilay fanjam-bony mihorina , misoritra hakiviana  
Ny fipariakan'andon'ny rian-drano ravo .*

*Izay banjininao , izay nitranga tsinjoko ao,  
Vinakiko mazàna ny fihetsiky ny fo  
Afenina ahy , indrindra izay nianjady taminao ,  
Manova tentina azy hiofo na ho soa . "*

Tsy mba hita miharihary tahaka ny maso sy ny vava ny "fo" noho ny fanakonana na ny fangejan'ny vatana azy .Araka izany dia tsy mba afaka maneho ny tena maha- izy azy ny fo, hoy i Asiniony ao amin'ny tononkalony mitondra ny lohateny hoe : "*Soa...!*"<sup>21</sup>:

*"Soa fa tsy nomena vava  
Ito foko adaladala  
Angamba loza mahagaga  
Tena hampihanahana.*

*Soa tsy nanan-tongotra  
Tsy afaka hivoaka  
F'angamba ho fongopongotra  
Ny ao am-po tsy miloaka*

<sup>20</sup> (M ) RAMAROMIANTSO , *Ambadika sy ambadiky ny Fitia* , Tranom-pirinty FLM ,Antananarivo 2003, tak 20.

<sup>21</sup>

Boky I, tak 88

*Raha ny fo no manam-bava*

*Hiteny izao sy izao*

*Tsy mitafy intsony ianao*

*Raha io no nanan-tongotra*

*Hitondra izato tena*

*Ny hadalana tsy hay fefena !"*

Raha bangoina dia manan-danja lehibe eo amin'ny vatan'olombelona ny "maso", satria manambara mivantana ny fihetscham-pony raha toa ka tsy mba afaka maneho mivantana izany ny fo.

Ireny zavatra mitranga ao am-pon'ny olona ireny matetika dia vokatry ny toe-javatra niainany. Hotsongainay ato amin'ny asa soratr'i Asiniony indray izao ireo "*sehatra iainana*" ny fo.

## **1.2. Ireo "*sehatra iainana*" ny fo miverimberina ao amin'ny asa soratr'i Asiniony :**

Nosokajianay ho telo miavaka tsara ireo "*sehatra iainana*" ny fo ao amin' ny asa soratr'i Asiniony.

Voalohany dia ny fitiavana izay mifamatotra amin'ny fo, satria ny "fo" no loharano miteraka ny fitiavana . Eo ihany koa ny fahoriana izay mifaningo-paka aminy, satria ny "fo" no mandray ny akon'ny toe-javatra mitranga avy ety ivelany . Farany dia ny herim-po izay mifandrai-tendro amin'ny fo, satria ny "fo"no manosika ny olona hikiry hanatanteraka zavatra iray .Hoezahinay resahina tsirairay eo ambany ny mikasika ireo, araka izay hita taratra ato amin'ny asa soratr' i Asiniony .

### **1.2.1 Fitiavana :**

Raha vao miresaka hoe: fitiavana dia ny fo no mibaiko izany. Misy mpandinika iray milaza fa "*ny fo dia tandindon'ny fitiavana*" <sup>22</sup>. Entinay hanaporofoana , fa ny fitiavana dia sehatra iainana ny fo ao amin'ny asa soratr'i

<sup>22</sup> (H) MORIER, *Dictionnaire de Poétique et de Rhétorique*, Suisse 1981, p1082 " Le cœur est le symbole de l'amour "

Asiniony dia asehonay amin'ny alalan'ny fafana etsy ambany ireo teny na andian-teny milaza fitiavana. Marihina fa voafaoka ato amin'ity fitiavana ity avokoa na fitiavan-tanindrazana na fitiavan'olon-droa na fitiavan-drainy aman-dreny :

| Teny na andian-teny | Takila misy ny tononkalo                                                                                                                                | Isan'ny teny | Isan'ny tononkalo |
|---------------------|---------------------------------------------------------------------------------------------------------------------------------------------------------|--------------|-------------------|
| Fitiavana           | $T_{52}, T_{36}, T_{64}, T_{15}, T_{85}, T_3, T_{39}, T_{89} : 2, T_{84} : 2$                                                                           | 11           | 9                 |
| Fitia               | $T_{85}, T_{26}, T_{40}, T_2, T_{25} : 2, T_3, T_6 : 2, T_{10}, T_{74}, T_{12}, T_{39} : 2, T_{50}, T_{54}, T_{48}, T_{38} : 2, T_{89} : 2, T_{71} : 5$ | 27           | 18                |
| Tiana               | $T_{51}, T_{27}, T_{19}, T_{24}, T_{75}, T_6, T_{58}, T_{66}$                                                                                           | 8            | 8                 |
| Tia                 | $T_{20}, T_{40}, T_2, T_{25} : 2, T_1, T_3, T_{22} : 2, T_{46}, T_{66}, T_{74}, T_{55}, T_{32}, T_7, T_9 : 2, T_{50}, T_{78}$                           | 21           | 16                |
| Mitia               | $T_{12} : 3, T_{49}, T_{38}, T_{84}$                                                                                                                    | 6            | 4                 |
| Hifankatia          | $T_{59}, T_{63}$                                                                                                                                        | 2            | 2                 |
| <b>Fitambarany</b>  |                                                                                                                                                         | <b>75</b>    | <b>57</b>         |

Fafana 5: maneho ny voambolana milaza fitiavana

Io fafana eo ambony io dia maneho fa tononkalo 57 tamin'ny tononkalo 100 niaingana dia saika ahitana teny na andian-teny maneho fitiavana izay heverina ho sehatra iainana ny "fo" avokoa. Manaporofa izany fahamaroan'ny tononkalo izany , fa ny fitiavana dia anisan'ny sehatra iainana ny "fo" tokoa .

Fanampin'izany, ny isan'ny teny mateti-piherina ihany koa dia mihoatra lavitra amin'ny isan'ny tononkalo. Izay mahatratra 75 no isany. Ny tononkalo anankiray izany dia mety ahitana teny miverina mihoatra ny iray.

Ohatra :  $T_{89} : 2$

$T_{12} : 3$

$T_{25} : 4$

$T_{71} : 5$

Izao teny na andian-teny milaza fitiavana izao dia manamafy hatrany fa ny "fo" no lafika tokana eo amin'ny mpanoratra sy ny asa sorany. Hanohanany izany hevitrany izany dia arosonay etoana fa ny "maso" no hitarafana izany fitiavana izany.

Ny maso dia fitaovana iray hanehoana fitiavana. Araka izay hita ao amin'ny asa soratr'izy mpanoratra hoe : *"tsy voafefy"* <sup>23</sup>

*"Tsipalotry ny maso  
dia mitory miantsoantso  
Midradra 'zay kobonina  
sy teny tsy tononina"*

Na tsy misokatra aza ny vava dia ampy hilaza izay tian-kambara ny maso. Tsindrian'ny mpanoratra hatrany izany amin'ny hoe *"Ny masonao"* <sup>24</sup>:

*"Ny masonao ry aiko  
Tara-bola-manjopiaka anaty ranomasina  
Tsy miteny fa mivolana fitsiky miafinafina  
Hanovozana ny teny tsy voapakatry ny vava"*

Eto na dia ny lohatenin' ny tononkalo hoe *"Ny masonao"* fotsiny aza dia efa manome lanja ny "maso". Hoy mantsy i Weber raha nilaza momba ny lohatenin'ny tononkalon' i Apollinaire izay nanaovany fandinihina izy: *"Manamarika ny fananan'ny tononkalon i Apollinaire toetra sy ny anjara asa miompana amin'ny sakafo ny lohatenin'ny asa sorany"* <sup>25</sup>.

Midika izany fa azo hitarafana ny "lafika tokana" ao amin'ny mpanoratra iray ny lohatenin'ny tononkalony. Ka ny "maso" eto dia mitaratra ny ao anatin'ny "fo" lafika tokana. Manambara ihany koa ny fitiavana izay tsy mba afaka hambaran'ny fo

---

<sup>23</sup> Boky I, tak 5

<sup>24</sup> Boky I, tak 91

<sup>25</sup>(J.P) WEBER, op.cit, p501 " De là également les titres Apollinaire qui soulignent l'aspect et la fonction alimentaire "

ny maso. Hamafisin'ny ohabolana ihany koa izany manao hoe "*Ny fo no tsy tia ka ny maso no aharikarika*" sy ny hoe "*Ny fo tia tsy mena-mijery*".

Ireny rehetra ireny dia nanehoana , fa anisan'ny sehatra iainan'ny"fo" izay lafika tokana eo amin'ny mpanoratra sy ny asa sorany ny fitiavana .

Tsy io ihany, anefa no sehatra iainana ny fo, araka ny voalazanay teny aloha fa ao ihany koa ny fahoriana .

### 1.2.2. Fahoriana

Araka ny *Rakibolana Malagasy* , "*Ny fahoriana dia loza, voina, fahafatesan-kavana*"<sup>26</sup>. Koa izay teny na andian-teny mahakasika ireo dia nosokajianay ao anatin'ity fafana iray ity. Izany hoe tafiditra ato anatin'ity fafana ity avokoa ireo karazam-pahoriana mety hitranga, toy ny fahantrana , ny fahafatesana .

| Teny<br>na andian-teny | Takila misy<br>ny tononkalo                                                                                                                                                                                                                                             | Isan'ny<br>teny | Isan'ny<br>tononkalo |
|------------------------|-------------------------------------------------------------------------------------------------------------------------------------------------------------------------------------------------------------------------------------------------------------------------|-----------------|----------------------|
| Maty                   | T <sub>73</sub> , T <sub>72</sub> , T <sub>30</sub> , T <sub>8</sub> , T <sub>65</sub> : 6, T <sub>34</sub> ,<br>T <sub>56</sub> , T <sub>91</sub> , T <sub>55</sub> , T <sub>50</sub> , T <sub>57</sub> : 2,<br>T <sub>11</sub> : 3, T <sub>84</sub> , T <sub>79</sub> | 22              | 14                   |
| Fahafatesana           | T <sub>65</sub> : 2                                                                                                                                                                                                                                                     | 2               | 1                    |
| Ambavahoana            | T <sub>75</sub> , T <sub>18</sub>                                                                                                                                                                                                                                       | 2               | 2                    |
| Fasana                 | T <sub>65</sub> , T <sub>8</sub>                                                                                                                                                                                                                                        | 2               | 2                    |
| Rangolahy              | T <sub>8</sub>                                                                                                                                                                                                                                                          | 1               | 1                    |
| Lasana                 | T <sub>90</sub>                                                                                                                                                                                                                                                         | 1               | 1                    |
| Razana                 | T <sub>34</sub>                                                                                                                                                                                                                                                         | 1               | 1                    |
| Avelo, angatra         | T <sub>83</sub> : 2                                                                                                                                                                                                                                                     | 2               | 1                    |
| Lamba-tsaona           | T <sub>89</sub>                                                                                                                                                                                                                                                         | 1               | 1                    |
| Hisaona                | T <sub>11</sub> : 3                                                                                                                                                                                                                                                     | 3               | 1                    |
| Handevina, aleveno     | T <sub>11</sub>                                                                                                                                                                                                                                                         | 2               | 1                    |
| Rovidrovitra           | T <sub>73</sub>                                                                                                                                                                                                                                                         | 1               | 1                    |
| Mandao                 | T <sub>73</sub> , T <sub>43</sub> : 2, T <sub>72</sub> , T <sub>21</sub> , T <sub>13</sub>                                                                                                                                                                              | 6               | 5                    |

<sup>26</sup> (R ) RAJEMISA , op.cit , tak 197

|                         |                                                                                                     |    |    |
|-------------------------|-----------------------------------------------------------------------------------------------------|----|----|
| Tapatapaka              | T <sub>73</sub> , T <sub>55</sub> , T <sub>18</sub>                                                 | 3  | 3  |
| Solasola, may, tany hay | T <sub>73</sub>                                                                                     | 3  | 1  |
| Potika                  | T <sub>73</sub> , T <sub>80</sub> , T <sub>70</sub>                                                 | 3  | 3  |
| Nirodana, nikoro        | T <sub>45</sub>                                                                                     | 1  | 1  |
| Loza                    | T <sub>88</sub>                                                                                     | 1  | 1  |
| Toro                    | T <sub>80</sub>                                                                                     | 1  | 1  |
| Rava                    | T <sub>80</sub> T <sub>90</sub> , T <sub>91</sub> T <sub>55</sub> T <sub>89</sub> , T <sub>58</sub> | 6  | 6  |
| Nandrasarasa            | T <sub>71</sub>                                                                                     | 1  | 1  |
| Hanorotoro              | T <sub>21</sub>                                                                                     | 1  | 1  |
| Fongotra                | T <sub>88</sub>                                                                                     | 1  | 1  |
| Lo                      | T <sub>15</sub>                                                                                     | 1  | 1  |
| Levona                  | T <sub>79</sub>                                                                                     | 1  | 1  |
| Mpandrava               | T <sub>91</sub>                                                                                     | 1  | 1  |
| Potraka                 | T <sub>67</sub>                                                                                     | 1  | 1  |
| Fitambarany             |                                                                                                     | 73 | 54 |

Fafana 6: maneho ireo voambolana milaza fahoriana

Io fanasokajiana io dia maneho amintsika , fa mihoatra hatrany amin'ny isan'ny tononkalo ny isan'ny teny manambara fahoriana. Raha 54 no isan'ny tononkalo misy teny na andian-teny milaza fahoriana, dia mahatratra 73 kosa ireo teny na andian-teny hita tao anatiny maneho izany. Manaporofo hatrany ireo tarehi-marika ireo fa ny "fo" no lafika tokana eo amin'i Asiniony sy ny asa sorany. Ny fahoriana kosa dia isan'ny sehatra iainan'izany" fo" izany. Hoentinay manamafy ny fandalinana nataonay ny maha sary maneho fahoriana ny maso .

Avy amin'ny maso no ipoiran'ny ranomaso. Hita miverimberina ao amin'ny tononkalon' i Asiniony izany teny na andian-teny maneho ranomaso izany. Indro àry asehonay amin'ny alalan'ny fafana eto ambany ireo teny na andian-teny maneho ranomaso ireo :

| Teny na andian-teny | Takila misy ny tononkalo                                                                                                                                                                                               | Isan'ny teny | Isan'ny tononkalo |
|---------------------|------------------------------------------------------------------------------------------------------------------------------------------------------------------------------------------------------------------------|--------------|-------------------|
| Ranomaso            | T <sub>91</sub> , T <sub>79</sub> , T <sub>86</sub>                                                                                                                                                                    | 3            | 3                 |
| Bongomaso           | T <sub>57</sub>                                                                                                                                                                                                        | 1            | 1                 |
| Mitomany            | T <sub>15</sub> , T <sub>43</sub> , T <sub>44</sub> , T <sub>81</sub> , T <sub>80</sub> , T <sub>85</sub><br>T <sub>21</sub> , T <sub>56</sub> , T <sub>48</sub> , T <sub>78</sub> , T <sub>83</sub> , T <sub>11</sub> | 12           | 12                |

|                    |                 |    |    |
|--------------------|-----------------|----|----|
| Volomaso lena      | T <sub>85</sub> | 1  | 1  |
| <b>Fitambarany</b> |                 | 19 | 19 |

Fafana 7: maneho ireo teny na andian-teny milaza ranomaso

Ny fitomaniana no taratry ny alahelo mivoaka ao am-po. Manamarina izany ny tononkalon 'i Asiniony hoe *"Iononako"*<sup>27</sup>:

*"Ry foko  
Ekeo ho mahaso  
Na dia fota-mandrinao !  
Roahy ny toloko  
sy vaingan-drano kely  
eo am-bolomasonao  
fa minia an-tsokosoko  
mamelona alahelo  
sy manangana avelo  
manampy ny ankasao  
manavesatra ny maso."*

Tianay ihany, anefa no manamarika fa rehefa diso faly loatra ihany koa ny olona dia mety hitomany. Na ny fahoriana na ny hafaliana, dia samy avy ao am-po daholo. Manamarina hatrany izany fa ny "fo" no mitahiry ny toe-javatra eo amin'ny fiainan'ny olona. Ny "maso" no sary maneho izany araka ny fandalinana narosonay teo.

Matetika dia ao anatin'ny fitiavana, ny fahoriana no tena ahitana ny herim-pon'ny olona. Miharihary ato amin'ny asa soratr'i Asiniony ny fiainana ny herim-po araka izao fanakaran-kevitra manaraka izao.

### 1.2.3. Herim-po

---

<sup>27</sup> Boky I, tak 86

Ny "*fo dia tandindon'ny herim-po*"<sup>28</sup> hoy ity mpandinika iray . Izany hoe, ny fo no loharano miteraka ny finiavana hahatontosa ny tanjona kinendry na handresena ny toe-java-misy eo amin'ny fiainana. Azo tsoahina avy amin'izany, fa anisan'ny sehatra iainana ny fo ihany koa ny herim-po. Misongadina ato amin'ny asa soratr'i Asiniony amin'ny alalan' ny fiverimberenana ny voambolana izany herim-po izany. Indro àry avondronay ato anatin'ny fafana ireo teny na andian-teny maneho herim-po.

| <b>Teny na andian-teny</b> | <b>Takila misy ny tononkalo</b>                                                         | <b>Isan'ny teny</b> | <b>Isan'ny tononkalo</b> |
|----------------------------|-----------------------------------------------------------------------------------------|---------------------|--------------------------|
| Herim-po                   | T <sub>76</sub> , T <sub>36</sub> , T <sub>64</sub> , T <sub>65</sub> , T <sub>87</sub> | 5                   | 5                        |
| Tanjaka                    | T <sub>76</sub>                                                                         | 1                   |                          |
| Afa-miarina                | T <sub>76</sub>                                                                         | 1                   |                          |
| Heriko                     | T <sub>52</sub> , T <sub>64</sub> , T <sub>18</sub>                                     | 3                   | 3                        |
| Fahafoizan-tena            | T <sub>64</sub>                                                                         | 1                   |                          |
| Mihari-pery                | T <sub>35</sub>                                                                         | 1                   |                          |
| Miongo-bolo                | T <sub>35</sub>                                                                         | 1                   |                          |
| Miaritra                   | T <sub>35</sub>                                                                         | 1                   |                          |
| Mikokotra                  | T <sub>35</sub>                                                                         | 1                   | 1                        |
| Mihafy                     | T <sub>35</sub>                                                                         | 1                   |                          |
| Kiriny                     | T <sub>64</sub>                                                                         | 1                   |                          |
| Manao sorona               | T <sub>35</sub>                                                                         | 1                   |                          |
| Tsy kivy                   | T <sub>19</sub> , T <sub>80</sub>                                                       | 2                   | 2                        |
| Mavitrika                  | T <sub>17</sub>                                                                         | 1                   |                          |
| Mailaka                    | T <sub>17</sub>                                                                         | 1                   |                          |
| Miroso                     | T <sub>17</sub> T <sub>62</sub>                                                         | 2                   | 2                        |
| Tolona                     | T <sub>65</sub>                                                                         | 1                   | 1                        |
| Hambom-po                  | T <sub>25</sub> : 2                                                                     | 2                   | 1                        |

<sup>28</sup> (H) MORIER, op.cit, p1082 " Le cœur est le symbole du courage "

|                             |                                   |    |    |
|-----------------------------|-----------------------------------|----|----|
| Mitraka                     | T <sub>44</sub>                   | 1  | 1  |
| Mikatroka, mitady, mikaroka | T <sub>24</sub>                   | 3  | 1  |
| Matanjaka                   | T <sub>75</sub> , T <sub>65</sub> | 2  | 2  |
| Sahy                        | T <sub>23</sub> , T <sub>89</sub> | 2  | 2  |
| <b>Fitambarany</b>          |                                   | 35 | 21 |

Fafana 8: maneho ireo teny na andian-teny milaza herim-po

Naravonay ao anatin'io fafana eo ambony io avokoa ireo voambolana mifanindran-dalana amin'ny herim-po. Ireo voambolana maneho ny finiavana sy ny fikirizana ary ny fahasahian'ny mpanoratra. Mahatratra 35 izy ireo ary 21 kosa ny tononkalo mirakitra izany . Azo tsoahina avy amin'ireo voambolana hita ireo, fa anisan'ny sehatra iainana ny "fo" ny herim-po. Mbola hamafisin'ny "maso" sary maneho ny herim-po ihany koa izany.

"Maso" fototeny niavian'ny hoe : imasoana, mimaso, fimasoana. Izay midika ho fikezahana na filofosana manao zavatra<sup>29</sup>. Ny hevitra ny teny hoe "herim-po" koa, anefa dia *"herin'ny sitra-po mandresy ny tahotra sy ny henatra ary tsy mikendry afa-tsy, ny hahavita zavatra ka milofo hatramin'ny farany"* <sup>30</sup>. Izany hoe, raha ireo fanazavana ireo no iaingana dia miharihary, fa sary maneho ny herim-po ny "maso". Misy ifandraisany ny herim-po sy ny "maso" raha zohina, satria samy milaza finiavana hahatontosa zavatra iray .Ny fifandraisan' ireo voambolana ireo angamba no nahatonga ilay fitenenana hoe : " Mamelom-maso". Ny teny hoe "Mamelom-maso" dia maneho ny ezaka ataon'ny olona manoloana toe-javatra iray . Ohatra : mamelom-maso ny tanindrazana dia entina ilazana ny fikarakarana tsara ny tanindrazana tsy ho lasa tanàna haolo na karakaina . Araka izany ny herim-po ao anatin'ny mpanoratra dia taratra amin'ny alalan' ny fimasoany ; ny fikezahany hanatanteraka zavatra iray . Izany dia taratra tamin'ny fiverimberenan'ny voambolana milaza fikirizana tao amin'ny asa sorany .

<sup>29</sup> (R ) RAJEMISA , op.cit , tak 424

<sup>30</sup> (R) RAJEMISA , op.cit , tak 641

Raha izay hitanay izay ny lafika tokana eo amin'ny mpanoratra sy ny asa soratra dia hamarininay na hampifandraisinay amin'ny alalan'ny tantaram-piainany ny maha- lafika tokana ny “fo” .

## TOKO II : NY TANTARAM-PIAINAN'NY MPANORATRA SY NY FIFANDRAISANY AMIN'NY "FO" LAFIKA TOKANA

Mifaningoitra tanteraka amin'ny fiainan'ny mpanoratra ny asa sorany. Izany indrindra no ambaran'i Weber : *"Toa tena misy ifandraisana lehibe eo amin'ny lafiky ny mpanoratra sy ny fiainany."*<sup>31</sup>

Ny hanasongadina izay fifandraisan'ny mpanoratra sy ny asa soratra izay no kendrenay eto amin'ity toko faharoa ity. Ezahinay hasongadina ny tantaram-piainan'i Asiniony amin'ny maha-olon-tsotra sy amin'ny maha-mpanoratra azy .

### 2.1. Asiniony olon-tsotra :

Manampy betsaka amin'ny fandalinana ny asa soratra ny fijerena ny tantaram-piainan'ny mpanoratra. Milaza izany Raharolahy : *"Ny fandalinana ny tantaram-piainan'ny mpanoratra dia hanampy amin'ny fanakarana ny hevi-dalina voarakitra ao"*<sup>32</sup> .Izany indrindra no nahatonga anay hamelabelatra manokana momba ny tantaram-piainan'i Asiniony .

#### 2.1.1. Ny karapanondrony :

RANDRIANIASIMANANA Ionisoa Mamonjitiana no tena anarany. Teraka tamin'ny 22 May 1979 tao Mahitsy Ambohidratrimo Antananarivo.

RANDRIANIASIMANANA Armand (efa maty) no ray niteraka azy. RAMAMONJISOA Honorine no anaran-dreniny, mpampianatra no asany.

Efatra mianadahy izy ireo no iray tampo : telo vavy, iray lahy. I Ionisoa no voalohany sady vavimatoa. Ireto avy ny anaran'ireo iray tampo amin'i Asiniony :

RANDRIANIASIMANANA Rija Vonjielson

RANDRIANIASIMANANA Ravaka Mamonjitiana

RANDRIANIASIMANANA Harifara Mamonjitiana

Zava-dehibe eo amin'ny Malagasy ny anarana, noho izy mirakitra firarian-tsoa tiana hotanteraka amin'ny zanaka. Manazava izany Ralaimihoatra: *"Ny sasany*

<sup>31</sup> (J.P) WEBER, op.cit, p507 :*"Il semble bien qu'il existe un rapport essentiel entre le thème et sa vie »*

<sup>32</sup> RAHAROLAHY, *Erika*, "Teny Fanolorana ", Imprimerie d'ouvrages Educatifs, Librairie Mixte, 1976, tak 15

*amin'ny anarana dia mirakitra firariana, fangataham-pitahiana tononina ho an'ny zaza"* <sup>33</sup>. Araka izany dia tsy nataotao foana ny anaran'ny zaza fa mirakitra ireo tanjona kendren'ny ray aman-dreny .

Mifanojo amin'izany fiheverana izany ny fiheveran'ity mpandinika iray ity, raha manazava ny maha-zava-dehibe ny anarana izy : *"Milaza inona moa ny anarana?. Tsy dia misy inona loatra hoy angamba isika. Angamba isika hihevitra, fa ny anarana nomen'ny ray aman-dreny antsika tamin'ny nahaterahantsika dia zava-madinika foana, toy irony taratasy kely apetraka amin'ny entana mba hanavaka azy amin'ny entana hafa ihany. Misy antony lehibe lavitra noho izany, anefa, ny anarana. Ny anarantsika dia isan'ny momba ny fiainantsika mihitsy. Manakambana antsika amin'ny tranontsika, amin'ny tanindrazantsika, amin'ny firenentsika izy, ka noho izany dia mirakitra tantara masina izay mamintsika izy, adidy masina izay miandry hotanterahintsika"*<sup>34</sup>

Nahaliana anay izany ka mba nandinika izay hevitra fonosin'ny anaran'i Asiniony ihany koa izahay. Ny fandrahana ny anarany no entinay manao ny fandalinana:

#### RANDRIANIASIMANANA Ionisoa Mamonjitiana

☞ RANDRIANIASIMANANA : anaran'ny rainy

☞ IONISOA : I-ONI-SOA

➤ I : mpanoritra

➤ Ony : rano

Anjara asan'ny rano : manadio, manala hetaheta, manondraka, mitondra aina

➤ Soa : zavatra tsara, mahafinaritra, mahafaly, kanto, meva<sup>35</sup>

☞ MAMONJITIANA : MAMONJI-TIANA

➤ Mamonjy : nalaina avy amin'ny anaran-dreniny Ramamonjisoa

<sup>33</sup> RALAIMIHOATRA, "Psychologie de l'enfant malgache " in *Revue de Madagascar*, lah 1, 1949. " Certains de ce noms constituent comme un souhait, une bénédiction prononcée sur la tête de l'enfant "

<sup>34</sup> IRAKO ANDRIAMAHAZOSOA, "Ilay lehilahy tsara anarana indrindra " in *Baibolin'Idadabe*. Edisiona Fahana, Antananarivo 2004, tak 38.

<sup>35</sup> ( R ) RAJEMISA , op.cit , tak 885

Ny mamonjy ihany koa dia midika ho manavotra, manampy, manala olona amin'ny loza.<sup>36</sup>

➤ Tiana : maneho ny firaketam-po

Ny Mamonjitiana ihany koa dia anarana hikambanany amin'ireo rahavaviny. Raha halalinina tokoa dia tsy nataotao foana ny anaran'i Asiniony, fa isan'ny momba ny fiainany mihitsy.

Toy izao no hevitra mety ho raketiny :

- Manakambana azy amin'ny tranony. Izany hoe, mampiray azy amin'ny fianakaviany. Mampiray an'i Asiniony amin'ny reniny, ny rainy, ny iray tampo aminy. Mamelona hatrany ny anaran'ireo ray aman-dreny loharano nipoirana.

- Mirakitra adidy masina izay miandry hotanterahiny dia ny famonjena, ny fanampiana ary ny fanalana ny olona amin'ny loza mitranga. Hita fa efa miroso amin'izany andraikitra izany izy ankehitriny satria ny lalam-piofanana ho mpitsabo no nosafidiany. Ny mitsabo tokoa mantsy no mamonjy sy manampy ny olona marary, miezaka manao izay azony atao mba hialan'ny loza amin'ny olona, dia ny aretina izany. Miezaka mitondra zavatra mahafinaritra, mahafaly, kanto eo amin'ny marary mba hahamora ny fahasitranany.

Eo amin'ny sehatry ny fanoratana ihany koa dia ahitana taratra izany andraikiny izany. Mitondra ny tsara, ny mahafinaritra, ny mahafaly, ny kanto, ny meva eo amin'ny olona izy amin'ny alalan'ny asa sorany. Manampy ary manavotra ihany koa ny olona izay mitady ho latsaka ao anatin'ny loza, ohatra, mitarika ny namana tsy ho voafitaky ny lehilahy. Miharihary izany amin'ny tononkalony hoe "*Ny lehilahy sy ny saribakoly*"<sup>37</sup>:

*"Raha mbola lalaon-dehilahy*

*Ny saribakoly, malaza!*

<sup>36</sup> (R ) RAJEMISA , op.cit , tak 574

<sup>37</sup> Boky I , tak 31

*Tandremo ry misy fanahy  
Sao babon'ny fo mbola zaza!"*

Ny mpanoratra no manala ny hetahetan'ny olona. Izy no mamaly ny filan'ny fiarahamonina. Mikaroka izay ilain'ny fiarahamonina ary manambara izany amin'ny alalan'ny asa soratra. Mampiharihary ny finiavany hanatanteraka izany adidiny izany i Asiniony ao amin'ny tononkalo hoe "*Hanoratra aho*"<sup>38</sup> :

*Tsy lavitra ahy ialahy  
ka dia hanoratra aho  
hiantsa hetsi-po  
hamosaka ny ratra  
hanondro lalan-tsoa  
hidradra izay mba tsapa*

*Na lasana aza ialahy ,  
mbola hanoratra aho  
hihaza hevi-diso  
sy tsy rariny ety  
handrafitra ny ampitso  
hanitsy izay mania"*

Ny mpanoratra ihany koa no manadio ny toe-tsaina eo amin'ny olona. Manatanteraka izany andraikiny izany i Asiniony ao amin'ny "*Andeha hiara-dia*"<sup>39</sup>

*"Ry mpanondro-pirenena  
Mitady handeha irery  
Tadidio ny fahendrena :  
"Ny firaisana no hery"  
Raha tena hoe hitolona  
Handroso!... tsy hiato!*

---

<sup>38</sup> Boky I , tak 90

<sup>39</sup> Boky I , tak 62

*Mitambara re ray olona*  
*"zay mitambatra no vato".*

*Ry vahoaka sesehena*  
*Avitrano aloha ny saina*  
*Fa ny tolona tsy mora*  
*Raha hikatsaka maraina.*  
*Raha hery mitsipotika*  
*no iantsiana fahavalo*  
*Aoka fa handositra,*  
*hilavo lefona, himalo".*

Farany, maneho ny firaketam-pon'ny mpanoratra amin'ny ankohonany, ny namany, ny fiarahamonina ihany koa ny anarany:

Tiana : lalaina, sitraka

⇒ Mirakitra fitiavana

Izay ny momba ny karapanondron'ny mpanoratra, fa hotohizanay ny fanadihadiana ny loharano nipoirany.

### **2.1.2. Ny loharano nipoirany :**

#### **2.1.2.1. Avy amin'ny lafin-drainy :**

Ranaivo Edward no raibeny avy ao Ankadivoribe Antananarivo no fiaviany. Mpanoratra, mpikabary ary mpitendry zava-maneno izy. Tao amin'ny Fiangonana Ampahitrosy Firaiana no nampalaza azy tamin'izany fotoana izany.

RAZANAMARIA Angèle kosa no renibeny, avy ao Ankadivoribe Antananarivo ihany koa no fiaviany.

#### **2.1.2.2. Avy amin'ny lafin-dreniny :**

RAMAMONJISOA Norbert no anaran'ny raibeny avy amin'ny lafin-dreniny. Avy any Marovoay izy. RAZANAMELINA Justine kosa no anaran'ny renibeny. Izy kosa dia avy ao Ambanidia Antananarivo.

Ilaina amin'ity asa fikarohana ity ny mikasika ny fiainam-pahazazan'ny mpanoratra. Ny lafika tokana mantsy dia manan-danja hatrany amin'ny fahazazany ka hatramin'ny fiforonan'ny poezia ho an'ny poeta iray. Araka ny filazan'i Weber manao hoe : *"Raha asan'ny fahalehibeazana ny poezia, ny lafika poetika kosa dia an'ny fahatsiarovana fahazaza"*<sup>40</sup>.

### 2.1.3. Ny fiainam-pahazazany :

#### 2.1.3.1. Ny fahakambotiana :

Vao fito taona monja i Asiniony dia nindaosin'ny fahafatesana ny rainy. Maneho ny alahelony momba izany izy ao amin'ny *"ratram-po"*<sup>41</sup>:

*"Mavany loatra ry lahatra, naka andry fiankinana  
Nanakona 'lay taratra fitia tsy nanombinana"*

Miharihary amin'ny lohatenin'ny tononkalo eto ny toetry ny fon'ny mpanoratra vokatry ny toe-javatra nianjady taminy. Maratra ny fon'ny mpanoratra noho ny fandoazan'ny rainy azy.

Nanomboka teo amin'io fotoana nahafatesan'ny rain'i Asiniony io dia toa nipoitra teo amin'ny fiainany avokoa ireo karazan-toe-java-tsarotra rehetra, satria :

Fotoana fohy tao aorian'ny nahafatesan'ny rainy dia narary ny zandrin'i Asiniony, izay vao dimy volana monja. Sahirana dia sahirana ary nipenimpenina tokoa ny reniny nikarakara izany zandriny izany, sady nikarakara azy telo mianadahy ihany koa. Nanako tany amin'ny asa sorany izany toe-javatra niainany izany; manindrahindra ny herin-tsaina sy ny herim-po hananan'izany reny izany izy ao amin'ny *"Dada ianao ry Neny"*<sup>42</sup>:

<sup>40</sup> (J.P) WEBER, op.cit, p 534 " Si la poésie est une activité de l'adulte (...) le thème poétique est un souvenir d'enfance "

<sup>41</sup> Boky I , tak 85

<sup>42</sup> Boky I , tak 35

*"Dada ianao ry Neny  
Mahavita mihari-pery  
Miongo-bolo samy irery  
Hanabeazana ny kely"*

Vokatr'izany toe-javatra nitranga izany, dia nisy fiovana lehibe teo amin'ny fiainan-tokantranon'izy ireo. Nihena ny fidiram-bola, ary vao maika nanampy trotraka izany koa ny tsy fahombiazana nitranga. Toa tonga amin'ilay fitenenana hoe: *"Ny nambole-tsy naniry, ny nasosoka maty ho azy"*.

Tena izany tokoa no nitranga teo amin'izy mianakavy kely, satria nanana fambolena sy fiompiana lehibe izy ireo. Raha vao maty, anefa ny rainy dia toa tsy nahomby intsony izany fambolena sy fiompiana izany. Tsy namokatra intsony ny tany, matimaty foana ny biby fiompy.

Nolazain'i Asiniony fa na dia tsy tao anatin'ny sokajin'ny olona sahirana tanteraka aza izy ireo, dia hita ho nisy fiatraikany taty amin'ny fiainany ny toe-javatra nisy. Nisy fiatraikany satria voatery novidiana avokoa ny sakafo rehetra. Ny fidiram-bola anefa araka ny voalazanay teo ambony dia nihena. Ireny rehetra ireny no voatahiry tao am-pon'ny mpanoratra ka nahatonga ny fony ho voadona. Ary dia mihalohalo amin'ny asa sorany foana ny "fo". Ny "fo" izay manana toetra malahelo.

Na dia maro tahaka izany aza ny fahoriana nianjady tamin' i Asiniony dia nahazo ny fanabeazana mitovy ny rehetra ihany izy.

### **2.1.3.2. Ny fanabeazana azony :**

#### **2.1.3.2.1. Ny fianarana nodiaviny :**

Tao amin'ny E.P.P. Ankadifotsy Mahitsy no nanombohan'i Asiniony nianatra nandritra ny telo taona (Kilasy  $T_1 - T_3$ ).

Nifindra tao amin'ny E.P.P. Ampasanimalo izy ny kilasy  $T_4$ , satria voatery hiasa tamin'io toerana io ny rainy. Herintaona ihany, anefa, no nianarany tao, satria nifindra fonenana tao Ambanidia indray izy ireo. Ny antony dia tamin'io fotoana io no nindaosin'ny fahafatesana ny rainy. Eto Ambanidia ihany koa no misy ny tranon-

drenibeny ka mba hialan'izy ireo amin'ny fahasahiranana mety hitranga dia teny izy ireo no nonina.

Tao amin'ny E.P.P. Ambanidia izy no nanala ny fanadinana ara-panjakana voalohany (C.E.P.E.).

Tafiditra tao amin'ny C.E.G. Avaradrano izy avy eo. Nianatra tao izy nanomboka ny kilasy faha-6 ka hatramin'ny kilasy faha-9 (T<sub>9</sub>).

Nanohy ny fianarany tao amin'ny Lycée Andohalo sy tao amin'ny Collège du Progrès Andrefan' Ambohijanahary rehefa nahazo ny maripahaizana B.E.P.C.

Niakatra teny amin'ny Oniversite indray izy rehefa nahazo ny mari-pahaizana "Baccalauréat". Nisafidy ny lalam-piofanana ao amin'ny "faculté de Médecine" ary mbola manohy ny fianarany eny hatramin'izao ( taona 2005).

Tsy ny fanabeazana ara-tsaina ihany no notovozin'ny mpanoratra, fa nahazo ny fanabeazana ara-panahy ihany koa izy.

#### **2.1.3.2.2. Fanabeazana kristiana :**

Nokolokoloina sy nobeazina tamin'ny fivavahana kristianina i Asiniony. Nianatra Sekoly Alahady tao amin'ny F.J.K.M. Andavamamba Kristy Voahombo izy. Mpampianatra sekoly Alahady ao amin'io Fiangonana io izy amin'izao fotoana izao. Efa tao anatina antoko mpihira ihany koa i Asiniony teo aloha.<sup>43</sup>

Nisongadina tato amin'ny fiainam-pahazazan'ny mpanoratra ny fahoriana sy ny fijaliana nahazo azy. Voasoritsoritra tao koa ny dingana nolalovany teo amin'ny fanabeazana.

Manao ahoana kosa indray àry ny fiainam-pahatanorany?

#### **2.1.4. Ny fiainam-pahatanorany :**

Amin'ny ankapobeny dia mety hisy fiatraikany aty aoriana ny zavatra nitranga teo amin'ny fiainan'ny olona anankiray. Mety ho tsara, mety ho ratsy ny

---

<sup>43</sup> Araka ny resaka nataony taminay dia noho ny tsy fahampian'ny fotoana no nahatonga azy hiato tsy ho tao anatin'ny antoko mpihira

vokany , fa andeha ny fanadihadiana nataonay tamin'i Asiniony no arahina hamaliana izany .

#### **2.1.4.1. Ny fiatraikan'ny lafika tokana "fo" teo amin'ny fiainan'ny mpanoratra:**

Araka ny fanazavan'i Pierre Picon dia azo aravona ho iray ny toetry ny asa soratra sy ny toetry ny mpanoratra : *"Ny asa soratra sy ny olona (nanao azy) dia azo arafitra ho fitambaran-javatra iray tsy azo zaraina"*<sup>44</sup>.

Izany dia toa milaza, fa ny toetry ny asa soratra no ahafahana misintona ny toetry ny mpanoratra.

Ny "fo" lafika tokana no mibahana eo amin'ny asa soratr'i Asiniony. "Fo" izay manana toetra malahelo, mitomany. Tahaka izany koa ny toetran'ny mpanoratra. Amin'ny ankapobeny dia olona mora tohina, mora malahelo ary mora mitomany izy.

Misongadina ao amin'ny asa sorany ihany, anefa, ny fiezahana hilofo amin'ny fiainana. Ny risi-po sy ny zotom-po entiny matrika ny fisehoan-javatra samihafa. Tsy mba nilofika teo anatrehan'ireny toe-javatra ireny izy, fa nanana herin-tsaina hoenti-miady hatrany.

Koa sahinay ny milaza eto, fa olona be herim-po ny mpanoratra satria nahay nandresy ny zava-tsarotra teo amin'ny fiainana. Ny tena herim-po mantsy raha ny filazan'i Fénélon no arahina dia *"ny mibanjina ny loza rehetra ary ny manao azy tsy ho inona raha tsy maintsy misy izy..."*<sup>45</sup>. Araka ny hevitrany dia tanterak'i Asiniony izany. Manamafy izany koa ny fanadihadiana natao tamin'ireo olona mifanerasera aminy . Izay milaza ny fahazotoany sy ny fikirizany mandray andraikitra ary ny finiavany hanantontosa an' iny zavatra atao iny hatramin'ny farany <sup>46</sup>.

Azo ambara araka izany, fa tsy vato nisakana teo amin'ny fiainan'i Asiniony ny fisian'ireny toe-javatra nitranga rehetra teo amin'ny fiainany ireny. Vao mainka aza nanosika azy hatrika ny fiainana izany. Tamin'ny fotoana nahararian'ny

<sup>44</sup> PIERRE PICON, *L'œuvre d'art et l'imagination*, lib classique, Hachette, Paris, 1995, p 81 "L'œuvre et l'homme peuvent constituer une totalité indivisible "

<sup>45</sup> FENELON, in *Rakibolana Malagasy*, Ambozontany, Fianarantsoa, Natonta Fanindroany 2003 p 218 "...le vrai courage consiste à envisager tous les périls et à les mépriser quand ils deviennent nécessaires "

<sup>46</sup> LYDIARY ;RAMAMONJISOA Honorine ; RANDRIANIASIMANANA Rija Vonjelson

zandriny mantsy no efa nitsiry tao am-pony, fa hanao dokotera izy rehefa lehibe (7 taona i Asiniony tamin'izany fotoana izany).

Amin'izao fotoana izao izy dia eo am-panatanterahana izany faniriany izany. Mbola ao anatin'ny fianarana ho dokotera.

Nambarany ihany koa fa lasa toetra nanefy azy ny fitsitsiana vokatry ny fahasahiranana : *"Anisan'ny toe-javatra nanamarika ny fiainako ny fitsitsiana"* hoy i Asiniony. Tsy dia tia mandanilany vola foana izy, raha tsy zavatra tena ilaina. Vokatr'izany dia teraka tao amin' i Asiniony ny toetra mahay mionona, mahay miatrika eo anoloan'ny zava-tsarotra mitranga.

Mampahatsiahy ny toe-javatra nanjo an'i Davida izany. Ary sahiny ny nilaza hoe *"soa ihany aho nampahoriana, mba hianarako ny Didinao"*<sup>47</sup>

Ny an'i Asiniony kosa dia ny mametraka ny fiainany amin' Andriamanitra no voalohan-daharana. Manakoako izany izy ao amin'ny hoe: *"Eo an-tananao ry Raiko"*<sup>48</sup>.

*"Eo an-tananao ry Raiko  
no mba hametraho ahy  
sy 'zay zavatra kasaiko  
dia hatoky ka ho sahy,  
Na dia hoe tsy maintsy misy  
singo-dratsy mahasoa,  
eo kosa anefa tsy hisy  
izany hoe famoizam-po  
Na dia potra-dava, Tompo  
Raha mba eo an-tananao  
Afa-miarina hilofo  
Tsy manome tsiny Anao."*

*Eo an-tananao ry Raiko  
na ho ratsy na ho soa  
Eo finaritra ny saiko*

<sup>47</sup> Baiboly , Salamo 119: 71

<sup>48</sup> Boky I , tak 67

*manam-piadanam-po"*

Ny fametrahana ny fiainana eo amin' Andriamanitra no heverin'i Asiniony, fa hananana fiadanana manoloana ny toe-javatra mety hitranga na tsara izany na ratsy .

Ka na inona na inona ezaka atao amin'i Asiniony dia zava-poana ihany ireny raha tsy Andriamanitra no momba sy mitantana ny fiainana . Mitondra fanazavana momba izany izy ao amin'ny tononkalo mitondra ny lohateny hoe "*Isaorana Andriamanitra*" <sup>49</sup> :

N'inon'inona fikasa  
 Sy fikatroky ny saina  
 Raha tsy izy no miasa :  
 ...Herim-po very maina !

Ny tanjona kinendry  
 no mby sy todinao :  
 tsy tanjakao irery  
 ...Izy tena tao !

Koa izy no isaorana  
 sy anandratam-peo,  
 Dia 'lay Ray Mpitantana  
 ny tranga sy ny seho ."

Hamarananay ny fiainan'i Asiniony amin'ny maha-olon-tsotra azy dia asianay resaka kely ny fialamboly fanaony.

**2.1.4.2. Ny fialamboliny :**


---

<sup>49</sup> Boky I , tak 87

Ny fihainoana mozika toy ny feom-baliha, sodina, ny gitara ary ny "saxophone" no tena ankafizin'i Asiniony. Mihira momba izany fitiavana valiha izany izy ao amin'ny tononkalony hoe "*Ianao sy ny valiha*"<sup>50</sup>:

*Manaraka ao an-tsaina ny vazonao ny aty*

*....Miaiky an'izato fahaizanao valiha*

*Ny ritsoky ny feony amin'ny ora fitoniana*

*maningotra ny fo fa kanto iangaliana .*

*Ny foko zary babo, nanolotra fitia*

*...Teo anilanao ny feon'ilay valiha*

*Izaho no tsy tafandry rehefa alinalina*

*Ianao sy ny feony no tena mahamanina ."*

Tia mamaky boky literera ihany koa izy. Anisan'ny boky famakiny, ohatra, "*Ny zanako*" nosoratan'i Clarisse Ratsifandrihamanana.

Ireo boky nosoratan'ny mpanoratra toa an-dry Dox, Solofo José, Lydiary, Rado, Ranoé, E.D. Andriamalala. Ao koa ireo mpanoratra vahiny toa an-dry La Fontaine, Voltaire, Victor Hugo.

Ankoatra izay, dia mahafinaritra an'i Asiniony ny mitsangatsangana miaraka amin'ny namana, mpiara-mianatra, mpiara-mivavaka.

Santonany amin'ny fiainan'i Asiniony amin'ny maha-olon-tsotra azy izay nambaranay izay. Andeha hofakafakaina kosa ny fiainany amin'ny maha mpanoratra azy .

## **2.2. Asiniony mpanoratra :**

### **2.2.1. Ny loharano niteraka ny talenta :**

Talenta nolovana avy amin'ny raiben'ny avy amin'ny lafin-drainy ny fanoratana raha dinihina. Nambaranay teny aloha fa mpikabary no sady mpanoratra ary

---

<sup>50</sup> Boky I , tak 22

mpitendry zava-maneno io raibeny io. Hitovizany amin'i Dox izany fananana raibe poeta izany, saingy, ny mampiavaka azy dia i Dox voavolavola tanteraka ny talentany noho ny fiarahany nipetraka tamin'io raibeny poeta io ary ny fitaizan'io raiben'io azy ho tia vako-drazana<sup>51</sup>. Ny an'i Asiniony kosa dia feo niampita no nahalalana fa poeta ny raibeny, satria tsy nisy voarakitra an-tsoratra ny talentany. Nentina nitoriana ny Filazantsara tao amin'ny Fiangonana Ampahitrosy Firaaisana kosa izany fony fahavelony.

Oviana kosa àry i Asiniony no nanomboka nanoratra?

### 2.2.2. Ny niatombohany nanoratra :

Anisan'ny mahafinaritra an'i Asiniony ny mibanjina ny habakabaka, indrindra moa rehefa hariva mody masoandro iny. Iombonany amin'ny mpanoratra hafa toa an'i Dondavitra, Ny Avana izany.

Izany fibanjinana ny habakabaka izany no nampifoha ny talenta tao anatiny, ka nampirongatra ny aingam-panahiny. Niforona vokatr'izany ny tononkalo hoe: *"Mena masoandro"*<sup>52</sup>. Io no tononkalo nosoratany voalohany

Nanomboka teo dia tsy nitsahatra nanoratra i Asiniony, saingy, norovitiny hatrany izay tononkalo voasorany.

Taty aoriana dia hitan'ny mpampianatra fa manan-talenta tokoa izy. Nasain'io mpampianatra io namorona tononkalo avokoa ny mpianatra tao an-dakilasy. Ny tononkalo nosoratan'i Asiniony no nanaitra ity mpampianatra.

Nampirisika an' i Asiniony izy hanatona an'i Lydiary hitondra ireo tononkalo noforoniny.

Tsy nanao izany anefa, i Asiniony, ka mbola nampirisika hatrany ilay mpampianatra ny hanehoany ny tononkalony an'i Lydiary.

Farany, tapa-kevitra ihany izy ny hanatona an'i Lydiary. Tsapan'i Lydiary teo am-pamakiana ny asa sorany ihany koa fa manan-talenta tokoa i Asiniony. Vakio ange ny fanambarany izany : *"Tsaroako indray Alarobia marainan'ny volana Novambra 1996, indro tovovavy kely roa, misalotra aron'akanjo manga, mivimbina*

<sup>51</sup> DOX, *Hirako*, Imp Catholique Antanimena

<sup>52</sup> Tsy eo am-pelatanany intsony io tononkalo io, fa efa norovitiny. Araka ny resaka nataony taminay dia menatra izy raha misy mamaky ny asa sorany. Izany no antony nandrovitany azy

*kitapo, nandondona mora ny varavaran'ny biraoko, fony aho talen'ny sampandraharaha iray tao amin'ny Ministeran'ny mponina sy ny asa sôsialy ary ny fampandrosoana tao ambohijatovo tamin'izany fotoana izany. Nitonona tamiko izy roa fa nalefan'ny mpampianatra azy hanatona ahy, fa nanoratra tononkalo, ka mitady lalana ivoahana.*

*Noraisiko ny santionan-tononkalo natolony ahy, ka akory ny hagagako raha namaky roa na telo tamin'izay nosoratan'i Ionisoa aho. Mikorisa toy ny rano ny figadon'ny sorany ary mailamailam-pamindra ny fitsaikontsaikon'ny teny, mirefodrefotra ny famoahana voambolana tao amin'ilay tononkalony iray hoe : "Madagasikara"<sup>53</sup>.*

Mipoitra amin'ny alalan'ny asa sorany izany fankafizany ny fibanjinana ny habakabaka izany aty aoriana . Mianoka ao anatin'ny figohana ny hankaton'ny habakabaka izy ao amin'ny tononkalo nampitondrainy ny lohateny hoe “*Iny habakabaka iny*”<sup>54</sup>:

*“zava-kanto hafa loatra  
iny habakabaka iny  
hosodoko tsara voatra  
miova foana ts'isy tsiny .*

*‘Reo irery lavi-kavana  
Malo-tava , ory fo  
Lanitra iny manga mavana  
Taratry ny hoavy soa  
Hosodoko velona iny  
Tsotra nefa tsara rindra  
Raha tsy eo ianao isiany  
Kanto iny fa mandringa .”*

<sup>53</sup> Lydiary , " Iza i Asiniony " in *Akom- piainana* , 29 Martsa 1999

<sup>54</sup> Boky I , tak 4

Nanomboka teo dia naka solon' anarana izy ary namokatra asa soratra maro ankoatra ny tononkalo.

### 2.2.3. Ny solon'anarana :

I Asiniony no anarana isalorany eo amin'ny asa soratra. Araka ny fanazavana nataony dia sombiny tamin'ny anarany sy ny fanampin'anarany no narafitra ka nahatonga io solon'anarana io.

RANDRIANIASIANANA IONISOA => ASINIONY

### 2.2.4. Ireo asa soratra novokarin'ny :

Tsy ny poezia ihany no nanavanana an'i Asiniony, fa teo koa ireo karazana asa soratra maro. Fintininay amin'ny alalan'ity fafana ity ny santionany izany .

| Karazany                          | Isany | Ohatra                     |
|-----------------------------------|-------|----------------------------|
| Tantara fandefa amin'ny onjam-peo | 10    | "Karan-doha misy maingoka" |
| Sombin-tantara                    | 5     | "Adim-piainana"            |
| Angano                            | 6     | "Aza manota fady"          |
| Tononkalo                         | 125   | "Dada ianao ry Neny"       |

Fafana 9 : maneho ny santionan'ny tononkalon'i Asiniony

Hita araka io fafana io fa ny tononkalo no tena manavanana an'i Asiniony, satria io no maro isa amin'ny asa sorany . Eo amin'ny sehatry ny fanoratana tononkalo ihany koa no tena ahafantaran'ny mpamaky azy .

Tsy niafinafina intsony ireo asa soratr'i Asiniony ireo, fa nivelatra tao anatin'ny fikambanana isan-karazany. Niely tamin'ny karazan-tserasera maro.

### 2.2.5. Ireo fikambanana nivelaran'ny talentany :

Mandrakariva dia any anaty fikambanana no fikolokoloana sy fitaizana ny talenta. Any no hampivelarana azy ireny tsy ho faty. Anisan'ny fikambanana nivelaran' ny asa soratr'i Asiniony ny : *"Faribolana Sandratra sy ny TSIMANTA"*

Hofintimpitininay fohy ny mikasika ireo fikambanana roa ireo.

### **2.2.5.1. Faribolana SANDRATRA :**

#### **2.2.5.1.1. Ny tantarany :**

##### **a – Ny niforonany :**

Tany amin'ny taona 1982 tany ho any dia nisy fiaraha-midinika nataon'ireo tanora mpanoratra vitsivitsy izay tsy tafandry mandry ny amin'ny Haisoratra Malagasy voagejan'ny sivana, tao Amparibe Antananarivo. Ireto avy izany mpanoratra izany : ARNi (efa nodimandry), Lydiary, Solofo José, Elie Rajaonarison, Nalisoa Ravalitera, Niry Solosoa, Ranoé sy ny hafa nanatevina izany taty aoriana.

Natao isaky ny alahady fahefatra ny fiaraha-mandinika . Ny taona 1987, raha nankalaza ny faha-50 taona nahafatesan-dRabearivelo no nanapahana ,fa ajoro ny fikambanana FARIBOLANA Sandratra ka atao ara-panjakana.

I Elie Rajaonarison no filoha voalohany nitantana ny Faribolana nanomboka ny taona 1987 ka hatramin'ny taona 1993. Nodimbiasin'i Solofo José izany ankehitriny. Manana ny tanjona kendreny ny Faribolana Sandratra araka izao hitateranay azy izao.

##### **b – Ny tanjony :**

Fampiroboroboana izay zavakanto malagasy mifamatotra amin'ny SORATRA: sombin-tantara, tantara an-tsehatra, tantara fandefa amin'ny fampielezam-peo, tantara foronina, tononkira, fandalinan-kevitra, horonan-tsarimihetsika.

##### **d – Ny asa atao :**

- Famelabelaran-kevitra momba ny haisoratra eny anivon'ny Sekoly sy Orinasa.

- Famokarana fandaharana amin'ny Radio sy Televiziona
  - Antsan-tononkalo
  - Tantara an-tsehatra sy tsangan-tononkalo
  - Famokarana amboaran-tsoratra ho boky
  - Famoahana ny gazety Ambioaka (isam-bolana)
- Ahitana sokajy telo ao anatin'ny Faribolana :

- Haisoratra
- Tantara tsangana
- Hira sy mozika

Toy izay raha fintinina fohy ny mikasika ny tantaran'ny Faribolana Sandratra. Hampahafantarina indray kosa izao ny fotoana nidiran'i Asiniony ho mpikambana.

#### **2.2.5.1.2. Ny fotoana nirotsahan'i Asiniony tao amin'ny SANDRATRA :**

Ny 13 Aprily 1997 no nidiran'i Asiniony tao amin'ny fikambanan'ny Faribolana Sandratra. Ny sokajy Haisoratra sy tantara tsangana no efa nandraisany anjara.

Ity fikambanana Faribolana Sandratra ity no tena misy ny mpanoratra , fa karazany nandalo ihany izy tato amin'ny TSIMANTA . Na dia izany aza anefa dia anisany nanolokolo ny talentan' i Asiniony ny fikambanana .

#### **2.2.5.2. TSIMANTA :**

Tao amin'ny TSIMANTA na fikambanan'ny **TSY MANAFIN-TALENTA** ihany koa no nampivelaran' i Asiniony ny talentany. Ao amin'ny Lycée Andohalo no misy io fikambanana io.

Ny tanjon'ny fikambanana dia ny hanandratra ny teny sy ny maha-Malagasy.

### 2.2.6. Ireo fitaovan-tserasera namoaka ny asa sorany :

| Boky                                                                                    | Gazety                                                                                                                                       | Onjam-peo                            |
|-----------------------------------------------------------------------------------------|----------------------------------------------------------------------------------------------------------------------------------------------|--------------------------------------|
| - <i>Angola vaitra</i> :<br>niarahany tamin'i AJO                                       | - <i>L'Express de Madagascar</i> :08/11/97;p10                                                                                               | - Radio ACEEM<br>FAHAZAVANA          |
| - <i>Akom-piainana</i> :Boky voalohany<br>navoakany ny taona 1999                       | - <i>Ngah ! ?</i> : 23/07/03, lah<br>0199                                                                                                    | - RNM<br>- Antsiva                   |
| - <i>Ambadika sy ambadiky ny fitia</i> :<br>niarahany tamin'i Lydiary sy<br>Malalatiana | - <i>Gasy CARE Info</i><br>Janoary-Febroary –Martsa<br>1998, Volume3, N°1<br>- <i>Takilakanto</i> : Lah 07-<br>Jona 2004<br>- <i>Ambioka</i> | - Farimbona<br>- Don Bosco<br>-M.B.S |

Fafana 10: maneho ireo karazan-tserasera namoaka ny asa sorany

Marihina fa efa nivoaka tamin'ny laza adina “Bacc Série A”, ny taona 2002 ny tononkalon' i Asiniony mitondra ny lohateny hoe “ Ny soratra”<sup>55</sup> .

### FEHINY

Ny tantaram-piainan'ny mpanoratra sy ny lafika tokana no lohateny nomenay ity fizarana voalohany ity. Toko roa no nanehoana ny asa .Tao amin'ny toko voalohany no nikarohanay ny lafika tokana eo amin'i Asiniony sy ny asa sorany . Notadiavinay tamin'ny alalan'ny fampiharana ny tsikera tematikan'i Weber ny lafika tokana eo amin'i Asiniony sy ny asa sorany. Nivoaka tamin'izany fa ny "fo" no lafika tokana . “Fo” izay manana toetra malahelo araka ny voambolana mateti-piherina ary ny "maso" no sary maneho izany. Nipoitra tamin'ny alalan'ny fanisana voambolana mateti-piherina ihany koa fa ny "fitiavana" sy ny "fahoriana" ary ny "herim-po" no sehatra iainan' izany "fo" lafika tokana izany.

<sup>55</sup> Boky I , tak 16

Tao amin'ny toko faharoa kosa no namelabelaranay ny tantaram-piainan' i Asiniony amin'ny maha olon-tsotra sy amin'ny maha mpanoratra azy. Nanomboka tamin'ny fahazazany izany ary nandalo ny fahatanorany .Nolazainay tao amin'ny fahazazan'i Asiniony ireo loharano nipoirany , ny fanabeazana azony , tao ny fanabeazana ara-tsaina sy ny fanabeazana ara-panahy . Nampifandraisinay tamin'ny lafika tokana izany, ka nahitana fa ny fahafatesan-drainy no nandona ny fony. Izany ihany koa no nahatonga ireo fahoriana toy ny tsy fahampiam-bola, ny aretina nitranga tao amin'ny tokantranon'ny reniny . Ireny rehetra ireny dia nahatonga ny fon' ny mpanoratra hanana toetra malahelo. Tao anatin' izay fiainana niainan'i Asiniony izay ihany koa , anefa no tena nivoahan'ny herim-po tao anatin'ny . Herim-po vonona ny hiatrika ny toe-javatra mitranga rehetra eo amin'ny fiainana .Manaraka izany,dia tao amin'ny fiainan' i Asiniony amin'ny maha mpanoratra no nanoritsoritanay ireo dingana nolalovany teo amin'ny fanoratana .Nanomboka tamin'ny fampisehoana ny asa soratra tamin'ny mpampianatra izany ary niafara tamin'ny fidirana ho mpikambana tao amin'ny Faribolana Sandratra . Asa soratra maro no vokarin' i Asiniony : ny sombin-tantara, ny angano , ny tantara fandefa amin'ny onjam-peo ary ny tononkalo . Nivelatra tao amin'ireo karazan-tserasera maro toy ny haino aman-jery sy ny boky aman-gazety isan-karazany ny asa soratr' i Asiniony .

Hanohizanay ny fandalinana dia hofakafakainay ato amin'ny fizarana faharoa ireo tarakevitra sy ny "fo" lafika tokana. Ireo tarakevitra efa hita mihalohalo tato amin'ity fizarana voalohany ity, ka misy ifandraisany amin'ny “fo” lafika tokana ihany no ho fakafakainay mba hisian'ny fitohizan'ny asa .

**FIZARANA FAHAROA :**

**"NY TARAKEVITRA SY NY  
"FO" LAFIKA TOKANA"**

Araka ny famakafakana natao tamin' ny fizarana voalohany dia ny "fo" no lafika tokana ao amin'ny mpanoratra sy ny asa sorany. Natsidikay tamin'izany ireo sehatra niainan'ny "fo" dia ny fitiavana sy ny fahoriana. Tao anatin'ny herim-po tanteraka no niainan'ny mpanoratra izany, araka ny hita tamin'ny fanisana voambolana mateti-piherina teo aloha .

Eto kosa izahay dia hamakafaka manokana mikasika ireo tarakevitra ireo. Ny fitiavana no anombohanay ny fandalinana.

## TOKO I : NY FITIAVANA

Endrika telo no isehoan' ny fitiavana ao amin'ny asa soratr'i Asiniony dia :

- ny fitiavan-dray aman-dreny
- ny fitiavan'olon-droa
- ary ny fitiavan-tanindrazana

Tianay ihany ny manamarika, fa ny fomba itrandrahanay ny endrika isehoan'ny fitiavana ao amin'ny asa soratr'i Asiniony dia "miainga amin'ny lahatsoratra iray manamarika hevitra, mampiseho ny taratr'ilay vainga lafika na sehatra iainana marihiny".<sup>56</sup>

### 1.1. Fitiavan-dray aman-dreny :

Ny fahafoizan-tena sy ny fikirizana ataon'ny ray aman-dreny amin'ny fitaizana sy ny fanabeazana ny zanany no tena apololoitran' ny mpanoratra. Jereo ange ny fivetsoany izany ao amin'ny hoe: "*Dada*"<sup>57</sup>:

*"Masoandro mibaliaka ny fitiavana ao am-pony*

*Tsy mafaika tsy malay fa herim-po ambony*

*Io no ikarohiny hanasoa an-janany*

*Hanefeny azy, handaniany 'zay ananany"*

---

<sup>56</sup> (J.P) WEBER , op.cit , p25 "Chez certains écrivains on découvre parfois un texte particulièrement significatif qui offre un "analogan " particulièrement transparent de l'objet "

<sup>57</sup> Boky I , tak 36

Mitovy amin'izany koa ny hevitr'i Eric Ravalisoa ao amin'ny *"Dada"*<sup>58</sup>, raha mihira ny herim-pon' ny ray izy :

*"Ny lova mba fananany  
Ny harin'ireo tanany  
Ny herin-tsaina mendrika  
Tsy misy maharendrika  
no nikoloany Zanaka  
Hanavotra taranaka"*

Hita ihany koa izany fikaloan'i Asiniony ny fitiavan-drainy aman-dreny izany ao amin'ny hoe *"Neny"*<sup>59</sup>:

*"Vola-manjopiaka mamahatra ao an-tsaina  
Ny fitiavana omeny  
Fahafoizan-tena manontolo tsy sandaina  
Isan'andro dia omeny"*

Miharihary amin'ireo tononkala eo ambony ireo, fa tsy fitaizana sy fanabeazana fotsiny no omen'ny ray aman-dreny ny zanaka fa eo ihany koa ny fitiavana. Ny fitiavana izay tena zava-dehibe tokoa eo amin'ny fiainana.

Ny soratra Masina ihany koa dia manambara ny lanjan'izany fitiavana izany : *"Ary ankehitriny dia ireto telo ireto no mitoetra : ny finoana, ny fanantenana ary ny fitiavana, fa ny fitiavana no lehibe indrindra amin'ireo"*<sup>60</sup>.

Ny fitiavana tokoa mantsy no mahatonga ireto ray aman-dreny ho lany mondro kely amin'ny fikatsahana izay hahaso an-janany; tsy mitarain-tana-miepaka mihitsy izy ireo amin'ny fikelezan'aina mba haha-olom-banona ny zanany.

Toy izao no nanambaran'i Asiniony izany ao amin'ny tononkalony hoe: *"Dada ianao ry Neny"*<sup>61</sup>:

*"Dada ianao ry Neny"*

<sup>58</sup> ( E ) RAVALISOA , *Soratra ny Fo*, Ed Tsipika , Antananarivo 1998 , tak 7

<sup>59</sup> Boky I , tak 64

<sup>60</sup> *BAIBOLY*, I Kor 13: 13

<sup>61</sup> Boky I , tak 35

*Mitia tsy mifanjana*  
*Mitaiza tsy nierana*  
*Fa vitanao irery*  
*Ireny rehetra ireny*  
*Ny miharitra havizanana*  
*Manao sorona fananana?*  
*Tsy notaraininao*  
*Fa nihafinao tsotra izao"*

Lehibe tokoa ny fitiavan'ireo ray aman-dreny ny zanany satria mahavita miharitra ny zava-drehetra izy ho famelomana azy. Mikely aina fatratra amin'ny fikarakarana ny sombiniainy.

Naningotra ny fon'i Asiniony izany, ka nahatonga azy hankamamy ny toetran'ny reniny. Manana filamatra hanaraka ny fahendren'ny reny izy rehefa mba reny ihany koa. Ao amin'ny tononkalo hoe : "*Neny*"<sup>62</sup>no ikaloany izany :

*"Haingo sarobidy filamatra mazava*  
*Ny lasi-pahendreny*  
*Mbola hotahafiko tsy an-kihambahamba*  
*Rehefa koa mba reny"*

Hitarafana ny zotom-po ao anatin'i Asiniony izany finiafany haka filamatra ny reniny izany. Mitory ny fikasany ho any amin'ny tsaratsara kokoa hatrany .Mitory ny fikezahany sy ny fikatsahany ny tsara hatrany eo amin'ny fiainana .Tsy nikombona teo amin'ny fitiavan-dray aman-dreny izay ihany ny asa soratr'i Asiniony, fa nivelatra ho an'ny amin'ny fitiavan'olon-droa izay hofakafakainay manaraka.

## **1.2. Fitiavan'olon-droa :**

---

<sup>62</sup> Boky I , tak 64

Ny fitiavana no heverina fa kofehy mampifamatotra ny olon-droa hiara-dalana mandrakizay. Tahaka ny zava-manan'aina izy io izay mety maty raha tsy kolokoloina.

I Tsangy mpanoratra iray ao amin'ny Faribolana Sandratra, ohatra, dia mampitovy izany amin'ny voninkazo. Hoy izy mamintina izany ao amin'ny tononkalo *"Raha..."*<sup>63</sup>:

*"Ny fitiavana, hono, retsy dia voninkazo  
Ka mba tondrahy raha tsy tiana halazo"*

I Asiniony indray dia mampitovy izany amin'ny afo. Hita taratra izany ao amin'ny *"Afontsika"*<sup>64</sup>:

*"Nefa aiza intsony  
Ny afoko mikomy  
Ny foko mangatsiaka  
Maty ela ny afontsika".*

Ny zava-manan'aina rehetra dia misy fiandohany ary misy fiafarany. Mitovy amin'izany ihany koa ny fitiavana, misy ireo dingana lalovany dia ny :

- Fitsirian'ny fitiavana
- Fivelaran'ny fitiavana
- Faharavan'ny fitiavana

Ireo dingana telo ireo indray no asongadinay ato amin'ny famelabelarana manaraka.

### **1.2.1. Ny fitsirian'ny fitiavana :**

---

<sup>63</sup> *Voahangy Tsangy*, Faribolana Sandratra , tak 5

<sup>64</sup> Boky I , tak 57

### 1.2.1.1. Ireo singa mamoha ny fitiavana :

Amin' ny ankapobeny dia misy zavatra avy ety ivelany misarika ny fitiavana izay efa misy ao anatin'ny olona. Io singan-javatra io no mamaha ny fitiavana ka mahatonga azy ho hary.

Misy karazany efatra izany raha ny hita ato amin'ny asa soratr'i Asiniony :

- ny maso
- ny tsiky
- ny fihetsika
- ny teny

Hoezahanay resahina tsirairay ny mikasika ireo singa mamoha ny fitiavana ireo.

#### 1.2.1.1.1.Ny maso :

Singa iray mety hiteraka ny fiandoham-pitiavana ny maso. Araka izao nitateran' Asiniony azy izao :

*"Topi-maso monja no faka ivelomany*

*Mety ho tonga ho azy, azo ambolena"*

ANKAMANTATRA<sup>65</sup>

Miombon-kevitra amin' izany ihany koa i Dox, raha miresaka momba ny mason'ny olon-tiany izy :

*"Ireo masonao domohina nahataitra ny fitiavako*

*Noraisiko hifantoka amiko hitarafan'ny fanahy"*<sup>66</sup>

#### 1.2.1.1.2.Ny tsiky :

---

<sup>65</sup> Boky I , tak 56

<sup>66</sup> (A) RAVELOARIVOLOLONA , *"Ny tara-kevitra ny fitiavana araka ny ahitana azy ao amin'ny tononkalon'i Dox"* , Mémoire de C.A.P.E.N , Antananarivo Jona 1992

Manaitra ny fo ny tsiky ka mahatonga ny tena ho babo, ho taitra amin'ny olona iray. Asehon' i Asiniony indrindra izany ao amin'ny *"Tia mifangia"*<sup>67</sup>:

*"Tsiky haitraitra, tsy maika, tsy taitra  
Kanefa nilaitra tam-po feno faitra  
O!... mba nanaitra !"*

Mampiharihary izany koa Ranoë raha milaza ny nofinofiny amin'ny fitsikin'ny tovovavy izy :

*"Mihodi-bola mahasarika ny volon-koditrao  
Sy fitsikin-dry mahasarika ao a-nofiko ao"*<sup>68</sup>.

Ireo tononkalo roa ireo dia milaza, fa ny tsiky no manintona sy mambabo ny tovolahy iray ka mahatonga azy ho taitra amin'ny tovovavy. Hamafisin ' i Sitraka izany amin'ny hoe : *"Izy nitsiky"*<sup>69</sup>:

*"Izy nitsiky  
No nampivoha ny foko nihidy  
Izy nitsiky  
No nambabo ny saiko izay fatra-pifidy  
Izy nitsiky  
No nampiova ny fomba fijeriko  
Izy nitsiky  
Dia ampy nandresy izay fara-heriko"*

Raha zohiana dia mifamatotra amin'ny fo ny maso sy ny tsiky. Amin'ny ankapobeny dia ny fiarahan'ny maso sy ny tsiky miasa no maneho mivantana fa tia ilay tovolahy na tovovavy. Avoitran'i Asiniony izany ao amin'ny *"tia fa be fikajy"*<sup>70</sup>:

<sup>67</sup> Boky I , tak 100

<sup>68</sup> ( A ) RAMASIARISOA , *RANOË: Poetan'ny Fitiavana* , Mémoire de C.A.P.E.N , Boky I , tak 19

<sup>69</sup> SITRAKA , *Ny tiako hofantarina* , Imp. MAMI .D.L N°6 , 2003

<sup>70</sup> Boky , tak 25

*"Ny fitia mitobaka amin'ny fitsikinao  
 Ny hara-maso misompirana, ny sangisanginao  
 Ny hata-maso kely miandry ahy hiresaka  
 Maro kajy nefa tia ka dia tsy tafapetraka"*

Izany hoe, mifaningo-paka eo amin'ny fitsirin'ny fitiavana ny fijerin'ny maso sy ny fitsikin'ny molotra ary tena mambabo ny fo tokoa izany raha arahina fihetsika .

#### **1.2.1.1.3.Ny fihetsika :**

Mamelona ny fitiavana ao am-po ny fihetsika ataon'ny olona. Ny sangisangy hifanaovana, ohatra, dia mamoha ilay fitiavana ao am-po ka mahatonga ny hafa ho babo. Ambaran' i Asiniony izany ao amin'ny hoe *"Ifonako"*<sup>71</sup>:

*"Hay ny sangisangy ratsiko nahababobabo anao  
 Nampirehitra fitia mivaivay tanatinao".*

Heverina tokoa fa fihetsika tsy dia manao ahoana loatra ny sangisangy. Fihetsika tsy noeritreretina ho miteraka akony eo amin'ny olona, kanefa, dia mampirongatra ny fitiavana.

Manamafy izany i Asiniony ao amin'ny tononkalony hoe: *"Ny sanginy aminao"*<sup>72</sup> .Lazainy ato ny sangisangy ataon'ny namana izay miteraka akony ao am-po :

*"Sangina namana mody sariaka  
 Mivimbim-pandraisana mahasodoka  
 Kanefa dia toraka zana-tsipika  
 Alefona am-poko tsy te-hisamonta"*

---

<sup>71</sup> Boky I , tak 2

<sup>72</sup> Boky I , tak 94

Hafa ny fandraisan'ny olona sangina ny sangisangy atao aminy. Kanefa ny fihetsiky ny mpisangy ihany koa dia maneho miharihary ny hevitra tiany haseho :

*"Sangy sy fihina tsy mihafihafy  
Toa "akona resaka" mahatsikaiky  
Kanefa iniana amy 'zato fitafy  
Jerena toa tsotra fa mandraikiraiky  
Sangy toa resaka kivalavala  
Omban'ireo tsiky dia hoe hanihany  
Kanefa eo imasoko ireny, malala ...  
Sangy mihantsy ka ... tandremo ihany".*

Midika izany, fa ny fihetsika ety ivelany dia hamantarana ny hevitra rehetra kobonin'ny fo. Mifamatotra ao anatin'izany hatrany ny fihetsiky ny maso. Araka izao fanambaran'i Asiniony azy ao amin'ny *"Tsy voafefy"*<sup>73</sup> izao :

*"Hetsika tsy tana  
Dia ampy ahalalana  
Ritsoky ny feo  
Dia afaka hampiseho,  
Tsipalotry ny maso  
Dia mitory, miantsoantso  
Midradra 'zay kobonina  
sy teny tsy tononina".*

Mifandraika amin'izany koa ny hevitr' i Eric Ravalisoa ao amin'ny hoe : *"Tia"*<sup>74</sup>.

*"Fantampantatra eny ihany  
Tsinjotsinjo eny koa*

---

<sup>73</sup> Boky I , tak 5

<sup>74</sup> (E ) RAVALISOA , op. cit , tak 12

*Ny olon-tia eto an-tany*

*Tena tia tokoa*

*Taitaitra koa ny fony*

*Manam-pihetsika vaovao*

*Dia tereny mba hitony*

*Raha sendra hitanao"*

Tsy ampy tena hanaporofoana ny fitiavana, anefa, ireny fihetsika ety ivelany ireny. Heverina fa mbola zava-dehibe ambonin'ireny rehetra ireny ny fitenenana.

#### **1.2.1.1.4.Ny teny :**

Na inona na inona singa manamarika ny fitiavana ety ivelany dia mbola manan-danja hatrany ny teny. Ny fitenanana no azo lazaina fa tena manaporofo ny fitiavana ao am-po. Miventy izany i Asiniony amin'ny tononkalo hoe : "*Teny kely*"<sup>75</sup>

*"Teny kely tsotra monja*

*Ato am-poko ho anao*

*Teny kely fa mafonja*

*Dia 'lay hoe : "Tiako Ianao"*

Mitady izany ny mpanoratra eo amin'ny fiainany miaraka amin'ny olo-tiany. Jereo ange ny fanehoan'izany ao amin'ny hoe "*Faniriako*"<sup>76</sup>:

*"Ny zavatra iriko*

*Tiako hisy isan'ora*

*sy segondra sy minitra*

*Tsy vola be mitobaka*

*Tsy haingo feno renty*

---

<sup>75</sup>Boky I , tak 1

<sup>76</sup> Boky I , tak 66

*Tsy fiainana misosa  
na sakafo miavosa*

*Fa  
Teny kely tsotra ihany  
'lay bitsihinao mangina  
Eo am-poto-tsofiko eo  
Ny feonao miantso : "Tiana !"  
... Maka toky kely avy eo ...!"*

Ny fanolorana fitiavana no tena zava-dehibe satria izany no tena manetsika ny fitiavana mivantana eo amin'ny olon-droa . Misy aza fitenenana manao hoe "*Ao am-po tsy miloaka tsarain'Andriamanitra, ao am-bava miteny tsarain'olombelona*". Izany hoe amin'ny lafiny iray dia tsy raharahian'ny olona izay fihetsika atao ety ivelany , fa izay teny ren'ny sofiny no hitsarany anao. Mampibaribary izany, fa ny fitenenana no tena hamantarana ny ao am-po, saingy, misy ihany ny fihatsarambelatsihy eo amin'ny olona indraindray.

Manoloana an'izany dia tsy hay intsony matetika ny manavaka ny fitenenana tena izy sy ny vazivazy eo amin'ny lafiny fitiavana :

*"Tsy noheveriko ho izy ny tafatafa takariva  
Ka aza tsiny indrindra raha nampisento iva  
Ny tononkalo mbola manta, hay ianao nankafy  
Ifonako aminao raha toa namela dia  
Nihantsy fo ho tia!..."<sup>77</sup>*

Ireo singa manaitra ny fo ka mampitsiry ny fitiavana no nofakafakainay teo. Rehefa tafa-lentika ao am-pon' ny olon-droa kosa, anefa izany fitiavana izany dia misy fihetsika vaovao misoritra eny aminy.

#### **1.2.1.2. Ny toetra amam-pihetsika eo am-piandohana :**

##### **1.2.1.2.1. Ny fahamenarana :**

---

<sup>77</sup> Boky I , tak 2

Na dia eo aza ilay fitiavana mivaivay ao am-po dia zary sakana tsy ahafahana mamboraka izany ny fahamenarana. Antony maro no mety hahatonga ny fahamenarana eo amin'ny fanolorana fitiavana .

Eo ohatra ny fisian'ny tsy fitovian-tsaraga, ka manahy ilay manolotra fitiavana sao ho tapaka vokatr'izany tsy fitoviana izany ny fifandraisana efa misy eo amin'izy ireo . Asongadin'i Asiniony izany ao amin'ny hoe *"Tiako izy"*<sup>78</sup>

*"Tiako, leitsy, ny hotiany*

*Mba hamihina ny fony*

*Nefa ny hanitra iriny*

*Tsy an-tanako akory*

*'Lay bikany marotsaka*

*Mihaingitra famindra*

*Ny tsikiny mitosaka*

*Ny haingony mirindra ...*

*Moa ataon'ialahy*

*Fa hijery izato izaho*

*Tso-pitafy, ts'isy renty*

*Tsy mba manam-baraventy.*

*Tiako leitsy ny toetra*

*Itafian'ny fanahiny*

*Saingy ny amiko rehetra*

*tsy mety raha ho namany*

*Tiako, leitsy, saingy aoka!*

*Sao manosika 'reo tsiky*

*Fanolony ahy hitsoaka*

*Sao hitondra azy hidify*

*sy handrava izay mba misy"*

---

<sup>78</sup> Boky I , tak 25

Sakana amin'izany koa ny hambom-po izay mibahana eo amin'ny mpifankatia. Io hambom-po io no mahatonga azy ho menatra, ka tsy sahy mamboraka ny ao am-pony. Hoy ihany i Asiniony ao amin'ny hoe : *"Tiako izy..."*:

*"Ny masonao mijery dia miampanga anao  
Mibitsibitsika milaza ny ao am-po koboninao  
Ny topi-maso toa tsy nahy mitory ny fitia  
Saingy ny hambom-po dia mody hoe tsy tia"*

Hamafisiny hatrany izany amin'ny hoe *"Mifandramby"*<sup>79</sup>

*"Dia aroso eo ny tafa  
Teny maro atakalo anaty dinika sy resaka  
Ny maso koa, tsy tana, lasa  
Mandinika azy tsy amin-kenatra  
Saingy avily moramora na miondrika tsy satry  
Rehefa injay ilay fijery fa mitady hifampiatsampy  
Afolapolaka ny tanana, zavatra hafa no jerena ...  
Anafenana ity fo efa babo fa tsy omena  
Dia angonina mangina ny hambon'herin-tsaina  
Hamolahana 'ty marina tsy vatra holazaina  
Akombona ny vava ... kaikerina ny molotra ...  
Sao manjary manasazy 'lay fitia raha toa atolotra"*

Nambaranay teo,fa isan'ny sakana tsy ahafahana mamboraka ny fitiavana ny fahamenarana vokatry ny fisian'ny tsy fitovian-tsaranga sy ny hambom-po ao anaty.

Lafiny iray tsy ahafahana maneho mivantana izany fitiavana izany ihany koa ny tsy fahasahiana.

#### **1.2.1.2.2. Ny tsy fahasahiana :**

---

<sup>79</sup> Boky I , tak 92

Sarotra amin'ny olon-droa ny tonga dia mampiharihary avy hatrany ny fitiavana misy ao anatin'ny. Lazalazain'i Asiniony ato amin'ny *"andro voalohany"*<sup>80</sup> ny fisehon'izany :

*"Mody tena vahoatra  
Samy miahotrahotra  
Mba hoe mihafahafa  
Nefa samy te-hitafa  
Maso mifanena  
Henatra volena"*

Toa toetra amam-pihetsika volena no asehony, fa tsy sahy mamboraka fitiavana izy .Araho hatrany ange ny fanambaran'i Asiniony izany :

*"Teny mody sangy  
Arahin-tambitamby  
Satria miahiahy  
Te-hanaiky fa mandà"*

Miandoha amin'ny fisalasalana ny fifanatonana eo amin' ny olon-droa izay vao tena raikitra:

*"Tsiky misy fantsika  
Maso mifanatrika  
Tana-mifandray  
Mifanoroka dia izay"*

Manomboka eo dia miaina ao anatin'ny fitiavana amin'izay izy ireo, mitantara izany hatrany i Asiniony :

*"Pitik'afo kely an-tsegondra vitsivitsy  
Fitia nierierany sy nitampifimpify"*

---

<sup>80</sup>Boky I , tak 37

*No nisandratra ho avo, tsy nanaiky hihafihafy  
ka nanapa-kevitra hiorina mafy"*

ANDRO VOLAMENA <sup>81</sup>

Io no Fotoana handraisana fanapahan-kevitra ny hiara-dalana eo amin'ny fiainana . Fotoana hanombohan'ny fivelaran'ny fitiavana .

### **1.2.2. Ny fivelaran'ny fitiavana :**

Toy ny tandra vadi-koditra tsy afa-misaraka amin'ny olombelona ny fitiavana amin'ny ankapobeny. Samy manana ny fomba fiheverany izany fitiavana izany ny mpanoratra.

I Emilson Daniel Andriamalala, ohatra, dia mihevitra fa *"firaisan'ny fanahy hivelona mandrakizay"* ny fitiavana <sup>82</sup>.

I Asiniony kosa dia milaza fa fiainana ny fitiavana. Mikalo izany indrindra izy ao amin'ny *"Fiainana = Fitiavana"* <sup>83</sup>:

*"(...)*

*Ny miaina mantsy leitsy*

*Midika hoe mitia*

*Izay mandà no resy*

*Maty dieny ety*

*Koa etsy mitrakà*

*Hendre dia miainà*

*Mitiava hatrany hatrany*

*F'io no fiainana eto an-tany"*

Raha heverina ho fiainana ny fitiavana dia misy ireo fomba entin'ny olona miaina izany. Samy manana ny fomba tiany hitondrana ny fiainany mantsy ny tsirairay, dia tahaka izany koa ny eo amin'ny fitiavana.

---

<sup>81</sup> Boky I , tak 55

<sup>82</sup> (E.D ) ANDRIAMALALA , *Taolambalo* , Imprimerie d'ouvrages Educatifs , Librairie Mixte , Antananarivo 1972 , tak19

<sup>83</sup> Boky I , tak 84

### 1.2.2.1. Ireo fomba iainana ny fitiavana :

Mitady izay mahafa-po azy mandrakariva ny olona eo amin'ny fiainana. Izay mahafinaritra azy no tadiaviny sy katsahiny fatratra. Mitovy amin'izany ihany koa eo amin'ny lafiny fitiavana. Fomba maro no entiny miaina izany araka izay mba faniriany :

- Ny filalaovana ny fitiavana
- Ny fitiavana nofinofy
- Ny fitiavana am-pahatsiarovana

#### 1.2.2.1.1. Ny filalaovana ny fitiavana :

Amin'ny voalohany dia toa mivaivay ao am-pon'ny lehilahy ny fitiavana. Ny tsy fahatanterahan'izany aza, hoy ny mpanoratra, dia miteraka aretina mihitsy. Toy izao no fanambarany izany ao amin'ny *"Ny lehilahy sy ny saribakoly"*<sup>84</sup> :

*"Irifany mafy ho azo  
Dongiany, tsy avelany ianao  
Mandamaka voan'ny tazo  
Ny fony raha hoe lavinao"*

Tahaka ny zaza milalao ny kilalao vao avy novidiana ny lehilahy. Amin'ny voalohany dia satry foana hilalao izany na amin'ny fotoana inona na amin'ny fotoana inona. Leo ihany anefa izy rehefa ela ny ela no ilalaovany an'iny. Mitovy an'izany ihany koa no ataon'ny lehilahy amin'ny vehivavy araka izao hanambaran'i Asiniony azy izao :

*"(...)  
An-tanany foana isan'andro  
Tongany hatrany am-pandriana  
Lasa ny roa, efatra andro"*

---

<sup>84</sup> Boky I , tak 31

*Matsatso ka zary tsy tiana"*

Raha vao mahita tovovavy hafa tiany izy dia manary ny efa nekeny. Tonga amin'ilay fitenenana hoe : *"Nahita ny akanga tsara soratra ka manary ny akoho taman-trano"*. Diniho hatrany ange ny fanoritsoritan' i Asiniony izany filalaovana ny fitiavana izany ao amin'ny *"Ny lehilahy sy ny saribakoly"* ihany:

*"Vao tojo karazany hafa  
Amy saribakolin'ny tena  
Mivadika hiova fikasa  
Atsipy 'lay efa nekena".*

Ny Mpitandrina RABARY ihany koa dia manana hevitra tahaka izany ao amin'ny sombin-tantara : *"Raketaka zandriko"* <sup>85</sup>:

*"Vao nijery azy aho, anaka, hoy i Renikoto, dia hoy izaho anakam-po :  
"Nahazo kilalao lahy ny zanako".*

*(...) Araka ny hevitr'izy ireo ny vady dia kilalao na fanaka fotsiny, toy ny saribakoly na ny latabatra, na ny fitoeram-boninkazo fa tsy tena iray amin'ny lehilahy; ka raha tsy ao ny vehivavy dia latsaka iray ny fanaka ao an-trano, koa dia isam-panaka fotsiny ihany ny vady, ka azo soloana, rehefa tonta na misy hafa tiana"*

Toa saribakoly, kilalao no fiheverana ny vehivavy araka ny hita teo aloha teo. *"Fanaka malemy"* hoy ny fomba fiteny.

Eto dia mampitandrina ny vehivavy indrindra i Asiniony tsy ho voasarik'izany fandrebirebena izany :

*"Raha mbola lalaon-dehilahy  
Ny saribakoly, malaza!  
Tandremo ry misy fanahy  
Sao babon'ny fo mbola zaza"*

---

<sup>85</sup> RABARY " Raketaka zandriko " in *Takelaka notsongaina II* , Ambozontany Fianarantsoa 1991 , tak 154

Nambaranay teo fa fomba iray iainana ny fitiavana ny filalaovana azy. Misy ihany koa, anefa, ireo izay miaina izany amin'ny nofinofy fotsiny.

#### 1.2.2.1.2. Ny fitiavana nofinofy :

Tsy mari-pototra ny fitiavana niainan'ny mpanoratra ka zary rava, tsy tanteraka ho doria. Mivetso izany izy ao amin'ny *"Nofy"*<sup>86</sup>:

*"Nofy ihany ireny  
Tsy ho to akory  
Nofy toa nanery  
Tsy nampahita tory  
Nofy ratsin'ny fitia  
Tsy ho tanteraka ho doria"*

Tsy lalim-paka ilay fitiavana ka zary toa nofinofy sisa no niainana azy. Fitiavana ivelambelany fotsiny no atolotra fa tsy tena izy. Miharihary izany ao amin'ny hoe *"Ianao"*<sup>87</sup>

*"Idealy noforoniko  
tamin-tapa – tsarin-toetra vitsy tiako sy nangoniko  
no velona ato anatiko avy ao anatinao  
nanintona 'ty saiko hiresaka amina"*

Fitiavana fihatsarambelatsihy ihany no hita eto , fa tsy tena fitiavana. Fitiavana arafidrafitra ao an-tsaina amin'ny alalan'ny sary. Hamafisin' i Asiniony ihany izany ao amin'ny *"Omeke tsy omeke"*<sup>88</sup>

*"Asa izay hitranga raha ohatra ka fantany  
Fa endrik'olon-kafa no tiaviko eny an-tratrany  
Ny fitia?  
Tsy ho azy fa nomeko mba nindraminy"*

---

<sup>86</sup> Boky I , tak 71

<sup>87</sup> Boky I , tak 13

<sup>88</sup> Boky I , tak 50

*Nefa namikirany ho aina tena maminy"*

Fitiavana ankolaka no natolotra teto. Izany hoe tsy ilay olona tena tiana no mandray ny fitiavana fa olon-kafa. Raha ambara amin'ny teny hafa dia fitiavana an-kosotra ihany no niseho teo.

Anisan'ny ankamamian' ny olona ihany koa, anefa, ny miaina izany fitiavana izany am-pahatsiarovana, araka izao fandalinana manaraka izao.

#### **1.2.2.1.3. Ny fitiavana am-pahatsiarovana :**

Misy ireo olona no mankafy hatrany ireo toe-javatra nitranga teo amin'ny fitiavana, na mamy na mangidy no niseho tao anatin'izany. Avoitran'ny mpanoratra izany ao amin'ny hoe : *"Miaina anaty tsiaro"*<sup>89</sup>

*"Misy ireo minia hiaina anaty tsiaro  
Tsy mahafofy ny ora efa lasana nandalo  
Namikitra ny dindona namizana ny fo  
Tsy mety hamalona azy ho isan'ny taloha  
Dia mifika miadana 'lay vahatr'alahelo  
Misento ny andro lasa, mamihina avelo  
Ny angatry ny omaly, nanditsoka fanahy  
Saingy tiana sy lalaina ka lazaina mbola ahy"*

Mamela fahatsiarovana eo amin'ny mpifankatia ihany koa ny fiainana niarahana. Toy izao no filazan'i Asiniony izany ao amin'ny *"Mitia am-pahatsiarovana"*<sup>90</sup>:

*"Sombin-takelaky ny sora-tanany  
Atao tsara pirin-ko raha sarobidy  
Teny fanaony, fitia sora-dambany  
Tsy afaka ao an-tsaina sy mora tadidy"*

---

<sup>89</sup> Boky I , tak 83

<sup>90</sup> Boky I , tak 38

Mitahiry ilay fitiavana ao am-po nisy fahiny ny fahatsiarovana ny lasa. Asehon'i Asiniony izany ao amin'ny *"Tsy miova"*<sup>91</sup>:

*"Soratra ny akanjony  
Taona vitsivitsy lasa  
Rehefa hitako eny ho eny  
anaovan'olon-kafa  
Mbola ahatsiarovako  
ny tany an-dakilasy  
(...)  
Efa niaritra hafanana  
nolazoin'ny fanala  
saingy izy tato am-poko  
voaro tsy ho tonta  
ary tsy hiova loko"*

Raha bangoina ny voalaza rehetra tato amin'ny fomba niainana ny fitiavana dia azo fintimpintinina tahaka izao .Misy fomba telo iainana ny fitiavana:

Voalohany nojerenay tamin' izany ny filalaovana ny fitiavana : fitiavana mivaivay eo am-boalohany io, kanefa, rehefa mahita ny mahafinaritra dia manjary kilalao . Izany hoe, toa fitiavana miaro fahafinaretana ihany.

Faharoa nodinihinay dia ny fitiavana nofinofy. Io dia fitiavana tsy lalim-paka fa miserana ihany. Fitiavana tsy tanteraka hatramin'ny farany, ka zary nofinofy sisa iainana azy.

Farany nofakafakainay dia ny fitiavana am-pahatsiarovana; ny fankafizana ny andro lasa no tena mibahan-toerana. Ny fiainana ireny fahatsiarovana ireny dia tahaka ny mbola miaina ny fitiavana teo aloha ihany.

Tany am-boalohany isika dia nanaraka, fa toy ny zava-manan'aina ny fitiavana. Koa raha zava-manan'aina izy dia misy ireo tontolo hita manodidina azy. Ireto avy izany araka ny fikarohana natao tao amin'ny asa soratr'i Asiniony:

- Ny herin'ny fitiavana

---

<sup>91</sup> Boky I , tak 60

- Ny fahaserotam-piaro
- Ny fahadisoam-panantenana

#### 1.2.2.2. Ny tontolo manodidina ny fitiavana :

##### 1.2.2.2.1. Ny herin'ny fitiavana :

Manova ny fiainana ho tsara hatrany ny fitiavana, hoy i Asiniony ao amin'ny *"Lohataona hatrany"*<sup>92</sup>:

*"Ny ririni-mamanala toa manjary lohataona  
na dia efa maloka aza, toy ny mibaliaka foana  
Ny hatsiaka mahangoly, toa tsy tsapa rehefa tia  
... Lafatra ny fiainana revo-miara-dia"*

Manamafy izany koa ny *"Mifandramby"*<sup>93</sup>. Izay nanambaran'ny mpanoratra, fa manafaka ny olana ao an-tsaina ny fitiavana :

*"Adinoko avokoa ny tebitebin-tsaiko  
Rehefa izy no mandona ao am-baravarana ao"*

Ambonin'izany rehetra izany dia mandresy ny zavatra rehetra ny fitiavana na dia ny elanelan-tany aza. Araka izao hikaloni i Asiniony azy ao amin'ny *"Raha tena tia"*<sup>94</sup> izao :

*"Moa ny elanelan-tany  
Mahasakana ny fo  
Tsy hitia, tsy hanontany  
ary tsy hinary soa!?"*

*Tsia ry sombiniaiko!*

---

<sup>92</sup> Boky I , tak 74

<sup>93</sup> Boky I , tak 92

<sup>94</sup> Boky I , tak 9

*Fa ny lavitry ny maso*

*Tsy lavitry ny fo*

*Mandresy ny ankasao*

*Raha tena tia tokoa"*

Mifanohitra amin'ny fomba fiteny andavanandro manao hoe : *"lavitry ny maso, lavitry ny fo"* izany fiheveran'i Asiniony izany.

Rehefa mahery loatra ny fitiavana dia manjary takona tanteraka ny lalan-kizorana hany ka tsy hita akory ny loza mety hanjo ny tena. Asehon'ny mpanoratra izany ao amin'ny *"Jamba"*<sup>95</sup>:

*"Jamba ho' aho ny jamba*

*Fa ny tia no tena jamba*

*Mijery imaso toa mahita*

*Pahina andro mibaliaka*

*Mijerijery ampahampahany*

*Mamolava ny fanahiny*

*Jembijembin-tsentosento*

*Maso foana no mba eto*

*Tsy mitondra tehim-potsy*

*ka mitsapatsapa toky*

*Ts'isy tanana mitantana*

*nefa tena miampanampana*

*Maratra lava ny aty fo*

*satria midona etsy sy eroa*

*Jamba mana-maso lahy*

*Resy lava ny fanahy!"*

Ny mpanoratra toa an'i Sitraka indray dia milaza izany ho *"adala"*:

---

<sup>95</sup> Boky I , tak 7

*"Ilay tananao voaraiko,  
Tsy mety afaka an-tsaiko  
Fa nambabo koa ny aiko  
Angamba aho tena adala!  
Fa ilay tsikinao tsy nahy  
Izay nalefanao ho ahy  
no naharavo ny fanahy  
Teo aho vao nahalala :  
Hay koa ianao adala!"*

IZAY TIA ADALA<sup>96</sup>

Izany fitiavana diso tafahoatra izany dia mahatonga fahasarotam-piaro amin'ilay olon-tiana.

#### **1.2.2.2.2. Ny fahasarotam-piaro :**

Ny olona tia dia tsy maintsy saro-piaro, saingy, tsy harangarangany izany. Mitantara izany indrindra i Asiniony ao amin'ny *"Hasarotam-piaro"*<sup>97</sup>:

*"Lainga raha mitia milaza tsy miaro  
Fa kobonina mangina ny hasarotana fiaro  
Mody tsy miraika bontsinin'hambom-po  
nefa zava-bitika dia mampiasa loha"*

Tsapa ihany koa, fa miteraka fanahiana eo amin'ny mpifankatia ny fahasarotam-piaro. Toa mieritreri-dratsy foana ny saina. Vokatry izany dia izay olona mifanerasera amin'ny olon-tiana dia ahiahina avokoa. Mivaofy izany i Asiniony ao amin'ny *"Fanahiana"*<sup>98</sup>

*"Malala a,*

<sup>96</sup> SITRAKA , op.cit , lah 5

<sup>97</sup> Boky I , tak 49

<sup>98</sup> Boky I , tak 32

*Mahafinaritra ahy  
ny fivelaranao  
Saingy mampanahy  
'ty foko tianao'.*

Manantena ilay tovovavy na tovolahy fa azy irery ny olon-tiany. Mitranga anefa indraindray ny toe-javatra mifanohitra amin'izany, ka miafara amin'ny fahadisoam-panantenana.

#### **1.2.2.2.3. Ny fahadisoam-panantenana :**

Mitranga eo amin'ny mpanoratra ny fahadisoam-panantenana eo amin'ny fitiavana. Mibaribary izany ao amin'ny "*Manafin-koho*"<sup>99</sup>:

*"Sarin'anjely nozavajavariko  
Nataoko ho malala, nomeko ny sariko  
no naniry tandroka hanoto ny foko  
... Nampitomany sy nampitoloko"*

Niteraka alahelo teo amin' i Asiniony izany, satria fitiavana no nantenainy tamin'ity olona notiaviny, kanefa dia fahoriana no vokany.

Nandiso fanantenana azy tanteraka ny zava-nitranga teo amin'ny fiainam-pitiavany :

*"Ny teny sy ny tsiky nambabo fanahy  
Nataoko fitia, hay fandrika ho ahy  
Toetra manaitra, angolam-piteny  
Hanafina rambo ka dia namboleny".*

Manamafy izany fahadisoam-panantenana nahazo azy izany hatrany ny mpanoratra ao amin'ny "*Niova*"<sup>100</sup>:

---

<sup>99</sup> Boky I , tak 78

<sup>100</sup> Boky I , tak 99

*"Ny fo hendry tia taloha  
 Hazom-pandriky ny sompatra  
 Dia nankahala anao tokoa  
 ... Fahoriana sisa vokatra!"*

Ny tsy fahatongavan'ny olon-tiana tamin'ny fotoana nifanaovana ihany koa dia efa nandiso fanantenana. Avoitran'ny mpanoratra ao amin'ny *"Manao ny tsy fanao"*<sup>101</sup> izany :

*"Dia nangaina teo ny foko ... tsy tonga mihitsy ianao  
 Nahoana lahy, ry aiko, no manao ny tsy fanao!"*

Nambaranay teo fa ny fitiavana diso tafahoatra ny olon-tiana dia mahatonga fahasarotam-piaro. Matetika ihany koa dia tsy araka izay noheverin'ny saina sy ny eritreritra no mitranga eo amin'ny fitiavana, ka manjary miteraka ny fahadisoam-panantenana. Nasehonay teo tokoa mantsy, fa tena nanolotra fitiavana be ny mpanoratra, nefa nifanohitra tamin'izany ny valiny. Nandiso fanantenana azy fatratra izany.

Izany fahadisoam-panantenana izany dia lalana iray mitondra any amin'ny faharavam-pitiavana.

### **1.2.3. Ny faharavam-pitiavana :**

Ny *"vy tsy mikitrana irery"*, hoy ny fomba fitenenana. Araka izany dia misy antony ny maharava ny fitiavana eo amin'ny olon-droa.

#### **1.2.3.1. Ny antony mahatonga ny faharavam-pitiavana :**

##### **1.2.3.1.1. Ny toetra tsy mitovy :**

Toetra samy hafa no havitrana ho iray amin'ny alalan'ny fanambadiana. Izany indrindra no mahatonga ireo mpikabary am-panambadiana hanafatratra tsara ny

---

<sup>101</sup> Boky I , tak 96

amin'ny fifampitondrana ao an-tokantrano. Ambetin-teniny, ohatra, ny hoe *"Ny fanambadiana toy ny tenon-jiafotsy ka vao tsy hialan-kasokasoka, tonta tsy hialan-dromoromo; ka sao ho avy ny kasokasoka, tonga ny romoromo ka tsy hahalala ianao hoe ny hisavorovoroan-kilantoana, ny tsy miady olom-bodo fa ny to fo mamosavy"*.

Sarotra ny mampivady ireo toetra samy hafa ireo, hoy i Asiniony ao amin'ny *"Tsy mora ny mitia"*<sup>102</sup>:

*"Tsy mora ny mitia  
sy mifanara-tsaina  
ny mandrindra izato dia  
mampivitrana fiaina  
mampivady lokon-toetra  
sy ny fomba rehetra rehetra"*

Izay tsy fitovian-toetra eo amin'olon-droa izay indrindra no mahatonga ny fisarahana eo amin'ny mpifankatia. Toy izao no fanehoan'i Asiniony izany ao amin'ny *"Teo am-panaikera-molotra"*<sup>103</sup>:

*"Tsy iantsoako today ... tsy omeke tsiny  
Hafa ny tiako, hafa ny tiany  
Mionona hoe! Hionona ihany  
Ny fony tsy mendrika tsy ampy tsy lany"*

*"Ny ela tokoa hono mahareroy"*, ka dia mitranga eo daholo ny toetra isan-karazany eo amin'ny mpivady. Vokatr'izany toetra mifanohitra izany, dia tsy mahatanty ny ankilany ka mandao ny tokantrano.

#### **1.2.3.1.2. Ny fandaozana ny tokantrano :**

---

<sup>102</sup> Boky I , tak 12

<sup>103</sup> Boky I , tak 48

Mandeha ila ny fitiavana ao an-tokantrano raha ny iray ihany no mampiseho fitiavana. Milazalaza momba izany i Asiniony ao amin'ny *"Afontsika"*<sup>104</sup>:

*"Izaho irery sisa  
eto an'afontsika  
niezaka hafana  
tamin'ny afo nialana  
nihazakazaka nifako  
niforitra nisorona  
nikopaka tsy miato  
bongo-maso, tsemboka orona".*

Na inona na inona anefa ezaka ataon'ny ankilany, dia zava-poana ihany izany satria *"ny tondro tokana tsy mahazo hao"*, hoy ny ohabolana. Tohizan'ny mpanoratra hatrany ny fanazavana izany ao amin'ny *"afontsika"*:

*"Nony ela maty ihany  
ilay afontsika roa  
Tsy narahiko tomany  
Afa-nenina ny fo"*

Namafisin'ny mpanoratra ato amin'ny *"Loza inona"*<sup>105</sup> fa tsy misy tokantrano vanona amin'ny fandaozana izany. Toy izao no nanambarany izany raha nananatra ny olon-tiany izy :

*"Asanao ry lala ...!  
Andeha ka manandrama !  
Na ... maika honina aza anefa  
Aoka ianao ho tonga saina  
... Raha ny tompon-trano no efa rifatra nilefa  
K'ireo mpanorina azy no efa samy niala maina  
Trano manahoana 'ty tadiavinao hofaina*

---

<sup>104</sup> Boky I , tak 57

<sup>105</sup> Boky I , tak 97

*... Ny tsara, hono, mantsy toa miafitra hohajaina ."*

Tsinjo ao amin'ny asa soratr'i Eric Ravalisoa mitondra ny lohateny hoe "*Misara-dia*"<sup>106</sup> izany faharavam-pitiavana izany:

*"Fa fony izahay nankafy ny hiara-dia  
Am-po mandra-maty ny hiram-pitia  
Dia anjom-baventy no indro niantefa  
'zahay voromanga, naleonay nilefa.*

*'reo elatra tsy hahoatra ny bonga  
'zahay manin-kavana maika ny ho tonga  
Indrisy ry fody, tsy antsoiko hoe avia  
Izaho miankavanana, ianao miankavia"*

Mety hisy fiatraikany eo amin'ny mpifankatia ny faharavam-pitiavana Mety hiteraka voka-dratsy eo amin'ny fiainany izany , nefa koa mety hampiharihary ny hambom-pony . Hiroso amin'ny fanadihadiana izany akon'ny faharavam-pitiavana izany indray izahay.

#### **1.2.3.2. Ny akon'ny faharavam-pitiavana :**

##### **1.2.3.2.1. Alahelo :**

Niteraka alahelo teo amin'ny mpanoratra ny fisarahana amin'ny olon-tiana. Tanteriny ao amin'ny "*Teo am-panaikera-molotra*"<sup>107</sup> izany alahelony izany:

*"Tsy haiko borahina, tsy haiko lazaina  
Ny atin'ny foko jejin-taraina  
Fitia makadiry, nikalo ny soa  
Kanefa voatsipaka tam-bavafo"*

---

<sup>106</sup> ( E ) RAVALISOA , op. Cit , tak 16

<sup>107</sup> Boky I , tak 48

Mafy sy mangidy ny alahelo mahazo an'i Asiniony, kanefa tsy asehony ety ivelany izany, fa tehiriziny ao anatiny ihany :

*"Miondrika mora tsy sahy mitomany  
'ty lohako resin'ankason'ny tany  
Miezaka hibanjina tanjona hafa  
Marefo fa miady ho tsara fikasa"*

Miezaka mampionona ny tenany izy, ka mitso-drano ny olon-tiany ary manaiky ny hisarahan'izy ireo. Hita taratra izany ao amin'ny *"Na sarotra aza"*<sup>108</sup>:

*"Na tsy mety ho haiko koa  
Ny hanadino ny efa lasa  
Nandrasarasa fo  
dia ekeko sy hajaiko  
ny hevitrao sombiniaiko  
ka vonoiko tsotra izao  
'Lay teny roa am-poko ao ...*

*Tsy hataoko be an-tsaina  
Ny haniry ho lalaina  
Sanatria indrindra koa  
Ny hisakana ny soan'  
ilay fitiavanao tsy anjarako  
Ny hevi-dratsy hofoanako!"*

Na dia manaiky ny fisarahana aza, anefa, ny mpanoratra dia mbola vonona ny hanolotra ny fitiavany foana raha sendra tojo ady sarotra ny olon-tiany :

*"Raha tojo sarotra, tsarovy  
Misy fo te-hamonjy*

---

<sup>108</sup> Boky I , tak 98

*Tsy sandaina, tsy tambazana*

*Tsy mitaky ny ho havana*

*Tsy ivarotanao fitia*

*Tsy mikendry hampita"*

Hazavainy tsara, fa fitiavana madio tsy misy tambiny ny fitiavana atolony amin'io fotoana io.

Etsy andanin'izay, dia misy ihany ny hambom-po ao anatin'ny mpanoratra, ka mahatonga azy hampiseho, fa mahavita zavatra izy. Voaboasany izany ao amin'ny "*Lofika anaty*"<sup>109</sup>

*"Ekeko fa kanto 'ty vorona vao*

*Kanefa tsy ahefa ny ataoko aminao*

*Manaitra famindra mahasodoka*

*Fa raha ny "fitia" mbola resiko kosa!"*

Amin'ny maha-nofo aman-drà ny olombelona, dia marary tokoa ny fo. Noho ny hambom-po ao anaty kosa dia nanafatrafitra amin'ny fitenenana mihitsy ny mpanoratra:

*"Marary ny fo, tsy laviko izany*

*Kanefa toneko 'ty foko tomany*

*Ombako mangina ny lalana mody*

*Izorako mora ... K'izaho tsy ho today!"*

Manoloana izany hambom-po ao anatin'i Asiniony izany dia ny manova indray ny fitiavana tsy nahomby no tarigetrany.

#### **1.2.3.2.2. Fanoloana fitiavana :**

---

<sup>109</sup> Boky I , tak 95

Tsy vahaolana eo amin'ny fiainana ny fitanondrehana. Mampahatsiahy izany indrindra amin'ireo olona kivy amin'ny fitiavana i Asiniony ao amin'ny hoe *"Fiainana = Fitiavana"*<sup>110</sup>:

*"Ialahy milaza tofoka  
Tsy tia fitiavana io  
Nanapatra ka boboka :  
Ity no tadidio  
Iray no nankarary,  
Misy tsy ohatra izay  
Raha sendra manta vary  
'ndeha mahandro indray!  
Ny miaina mantsy, leisy,  
Midika hoe mitia,  
Izay mandà no resy  
Maty dieny ety  
Koa etsy mitrakà  
Hendre dia miainà  
Mitiava hatrany hatrany  
F'io no fiainana eto an-tany"*

Vahaolana tsotra no atolony dia ny miaina amin'ny fitiavana hatrany hatrany. Ny manova ny tsy mety teo aloha ka mibanjina fiainana hafa indray . Mifandrindra amin'ny fomba fijery Malagasy izany raha tarafina amin'ny fomba fiteny hoe : *"Indray mandeha ve no manta vary dia handevin-tsotrobe ?"* Tsy kivy ny Malagasy manoloana ny fiainana , i Asiniony kosa miezaka mitraka manoloana ny faharavam-pitiavana . Antitranteriny izany ao amin'ny *"Mandrimandria"*<sup>111</sup>:

*"Nefa aza renoka aloha  
Ry foko nirodam-pikasa"*

---

<sup>110</sup> Boky I , tak 84

<sup>111</sup> Boky I , tak 45

*Ovay ny fitana raha voa  
... Hivadika ho azy ny rasa"*

Amin'i Asiniony dia ny mibanjina ny ho avy no tena zava-dehibe, fa tsy ny mitahiry ny alahelo ao anaty ao foana. Asehony izany ao amin'ny "*Avela hisaona*"<sup>112</sup>:

*"Aleveno ny efa maty  
sy alahelo be tsy tanty  
'ndeha hamorona antenaina  
Dia ho tonga ny maraina"*

Koa manolo-kevitra ny mpanoratra ato amin'ny "*Miaina anaty tsiaro*"<sup>113</sup>:

*"Kanefa etsy ange e!  
Raha samy hisalo-damba feno lay ihany ve?  
Tsy aleo miova jery  
Tsy hankafy ny irery!"*

Manolo-kevitra izy ny mba hananan'ny olona fitiavana hatrany fa tsy hamoy fo. Miharihary amin' izany ny risi-po hananan'ny mpanoratra ka tsy manaiky hilofika eo anatrehan'ny ankason'ny fiainana . Tsy manaiky ny hitanondrika eo anatrehan'ny sotasota isan-karazany . Ireny rehetra ireny no hevitra ny mpanoratra mikasika ny fitiavan'olon-droa .Tsy ny fitiavan'olon-droa ihany no hita soritra ao amin' ny asa soratr'i Asiniony, fa nihira ny fitiavan-tanindrazana ihany koa izy.

### **1.3. Ny fitiavan-tanindrazana :**

#### **1.3.1. Ny alahelo noho ny fahapotehan'ny harena malagasy :**

---

<sup>112</sup> Boky I , tak 11

<sup>113</sup> Boky I , tak 83

Mangotsokotsoka ao am-pon'ny mpanoratra ny fahapotehan'ireo harena malagasy. Nangitakitaka, ohatra, ny fony tamin'ny nahamay ny Rova ny 06 Novambra 1995. Voarakitra ao amin'ny asa sorany "*Manjakamiadana*"<sup>114</sup> izany :

*"Mena lanitra Iarivo  
Niatrika aina miala  
Gina ny mpitsinjo  
Nitazana hafokana  
ROVA sarobidy  
'toa tsy foy raha ho amidy  
No nodorana nosena!?"*

Malahelo mihitsy ny fon'i Asiniony amin'ny fanimban'ny olona ny zavaboary. Arangarangany izany amin'ny hoe "*Rava*"<sup>115</sup>:

*"Rovidrovitra, manify  
Ny ala soan'ny tany  
Mandoro tsy mitsitsy  
ny olombelona mavany  
Tapatapaka , voahety  
ny hazo hany fianjaikany  
solasola ny tanety  
may sy latsaka tomany"* .

Anisan'ny zava-tsarobidy amin'ny Malagasy ny ala satria sady miaro ny tontolo iainana izy no harena ihany koa. Koa ny fandoroana izany dia tahaka ny fanapotehana ny tanindrazana : "*Izay mandoro tanety, mandoro tanindrazana*" hoy ny fitenenana. Izany indrindra no nahatonga ny mpanoratra nilaza hoe :

*"Ambavahoana isika  
Fa potika ny tany  
Vonjeo ny hoavintsika  
Dia I Gasikara izany"*

---

<sup>114</sup> Boky I , tak 72

<sup>115</sup> Boky I , tak 73

## RAVA

Amin'ny ankapobeny dia mitory fitiavan-tanindrazana ny fanajana ny tontolo misy eo aminy. Ao anatin'izany ny fitiavana ny teny satria ny teny no maha-firenena ny firenena.

### 1.3.2. Fitiavana ny teny malagasy :

Fomba fiteny mahazatra ny hoe *"Izay tia ny tenin-drazany, tia ny tanindrazany"*. Manakoako ny fitiavana ny teny malagasy i Asiniony ao amin'ny tononkalo hoe *"Tenin-drazako"*<sup>116</sup>:

*"Fa mamiko ianao, ry Teny Malagasy  
Ry hany Tenin-drazako  
Sady efa nibeazako  
Ianao no iantsoako  
An'i Dada sy i Neny"*

Iombonan'i Asiniony amin'i Rado izany fitiavana ny teny malagasy izany .Araho ange ny fidradradradrany izany ao amin'ny tononkalony :

*"Eny mamiko ianao, ry Tenin-drazako, ry teniko!  
Tiako ianao, lalaiko loatra ary izao dia tsy afeniko,  
Fa ny foko manontolo sy ny saiko sy fanahiko  
Mampitovy lanja anao sy i Neny ilay niteraka ahiko"*  
"Ry tenin-drazako"<sup>117</sup>

Amin'i Asiniony raha maty ny Teny malagasy dia tsy misy maha-firenena ny firenena intsony. Manahy ny amin'izany izy ka manambara hoe :

---

<sup>116</sup> Boky I , tak 34

<sup>117</sup>RADO , *Dinitra*, Imprimerie Newprint , tak 15

*"Raha sanatrian'ny vava  
 ka tena misy izany :  
 ... Ho rava sy ho toro  
 'ty lova sarobidy sady tokana aman-tany :  
 Aza misy intsony ny andro sy ny alina hatoriana!  
 Milenteha ry Tanindrazana, ry Firenena nihaviana  
 Matesa! ... Fa ny maty no mendrika ho anao  
 Noho ny hitafy teny henatra fa vao"*

TENIN-DRAZAKO<sup>118</sup>

Tena fahafaham-baraka amin'i Asiniony ny faharavan'ny teny malagasy. Izany indrindra no mahatonga azy hamelona ny teny amin'ny alalan'ny soratra. Miharihary izany fandavan-tenany izany ao amin'ny *"Foiko"*<sup>119</sup>:

*"Foiko indrindra koa  
 Ho an'I Nosy Masina tsy manana sahala  
 Ny soratry ny peniko, hanasinako ny Teniko".*

Velona ao am-pon'ny mpanoratra ny fitiavan-tanindrazana ka vonona ny hampandroso an'i Madagasikara izy.

### **1.3.3. Fahavononana hampandroso an'i Madagasikara :**

Natombok'i Asiniony tamin'ny famelomana ny Teny malagasy ny fampandrosoana an'i Madagasikara. Mibaribary izany amin'ny fianianany fa hanoratra foana izy. Araho ange ny fiventesany izany ao amin'ny *"Hanoratra aho"*

<sup>120</sup>:

*"Rehefa tsy eo ialahy  
 Tsy maintsy hanoratra aho  
 Hamelona ny lasa*

---

<sup>118</sup> Boky I , tak 34

<sup>119</sup> Boky I , tak 76

<sup>120</sup> Boky I , tak 90

*Ny ngidy sy ny patsa*

*Hivaofy ny tontolo*

*Handrava, hampijoro*

*Na tezitra aza ialahy*

*Mbola hanoratra aho*

*Handrakitra ny marina*

*Ny ratsy ampiharina,*

*Tantara mihafihafy*

*Ny fo maratra anaty"*

Tanjon'ny mpanoratra amin'ny fanoratana ny haneho ireo zavatra tsy mety izay sakana amin'ny fampandrosoana.

Manentana ny olona izy amin'ny "*Andeha hiara-dia*"<sup>121</sup> mba hiray hina amin'ny fampandrosoana an'i Madagasikara :

*"Ry Mpanondro-pirenena*

*Mitady handeha irery*

*Tadidio ny fahendrena :*

*"Ny firaisana no hery"*

*Raha tena hoe hitolona*

*Handroso! ... tsy hiato*

*Mitambara re ray olona*

*'zay mitambatra no vato.*

*Ry vahoaka, ry tanora*

*Avitrano aloha ny saina*

*Fa ny tolona tsy mora*

*Raha hikatsaka ny marina*

*Raha hery mitsipotika,*

*no iantsiana fahavalo*

*Aoka fa handositra*

*Hilavo lefona, himalo*

---

<sup>121</sup> Boky I , tak 62

*Ry mpitondra, ry ambony  
 Raha hapaka-pirenena  
 Ny hambom-po aleo hitony  
 Ny "Firaisana" ekena."*

Mahatsapa i Asiniony fa tokony handray andraikitra izy eo amin'ny fiainam-pirenena. Tsy ny fidirana any anatin'ny antoko pôlitika, anefa no ahavitana izany, fa miainga amin'ny fanatanterahan'ny tsirairay ny andraikitra nomena azy.

Aminy dia tsy misy lanjany ny anjara toeran'ny olona tsirairay eo anivon'ny fiarahamonina na ny firenena raha tsy vitany ny andraikitra tokony hataony. Asongadiny izany ao amin'ny hoe "*Lozanareo*"<sup>122</sup>:

*"Raha ianareo mahay  
 Avara-pianarana hanondro-pirenena  
 No hanambaka anay  
 ... Foany ny sekoly fa mampiratra jerena*

*Fa loza ho anareo  
 'zay nomena fahefana, notolorana andraikitra  
 Raha vokin-tombontsoa dia mibarareoka feo  
 Sy mivadika hanaikitra!"*

Koa raha manana fahavononana hampandroso an'i Madagasikara izy dia ny fanatanterahany antsakany sy andavany ny asa nomena azy no fomba hanehoany izany:

*"Ny fitiavako rehetra  
 No iasako ho anao  
 Ny heriko tsy asiana fetra  
 Omeko ho herinao  
 'zay sombim-pahendreko  
 Hampandrosoako anao*

---

<sup>122</sup> Boky I , tak 59

*Ho anao ry fireneko*

*Mba hisandratanao!*

HO ANAO RY FIRENEKO <sup>123</sup>

Efa anisan' ny hitarafana ny herim-po hananan'ny mpanoratra izany fahavononany hampandroso an'i Madagasikara izany. Fahavononany ny hanolotra ny fitiavany sy ny heriny rehetra hampandrosoana azy .

Nambaranay tao amin'ny toko voalohany amin'ny asa ireo endrika isehoan'ny fitiavana hita taratra ao amin'ny asa soratr'i Asiniony. Hovelabelarinay ato amin'ity toko faharoa manaraka ity ny tarakevitry ny fahoriana izay sehatra iainan'ny "fo" lafika tokana.

## **TOKO II : NY FAHORIANA**

Ny ataonay hoe fahoriana eto dia ireo toe-javatra miteraka alahelo. Izay heverina fa mampahory, mampijaly ny fon'ny mpanoratra. Mizara roa ny endrika isehoan'ny fahoriana araka ny fanasokajiana nataonay avy amin'ny asa soratr'i Asiniony:

- Ny fahafatesana
- Ny fahantrana

Ny paika natoron'i Weber amin'ny fiaingana amin'ny lahatsoratra manamarika hevitra hatrany no hitondranay ny famelabelarana .

---

<sup>123</sup> Boky I , tak 52

## 2.1. Ny fahafatesana :

### 2.1.1 Ny fiheveran'ny mpanoratra ny fahafatesana

Maro ireo mpanoratra no mamoka ny fiheverany momba ity fahafatesana ity. Ohatra amin'ireny i Samuel RATANY sy Jean Joseph RABEARIVELO.

Amin'i Samuel Ratany dia ratsy ny fahafatesana satria manjakazaka ny tsy an'ny tena. Henoy anje ny fahatezerany manambara izany ao amin'ny *"Fanaovam-beloma ny maty"*<sup>124</sup>:

*"Ry fahafatesana  
Ry fahafatesana ratsy filàna  
Tsy mena-mijery ny fo mitoreo,  
Valio hoe ny fanontaniako mazàna  
Mba inona kosa no karamanareo?  
Tsy hita izay voa nambolena dia efa  
Nijoro ho tompon'ny fandaharana?  
Tsy manana masonkarena, kanefa  
dia vonon-kijinja ny tsy niasarana"*

Mifandraika amin'izany ny fiheveran'i Asiniony ao amin'ny *"Ratram-po"*<sup>125</sup>:

*"Nahoana no tsy olon-dratsy  
no nindaosinao ho faty?  
na 'reo efa te-hatory eo am-parafara vato  
nefa inona lazao  
'zato sanda azonao  
amim-bolomaso mando, fo misento toy izao"*

<sup>124</sup> ( F ) RAKOTONAIVO , *Samuel Ratany mpanoratra 1901-1926* , Ed Ambozontany Fianarantsoa , 1993 , tak 71

<sup>125</sup> Boky I , tak 85

Ny olon-dratsy no tokony hiharan'ny fahafatesana amin'i Asiniony. Aminy dia ny fahafatesana no manadio ny fiainana eto an-tany :

*"Ny fahafatesana io  
mangidy  
saingy hery manadio  
ny fiainana eto an-tany*

*"Ny fahafatesana" <sup>126</sup>*

Araka izany dia ratsy ny fahafatesana raha maka ny tsy tokony halaina :  
*"Mangeroka ny fasana maka ny tsy antonony"*. Na izany aza, anefa dia miaiky ny mpanoratra fa lahatra ny fahafatesana : *"Mavany loatra ry lahatra, naka andry fiankinana"*.

Ekeny fa toe-javatra tsy maintsy lalovana ny fahafatesana. Inona kosa no mety ho aterak' izany fisian'ny fahafatesana izany eo amin'ny mpanoratra?

### **2.1.2. Ny fiatraikan' ny fahafatesana :**

Miteraka alahelo ny fahafatesana. Tsy alahelo fotsiny fa tena fijaliana sy fangirifiriana mihitsy araka ny nambaran'i Asiniony ao amin'ny *"Ratram-po"*<sup>127</sup>:

*"Tomany tsy mitony, tsy lefin'ny fotoana  
sa fitiavana mijaly mila toky anoloana  
Moa ny alahelo lalina, ratram-po mangitsokitsoka"*.

Niteraka *"ratram-po nangitsokitsoka"* teo amin'ny mpanoratra ny fisian'ny fahafatesana. Na dia izany aza ,dia nanana herim-po handresena izany fahoriana izany izy . Ekeny fa ny toe-javatra rehetra mitranga eo amin'ny fiainana dia mahaso avokoa . Tazana ato amin'ny *"Iononako"*<sup>128</sup> ,ohatra, ny fiezahan'i Asiniony hampitony fo:

*"Ry foko  
Ekeo ho mahaso"*

---

<sup>126</sup> Boky I , tak 65

<sup>127</sup> Boky I , tak 85

<sup>128</sup> Boky I , tak 86

*Na dia fota-mandrinao!  
 Roahy ny toloko  
 sy vaingan-dranomaso kely  
 Eo am-bolomasonao  
 Fa minia an-tsokosoko  
 Mamelona alahelo  
 Sy manangana avelo  
 Manampy ny ankasao  
 Manavesatra ny maso"*

Heverin'ny mpanoratra ihany koa fa ny fanohizana ny fiainana niainan'ny maty dia manafoana ny fahafatesany :

*"Ny vatanao no simba ao ambany rangolahy  
 Fa "ianao" tsy miova ao am-poko mahatsiahy  
 Ny toetra amam-panahy, ny lasi-piainanao  
 Ezahiko hiainana haneho ilay "ianao"  
 Hoporofoiko mihitsy amin'izao tontolo izao  
 Fa resiko ny fasana, velona ianao!"*

TSY MATY "IANA" <sup>129</sup>

Toe-javatra nandona ny fon'ny mpanoratra ihany koa ny fisian'ny fahantrana eo amin'ny fiarahamonina.

## **2.2. Ny fahantrana :**

Mizara roa ny fari-piainan'ny olona eo amin'izao tontolo izao dia ny mahantra sy ny manana. Miresaka momba ny anjara toeran'ny mahantra eo amin'ny fiarahamonina ny mpanoratra ato amin'ny asa sorany, araka izao famelabelarana ataonay izao.

### **2.2.1. Ny anjara toeran'ny mahantra eo anivon'ny fiarahamonina:**

---

<sup>129</sup> Boky I , tak 8

Toa tsy manana ny maha-izy azy ny mahantra eo anivon'ny fiarahamonina. Toa tsy dia misy miraharaha loatra izy ireo fa ny mandositra azy aza no ataon'ny olona . Maneho izany indrindra i Asiniony ao amin'ny "*Fiangonana noely*"<sup>130</sup>:

*"Ny mahantra mihafihafy, natao fihatakataka  
Tahaka izay tsy taty! Eo imolony tsy afaka".*

Tsy misy mba mihantra izy ireo, fa ny migalabona mampidera ny haren'ny no ataon'ny manan-katao. Manambara izany ny mpanoratra ao amin' ny tononkalo "*Mahandrasa!*"<sup>131</sup>

*"Trano be manaka-danitra  
Tsara tsy tehafin-dalitra  
no ajoron'ny mpitsetsitra  
Mahay miteny sy mihetsika  
Ny vahoaka hoe tsinjavina  
Mahantra ... mahafadiranovana  
Ireo mpitsinjo, eo am-bava,  
Vokim-pitsetsefan-dava  
Izy sahy mitaina vola  
Milomano anaty harena  
Ny jalinao tsy mety tola  
mbola odiany tsy jerena"*

Amin'ny andro noely, hoy ny mpanoratra, dia hita miavaka mihitsy ny manana sy ny mahantra .Toa manome lanja hatrany ny manan-karena ny andro noely raha ny fitantaran'ny mpanoratra no arahina :

*"Ny noelinao ry tany  
Tsiky an-tendro-molotra milafika tomany  
Tsy mipaka hatrany anaty*

---

<sup>130</sup> Boky I , tak 53

<sup>131</sup> Boky I , tak 23

*Fa fety fombafomba tsy maharitra dia maty*

*(...)*

*Ny tsikinao ry tany*

*Tsiky mampifaly ny efa faly mba hifaly*

*Fety miangatra hatrany*

*Tsy mety mba mijery ny mahantra sy ny ambany*

*Maika toa mihady*

*Ny hantsa-mampisaraka saranga tsy hivady*

*(...)"*

ANDRO HAFAHAFANA <sup>132</sup>

Antintraterin'i Asiniony ihany izany ao amin'ny "Noely"<sup>133</sup>. Namafisiny hatrany ny fahoriana manjo ny mahantra amin'ny andro fety :

*"Androm-pifalian'ireo 'zay manan-kantenaina*

*Daty andotsoan'ireo miaina fe miaina*

*Tsy afaka manolotra ny tsiky sy tantely*

*Ny tiany, te-hifety fa tsy afaka miteny"*

Tsinjo ao amin'ny tononkalon-dRado hoe "Vola fitopolo"<sup>134</sup> ihany koa izany tsy fahafahan'ny mahantra mifety izany :

*"Vola fitopolo sisa teo an-tanany*

*Ambin'ny "davansy" tamin'ny karamany*

*Fa maro moa ny ankizy,*

*Ka betsaka izaitsizy*

*Ny vola lany taminy ...*

*Nefa rahampitso dia Krismasy,*

*K'ireto ankizy,*

*Hoy izy,*

---

<sup>132</sup> Boky I , tak 33

<sup>133</sup> Boky I , tak 81

<sup>134</sup> RADO , op.cit , tak 145

*Sao mangasihasy,  
Raha toa ka tsy mba manana  
Kilalao an-tanana ...*

*Ka 'ndeha mba hojerena  
Aloha izay eny an-tsena ..."  
Nefa fitopolo sisa teny an-tanany  
Ambin'ny "davansy" tamin'ny karamany"*

Ny toe-java-misy eo amin'ny fiarahamonina no nambaranay teo. Tamin'izany no nolazainay fa voahitsakitsaka ny zon'ny mahantra. Toa ireo manan-karena no misongadina eo anivon'ny fiarahamonina.

Inona kosa àry ny fiantraikan'izany fahantrana izany, raha ny hita taratra ao amin'ny asa soratr' i Asiniony no zohiana ?

### **2.2.2. Ny fiantraikan'ny fahantrana :**

Fitaovana iray natao ifanakalozana eo amin'ny fiarahamonina na ny firenena ny vola .Manan-danja lehibe izy noho ny fampiasana azy eo filana andavanandro.Ny tsy fitovian'ny vola eo am-pelatanan'ny tsirairay no hanasokajiana azy ho mahantra na manan-karena . I Asiniony dia manantitrantitra ny tanjak'izany vola izany ato amin'ny tononkalony hoe “*Vola*”<sup>135</sup> :

*Saritsarin'olona , saritsarimbavy  
Izay tsy manam-bola  
Hatramin'ny olon-tiana tsy azo antsoina vady  
rehefa tsy ampy vola  
Zanaka nateraka no tonga olom-banona  
Nikoriana tao ny vola  
Havana no tia milaza “ manimanina”  
anananao ny vola  
Hatrany am-piangonana , ny hanefa adidy*

---

<sup>135</sup> Boky I , tak 75

*Tsy maintsy hoe ny vola*

*Na aiza n'aiza aleha , ny tokony ho tadidy*

*Matanjaka ny vola*

Manamafy izany fiheveran'i Asiniony ny lanjan'ny vola izany ny fomba fitenenana manao hoe : “Ny vola no maha- rangahy” sy ny hoe “Ny vola no hozatry ny fiainana”.

Adin-tsaina sy fiforetana aina no ateraky ny tsy fananam-bola. Mitantara izany ny mpanoratra ao amin'ny *"Ty lanjanao ry vola"* <sup>136</sup>:

*"Rehefa ts'isy ny eo an-tanana*

*Lazaiko marina aminao*

*Fa tena miampanampana*

*Mitady izay harapaky ny vavan-janakao*

*Mikatroka ny saina*

*Mitady izay ilaina*

*kanefa tany mena*

*Tsy hanjary nofon-kena"*

Misaotra an' Andriamanitra kosa i RADO ao amin'ny *"Etsy matoria"* <sup>137</sup> ny amin'ny tsy mba hahafantaran'ny zanany ny fahoriana ao anatiny :

*"Isaorako aza Andriamanitra, raha tsy fantatrao akory*

*Izay alehan'ny fisainako,*

*Na izay adin'ny fiainako*

*Feno zava-mifamaho mila tsy hahitako tory*

*Efa an-taona maro izao!*

*... Soa fa niafina aminao*

*Izany izaho mifoha maraina*

*Mieritreritra ao an-tsaina*

*sy mitetika ny asa hamonoako ny masoandro*

---

<sup>136</sup> Boky I, tak 81

<sup>137</sup> RADO , op.cit , tak 117

*ho sakafontsika anio, na dia hoe indray mahandro ..."*

Miseho indrindra ny fijaliana eo amin'ny mahantra rehefa ririnina ny andro ary tena anisan' ny andro mampahory azy izany . Miharihary izany amin'ny fitarainan'i Asiniony amin'Andriamanitra ao amin'ny tononkalo mitondra ny lohateny hoe "*Ririnina*"<sup>138</sup>.

*"Andriamanitra ô  
Raha azonao atao  
Foany ny ririnina  
Fa io no fe-potoana  
Iketohan'ny hirifiry  
Sy maha-ambavahoana  
Ny nofonay mahantra  
Ny asa mantsy tsinona  
Tsy azonay avela  
Ny hery anefa mihena  
Ny kibo feno tapaka  
Tsy afenina fa noana  
Ny erika, fanala misosoka tsy ela  
Hatramin'ny tsinay  
Atangolingoliny  
Hatramin'ny fanahy  
Atambolombolony"*

Ny hatsiaka sy ny fanala mamely ny vatana rehefa tonga ny ririnina. Ny sakafo ihany koa ,anefa tsy maintsy tadiavina. Tsy mba misy fifaliana mahazo ny mahantra, fa hatrany amin'ny ati-fanahiny iray manontolo no mizaka ny tsieran'ny aina.

### **FEHINY**

---

<sup>138</sup> Boky I , tak 18

Tato amin'ity fizarana faharoa ity no namelabelaranay ny tarakevitry ny fitiavana sy ny fahoriana, izay sehatra iainan'ny lafika tokana "fo" eo amin'ny mpanoratra sy ny asa soratra. Endrika telo no nanehoan'ny mpanoratra ny fitiavana dia ny fitiavan-dray aman-dreny ; ny fitiavan'olon-droa ary ny fitiavan-tanindrazana . Ny fitiavana asehon'ireo ray aman-dreny amin'ny fanolokoloana ny zanany no apololoitran'ny mpanoratra ao anatin'ny fitiavan-dray aman-dreny Nivoitra tao amin'ny famakafakana ny tarakevitry ny fitiavana olon-droa ireo dingana lalovan'ny fitiavana : ny fitsiriany , ny fivelarany , ary ny faharavam-pitiavana . Tao anatin'ireo no nanasongadinana ireo fomba iainan'ny olona ny fitiavana ary ny tontolo manodidina izany fitiavana izany . Nojerenay tao anatin'ny faharavam-pitiavana kosa ireo antony mety mahatonga ny faharavam-pitiavana sy ny fiatraikan'izany eo amin'ny olona .Ny alahelon'ny mpanoratra ny amin'ny fahapotehan'ny harena malagasy , ny fitiavana ny teny malagasy , ny fahavononany hampandroso an' i Madagasikara dia mampiharihary ny fitiavan-tanindrazana ao anatin'ny .

Navondronay tato amin'ity tarakevitry ny fahoriana ity ireo alahelo rehetra mitranga eo amin'ny fiainana , toy ny fahafatesana ,ny fahantrana. Notanisain'ny mpanoratra tao, fa ratsy ny fahafatesana ary miteraka alahelo sy fangirifiriana eo amin'ny olona ny fisiany . Nambarany kosa anefa fa lahatra izany fahafatesana izany.

Ny tsy fananan'ny mahantra anjara toerana eo anivon'ny fiarahamonina kosa no asongadiny raha miresaka mikasika ny fahantrana izy . Lazainy fa manjakazaka eo amin'ny mahantra ny manan-karena . Abaribariny ato ny adi-tsaina mahazo ny mahantra vokatra ny tsy fananam-bola indrindra rehefa andro fety sy ririnina .

Tao amin'ny famelabelarana izahay dia tsy nanisy resaka ny amin'ny fifandraisan'ny tarakevitry sy ny "fo" lafika tokana. Ny nataonay vaimodohan-draharaha dia ny nisikotra izay hevitra hita taratra tao amin'ny asa soratr'i Asiniony mikasika ny fitiavana sy ny fahoriana. Nentinay nanatanteraka ireo fandalinana ireo ny fiaingana amin'ny lahatsoratra maningana mampiseho ny taratry ny sehatra iainan'ny "fo".

Eto kosa izahay dia hanaporofa fa ny "fo" no lafika tokana eo amin'ny mpanoratra sy ny asa soratra, araka izay hitanay tao amin'ny fandalinana ireo endrika

isehoan'ny tarakevitry ny fitiavana sy ny fahoriana. Asehonay fa ny "fo" no mavesadanja tamin'ny famoronana ny tononkalo.

Araka ny fandalinana natao dia nifamahofaho tato amin'ny asa soratr'i Asiniony daholo na fahoriana na hafaliana na fijaliana ...Ireny rehetra ireny, anefa, dia tena mifamatotra akaiky amin'ny "fo" avokoa. Mifamatotra amin'ny "fo" ,satria ireo toe-javatra rehetra voalaza teo ireo (fitiavana, fahoriana) dia miteraka akony eo amin'ny fo avokoa.

Teo amin'ny lafiny fitiavana, ohatra, dia niseho tao ny zavatra tsara mety ho nanome hafaliana. Anisan'izany ny fitsiriana'ny fitiavana sy ny fivelaran'ny fitiavana, ary indrindra ny fitiavan-dray aman-dreny. Mety ho nanome hafaliana, hoy izahay, satria amin'ny ankapobeny, raha mbola tsy misy manohintohina ny fifankatiavan'olon-droa dia sambatra tanteraka izy ireo.

Ambaranay kosa hoe mifamatotra amin'ny "fo" lafika tokana eo amin'ny mpanoratra sy ny asa sorany ny fijaliana, satria niteraka alahelo teo aminy, ny fahafatesana, ny fahantrana, ny fahapotehan'ny harena malagasy . Ireo rehetra ireo dia samy nampamolivoly ny fo avokoa. Samy niteraka alahelo teo amin'ny mpanoratra avokoa.

Mazava ho azy fa ny "fo" no lafika tokana eo amin'ny mpanoratra sy ny asa sorany. Ny "fo" tokoa mantsy no faly, ny "fo" ihany koa anefa no mijaly.

Hoentinay mamarana izao asa fikarohana izao dia asehonay ato amin'ny fizarana fahatelo ny paika nentin'ny mpanoratra naneho ny "fo" lafika tokana.

**"NY PAIKA NENTIN'NY  
MPANORATRA NANEHO NY  
"FO" LAFIKA TOKANA"**

# FIZARANA FAHATELO :

Mialoha ny handalinanay ny paika nanehoan'i Asiniony ny "fo" lafika tokana dia horesahinay ny mikasika ny literatiora amin'ny ankapobeny izay tena fototry ny asa.

## TOKO I : NY TONTOLO MANODIDINA NY LITERATIORA :

### 1.1. Famaritana :

#### 1.1.1. Ny Literatiora :

Araka ny *Rakibolana malagasy*, ny literatiora dia "*fitambaran'ny sora-kanto novokarin'ny mpanoratra ao amin'ny tany anankiray*"<sup>139</sup>

Mifandraika amin'izany ihany koa ny hevitr'i Rado : "*Ny literatiora dia Teny sy soratra voaangona tao amin'ny faritra na firenena iray ary mijanona ho lovasoa sy harentsaina ho an'izany firenena izany, fa maneho ny maha-izy azy manokana eo anivon'izao tontolo izao*"<sup>140</sup>.

<sup>139</sup> *Dictionnaire Universel de poche*, Hachette et librairie Générale française, 6 rue Pierre Sarrazin, Paris, 1993, p 230 "La littérature, c'est l'ensemble des œuvres littéraires d'un pays".

<sup>140</sup> RADO, *Rary Ranto* 95, tak 3

Ireo hevitra roa mikasika ny literatiora ireo dia maneho, fa ny literatiora no mampiavaka ny firenena iray amin'ny firenena hafa. Izy no mitahiry ny zavamisy rehetra teo amin'ny fiarahamonina sy ny firenena :

*"Ny literatiora no mirakitra ny fo mitepo aman-panahin'ny olona, maha-firenena ny firenena, mamelona sady ivelomany, manazava ny diany ary mampivelatra ny maha-olona azy"* <sup>141</sup> hoy i Esther RANDRIAMAMONJY.

Lafin-javatra maro araka izany no raketin'ny literatiora . Ampian'i Asiniony ihany koa izany hoe *"Aina mihazona ny soratra tsy hikoro fa hiampita amin'ireo taranaka mandimby. Izy no fialamboly kanto indrindra satria ahafahana mandray na mamoka hevitra ary ahazoana fahafinaretana amin'ny rindra kanto mandrakotra ny fianjaikany"* <sup>142</sup>.

Misy karazany maro ny literatiora, ao ny sombin-tantara, ny tantara foronina, ny tantara tsangana, ny Poezia sns ... . Singaninay manokana ny Poezia satria io no fototry ny asa fikarohana.

### 1.1.2. Ny Poezia :

Araka ny voalazan'ny Rakibolana malagasy nosoratan'i RAJEMISA Raolison " ny Poezia dia tononkalo" <sup>143</sup>. Ao amin'ny Poezia no ahitana ny fahaizan'ny mpanoratra mamolaka ny teny hampihetsi-po ny mpamaky. Izany hoe, ny teny no fitaovana ampiasain'ny mpanoratra hamoronana ny poezia Manazava izany i ZO-MAMINIRINA : *"Ny teny no loharano tsy mety ritra mandrakizay , tovozin'ny mpanoratra hamokarana zava-kanto"* <sup>144</sup>. Ka ny fahaizan'ny mpanoratra miangaly ny teny amin'ny alalan'ny rindra sy ny sarinteny no mahakanto ny poezia ary izany koa no iavahany amin'ny fiteny andavanandro : " *Zava-kanto ny poezia noho izy fanehoan-kevitra aman-pihetseham-po miala amin'ny mahazatra : sary sy mozika ary sarinteny manko no nentin'ny mpanoratra maneho ireny*" <sup>145</sup> ", hoy Ramarolahy . Manamafy izany ny famaritan'i Jean Narivony araka izao famintinany

<sup>141</sup> (E) RANDRIAMAMONJY , Rary Ranto 95 , tak 8

<sup>142</sup> ASINIONY , L'Express de Madagascar, 8 Novambra 1997, tak 10

<sup>143</sup> ( R ) RAJEMISA , op.cit , tak 800

<sup>144</sup> ZO-MAMINIRINA in Ambioka , lah 33, Febroary 2001

<sup>145</sup> ( J ) RAMAROLAHY , in Tovozin-tsy ritra , Boky 5 ,Edisiona Tsipika , tak 98

azy izao : “*Ny poezia dia asehon'ny fisondrotan'ny vetso , ny hankaton'ny sary , ny fihanjan'ny teny : toetra samy hita ao amin'ny poeta*” .<sup>146</sup>Ireny no mambabo ny fon'ny mpamaky ka ilazan'i Charles RAJOELISOLO hoe : “*(...) vetsovetso-po manetsika fo hafa, hiran'ny fanahy mampipararetra fanahy hafa ny poezia*”<sup>147</sup>.

Raha zohina dia miavaka tsara ny literatiora sy ny poezia. Ny literatiora dia fitambaran'ny asa soratra rehetra novokarin'ny mpanoratra. Ny poezia kosa dia voafaritra ho tononkalo ihany. Tononkalo manana endrika kanto noho ny fisian'ny rindra sy ny sarinteny entin'ny mpanoratra maneho ny vontoatiny . Tononkalo manana endrika kanto , hoy izahay, satria araka ny filazan'i ILAY dia “ *Sary, endrika mirindra, mahafinaritra, enti-maneho ny votoaty , indray teraky ny aingam-panahy* ”<sup>148</sup> ny kanto

Inona indray kosa àry izany atao hoe aingam-panahy miteraka ny poezia izany ? .

### 1.1.3. Ny aingam-panahy :

Raha ampidirina eo amin'ny tontolon'ny famoronana ny teny hoe "fo" dia azo heverina ho ny "fo" no loharano ipoiran'ny aingam-panahy, izay manentana ny saina aman' eritreritry ny mpanoratra ka mahatonga azy hahaforona asa kanto, manaitra ny saina sy ny fo amam-panahin'ny mpamaky. Io "fo" io no mamelona ny aingam-panahiny. Ny aingam-panahy kosa no manery ny mpanoratra hanapololotra ny zavatra kobonin'ny fony amin'ny alalan'ny asa soratra. Manazava momba izany aingam-panahy izany i Clarisse Ratsifandrihamanana : “*Ny aingam-panahy dia ilay talenta nananan'ny mpanoratra ka ahafahany mamoka sy mandrindra avy hatrany ny fihetseham-pony*”<sup>149</sup>.

Koa raha vao miresaka asa soratra izany dia tsy maintsy voateny ao koa ny aingam-panahy. Aingam-panahy izay tsy fantatra loatra ny fiaviny, kanefa, mahatonga ny mpanoratra hamoaka amin'ny fomba kanto ny zavamisy eo amin'ny

<sup>146</sup> JEAN- NARIVONY , *Ny gazety fanavaozana*, Taona fahatelo , Mai 1955

<sup>147</sup> ( ch)RAJOELISOLO , "Tsipy hevitra ho an' izay te- hanoratra " , *Sakaizan'ny Tanora* , May 1930 , Novambra 1931

<sup>148</sup> ILAY , in *Tovozin-tsy ritra* , tak 47, Boky 3 , Edisiona Tsipika

<sup>149</sup> ( CI ) RATSIFANDRIHAMANANA , in *Aingam- pivoarana* , lah 6 , tak 32

fiainana andavanandro. Mitatitra izany i Asiniony ao amin'ny hoe *"Ny aingam-panahy"*<sup>150</sup>:

*"Toy ny hoe mandainga  
Fa hery tsy hay faritana  
Tsy hay hotantaraina no tsaroako toa mamitrana  
Ny foko sy ny ainga  
Toa tena zava-bitika  
Tsy manan-toeran-drakitra ato anaty foko  
Kaneffa dia voakitika*

*Rehefa misy taratra, mitsidika manaitra somary hafa loko"*

Noho izany aingam-panahy ananan'ny mpanoratra manokana izany, dia voasintona ho babon'ny zavamisy izay tsy andrian'ny sain'ny besinimaro akory izy. Manoloana izany tombotsoa manokana ananan'ny mpanoratra izany dia manana anjara asa lehibe eo amin'ny fiarahamonina izy.

## **1.2. Ny anjara asan'ny mpanoratra sy ny asa soratra ary ny mpamaky :**

### **1.2.1. Ny mpanoratra :**

Voasokajy ao anatin'ity anarana hoe mpanoratra ity avokoa ireo mpanoratra rehetra na inona na inona karazan-dahatsoratra soratany. Antsoina manokana hoe Poeta kosa ireo mpanoratra Poezia.

Iray ihany ny anjara asa sahanin'izy ireo dia ny mamoka ny zavamisy tsapany avy amin'ny fiarahamonina na firenena misy azy. Tsy ny zavatra hitany ihany no avoakany, fa izay hetahetam-pony ihany koa. Araka izao ambaran'i Randja Zanamihoatra azy izao : *"Inona àry ny poeta sy ny mpanoratra? Mitondra ny feon'ny tenany araka izay hiheverana azy tokoa izy. Feon'ny fantatra sy ny tsy fantatra ihany koa, feon'ny hita maso sy ny tsy hita maso, feon'ny lasa sy ny feon'ny ho avy, feo avy ao amin'ny onjan'ny fisiana ary feon'ny sary"*<sup>151</sup>

<sup>150</sup> Boky I , tak 77

<sup>151</sup> Randja Zanamihoatra , *Aingam-pivoarana* , lah 6 , tak 62

Maneho ny toe-javatra izay tsy ao anatin'ny sain'ny olona akory ny mpanoratra. Zavamisy any amin'ny miafina indrindra no aharihariny. Hoy i Nalisoa Ravalitera ao amin'ny *Aingam-pivoarana* : "*Ny mpanoratra dia mpamohitra ny ambany maso tsy hita. Ny mpanoratra dia mpanambara ny zava-misy*"<sup>152</sup>. Ny anjara asan'ny mpanoratra izany dia mampiharihary ny zavatra hitany sy tsapany eo amin'ny tontolo manodidina azy .

Izany anjara asan'ny mpanoratra milaza ny zava-miafina izany, indrindra no nahatonga an'i Asiniony hampitaha ny Poeta amin'ny "*Dahalo*". Araho ange ny fiventesany izany ao amin'ny "*Dahalo ny poeta*"<sup>153</sup>:

*"Dahalo ny Poeta!  
Dia akorao lalandava  
Hoe miteniteny foana  
sy mirediredy lava!  
Izy mantsy tsy mba moana  
fa miteny ny afenina  
Midradradradra hampijoro  
Teny sarotra tenenina  
Mihika mampitsangam-bolo  
Ka manaitra ny marenina"*

Tsy mifidy ny zavatra ho tenenina ny Poeta fa mamoka tsy amim-pihambahambana ny zavamisy tsapany rehetra, na inona na inona mety ho vokany. Mampibaribary ny zava-miafina, na iniana afenina eo amin'ny fiarahamonina na ny firenena.

Anjara asa sahanin'ny mpanoratra ihany koa ny mamaly ny hetahetan'ny olona amin'ny asa soratra avoakany. Izy no toky sy aron'ny fiarahamonina . Toy izao

---

<sup>152</sup> ( N ) RAVALITERA , *Aingam-pivoarana*, lah 6 , tak 50

<sup>153</sup> Boky I , tak 21

no fomba ilazan'i RAHAJA izany ao amin'ny gazety *Ambioka* : "*Mpiambina ny fiarahamonina ny mpanoratra ary ny asa sorany no ampinga hoentina miaro*" <sup>154</sup>.

Izany hoe ny mpanoratra no mitantana ny olona tsy ho solafaka eo amin'izay mety fahoriana diaviny. Tsy ny manambara ny zavamisy fotsiny no anjara asan'ny mpanoratra , fa miaro ny manodidina azy ihany koa . Izany dia ampitainy amin'ny alalan'ny asa soratra. Manana anjara asa lehibe, araka izany ny asa soratra.

### 1.2.2. Ny asa soratra :

Mamefy ny olona tsy hibrioka ny asa soratra . Mitari-dalana ny mpamaky ka manome fanantenana azy eo amin'ny fiainany .Ny fiainana izay hanjakan'ny safotofoton'ny fitiavana :

*"Ny diam-peniko  
hamonto ny fonao  
efa sasatra nitia  
sy diso fanantenana  
Ny diam-peniko no hiandry  
sy hamefy anao tsy hihoatra  
ny valan'ny fiainana  
Raha tany koa ny tany".  
"NY DIAM-PENIKO" <sup>155</sup>*

Tsy mitari-dalana ihany ny asa soratra, fa manabe mihitsy, mamolavola ny toe-tsain'ny mpamaky. Milaza izany i Charles Ravoajanahary ao amin 'ny gazety *Fanasina* :

*"Mitaiza ny sain'ny mpiara-belona ny literatiora fa angamba, raha tsy misy ireny literatiora ireny, dia samy hanana ny fiheviny, ny fisainany, ny fiteniny avy ny mpiara-belona"* <sup>156</sup>.

<sup>154</sup> RAHAJA , *Ambioka*, lah 31, Desambra 2000

<sup>155</sup> ZO – MAMINIRINA , *Amboaran- tononkalo*, Sandratra , tak 28

<sup>156</sup> ( Ch ) RAVOAJANAHARY , "*Fitazan-tsaina amin'ny alalan'ny literatiora*" in *Fanasina*, lah597, 29 Marsa 1965

Inona tokoa moa no hitranga raha toa ka samy manana ny fiteniny, ny fisainany, ny fiheviny ny olona tsirairay eo amin'ny fiarahamonina na ny firenena?

Angamba korontan-dava no hita, fifandirana sy fifandonana tsy misy hoatra izany. Mety hanjaka ny fifanenjehana isan-karazany. Mety hiteraka loza ho an'ny firenena izany satria lany andro eo am-piadiana ny vahoaka ka tsy manana eritreritra akory izay hampandrosoana ny firenena. Handravona ireny toe-javatra mety hitranga ireny indrindra no anjara asan'ny asa soratra : *"Raha tsy misy literatiora eo amin'ny fiarahamonina dia hikorontana, fiarahamonina tsy azo iainana satria toe-tsaina samy hafa no hita ao"*<sup>157</sup> hoy i Charles Ravoajanahary .

Tena ilaina tokoa ny asa soratra hanabe sy hamolavola ny toe-tsain'ny olona. Mamintina izany ny hevitr'i Asiniony hoe : *"Ny haisoratra no fanoitran'ny hoavy, fanalahidin'ny fitaizana sy ny fanabeazana"*<sup>158</sup>.

Zava-poana tahaka ny rano araraka an-damosin'ny gana ihany, anefa, ireny fidradradradran'ny mpanoratra ireny raha tsy eo ny mpamaky.

### 1.2.3. Ny mpamaky :

Ny mpanoratra, ny asa soratra, ary ny mpamaky no hasin-javatra telo maha-literatiora ny literatiora. Tsy azo lazaina ho mpanoratra ny mpanoratra raha tsy misy ny mpamaky ny asa sorany : *"Andry tena ilaina mampijoro ny literatiora, ankoatra ny mpanoratra sy ny soratra ihany koa ny mpamaky"*<sup>159</sup> hoy i Rado RAMAHERISON.

Izy no mamelona ny asa soratra, araka izao ambaran- dRano izao: *"Ny mpamaky no sehatra ivelaran'ny soratra. Izy no mamelona ny soratra amin'ny alalan'ny fanakarana ny hevitra raketiny"*<sup>160</sup>.

Ny anjara asan'ny mpamaky izany dia ny milaza ny zavatra tsapany avy amin'ny asa soratra. Manambara izay akon'ny asa soratra novakiany teo amin'ny

<sup>157</sup> ( Ch ) RAVOAJANAHARY , op. Cit

<sup>158</sup> *L'Express de Madagascar*, 8 Novambra 1997 , tak 10

<sup>159</sup> *Ambioka*, lah 33 , Febroary 2001 .

<sup>160</sup> *Ambioka*, lah 33 , Febroary 2001

fiainany. Raha tsy misy akony teo amin'ny mpamaky mantsy ny asa soratra dia karazany toa fandanium-potoana ihany. Mitatitra izany i Clarisse RATSIFANDRIHAMANANA : *"Raha voaray ihany anefa ny hafatra vao azo lazaina ho nahomby ilay asa famoronana. Izay no maha-zava-dehibe ny akony avy amin'ny mpamaky sy ny mpihaino"* <sup>161</sup>

Aravonay eto ambany ny fomba fijerin'ny olona ny asa soratr'i Asiniony araka ny fanadihadiana natao.

**Ny akon'ny asa soratr'i Asiniony teo amin'ny mpamaky :**

Hitovizan'ny mpamaky ny asa soratr' i Asiniony ny filazana, fa mahay mamolaka ny teny malagasy ho zava-kanto raitra ny mpanoratra. Anisan'ny tena nahavariana ny mpamaky ny asa sorany izany fahaizany izany <sup>162</sup>. Iombonan'izy ireo ny fankafizana ny tononkalo hoe *"Dada ianao ry Neny"*<sup>163</sup>. Andriamatoa RAHARINOSY Emile izay nanao ny teny fanolorana tao amin'ny boky *Akom-piainana* dia tsy naharitra, fa namaly izany amin'ny tononkalo nampitondrainy ny lohateny hoe *"Neny ianao ry dada"* <sup>164</sup>.

Tsy mitsitsitsitsy amin'ny fanambarana ny zavamisy marina i Asiniony ,fa mandray andraikitra amin'ny maha-poeta azy. Ohatra amin'izany ny filazany ny fanantenana poak'aty ataon'ny mpanam-bola amin'ny vahoaka. Tazana izany ao amin'ny tononkalo mitondra ny lohateny hoe : *"Mahandrasa"*<sup>165</sup> :

*"Ny vahoaka hoe tsinjavina  
Mahantra ... mahafadiranovana  
Ireo mpitsinjo, eo am-bava  
vokim-pitsetsefan-dava.*

<sup>161</sup> ( CI ) RATSIFANDRIHAMANANA , *Rary Ranto* 95

<sup>162</sup> Fanadihadiana natao ( Tovana )

<sup>163</sup> Boky I , tak 35

<sup>164</sup> Jereo Tovana , lah 7

<sup>165</sup> Boky I , tak 23

*Fahantrana? ... Vitao aloha ny asa  
fa tsy lahatra io akory  
Mahandrasa! ... Mahandrasa!  
Tapi-maso hampitony."*

Izany indrindra no mahatonga ny mpamaky ny asa sorany hiteny fa : "*Mahita ny tsy fahita ary miteny ny tsy fiteny*"<sup>166</sup> i Asiniony.

Ny manodidina ny literatiora amin'ny ankapobeny no noresahinay tato amin'ity toko voalohany ity. Nomenay ny famaritana ny literatiora sy ny poezia. Azo tsoahina avy amin'ny famaritana narosonay , fa ny poezia dia zanaky ny literatiora.

---

<sup>166</sup> Tovana, lah 3

Karazana literatiora manana ny maha-izy azy ny poezia noho ny fisian'ny rindra sy ny sarinteny ao aminy.

Nasongadinay tato amin'ity toko ity ihany koa ny anjara asan'ny mpanoratra sy ny asa soratra ary ny mpamaky. Ireo telo ireo dia hasin-javatra tsy afa-misaraka ,fa loharano mamelona ny asa soratra. Tsapa avy amin'ny fanadihadiana tamin'ny mpamaky sahady eto, fa tena poezia manetsika ny fon'ny hafa ny poezian'i Asiniony. Manintona ny fo amam-panahin'ny mpamaky ny fahaizan'ny mpanoratra mamolaka ny teny malagasy hanjary ho poezia.

Ankapobeny tamin'ny sehatry ny literatiora ihany izay hita tato amin'ny toko voalohany izay. Ato amin'ny toko faharoa kosa dia ezahinay hasongadina ny fomba fanoratra sy ny fomba filazan-javatra ary ny sarin-teny nentin'i Asiniony naneho ny "fo" lafika tokana.

## TOKO II : NY FOMBA NENTIN'NY MPANORATRA NANEHO NY "FO" LAFIKA TOKANA

### 2.1. Fomba fanoratra :

#### 2.1.1. Fampiasana mari-piatoana :

##### 2.1.1.1. Fampiasana teboka roa (:)

Amin'ny ankapobeny ny teboka roa dia mari-pijanonan-tsoratra fampiasa :

- eo alohan'ny fitanisan-javatra
- alohan'ny fehezanteny manazava na mamelabelatra hevitra na teny iray eo aloha.

- raha mamerina tenin'olona<sup>167</sup>

Hita eto amin'ny asa soratr'i Asiniony ny fampiasana ireo paika ireo :

Eto, ohatra, dia ampiasainy hitantarana ny fihetseham-pony mikasika ny zavaboary ny teboka roa :

*"Fitopa mianjaika ny fahatoniana*

*Ny feo ikorinany : tsotra, milanto"*

"Rano an'ala" <sup>168</sup>

Ankoatra izay, dia ampiasain'i Asiniony eo alohan'ny vetsojetsom-po ambarany ny teboka roa :

*"Teny kely tsotra monja*

*Ato am-poko ho anao*

*Teny kely fa mafonja*

*Dia 'lay hoe : "Tiako Ianao".*

"TENY KELY"<sup>169</sup>

---

<sup>167</sup> ( R ) RAJEMISA , op. Cit , tak 934

<sup>168</sup> Boky I , tak 69

<sup>169</sup> Boky I , tak 1

Farany, ampiasainy ho fampahatsiahivana ny olona ny amin'ny fahendrena malagasy. Hita izany ao amin'ny *"Andeha hiara-dia"*<sup>170</sup>:

*"Ry Mpanondro-pirenena*

*Mitady handeha irery*

*Tadidio ny fahendrena :*

*"Ny firaisana no hery "*

### 2.1.1.2. Fampiasana teboka telo (...)

Te-hampieritreritra mialoha ny mpamaky ny mpanoratra amin'izay zavatra holazainy. Tiany ho latsaka lalina ao am-pon'ny mpamaky ny fanazavana ataony ka ialohavany teboka telo.

Ohatra : *"Lozanareo"*<sup>171</sup>

*"Raha ianareo mpivavaka*

*Natao hifankatia*

*no variana mifandramatra sy mifanavakavaka*

*... Matimaty foana ilay Kristy"*

Azon'ny mpanoratra natao ihany koa ny nanisy kianteny enti-manazava teo amin'io teboka telo io (ohatra *dia*). Eto, anefa, dia nangina i Asiniony. Ny mpamaky no asainy mamisavisa izay fihetseham-po tiany hasongadina, ka ny teboka telo no marika nentiny naneho izany.

Tahaka izany koa ny tononkalo mitondra ny lohateny hoe : *"Isaorana Andriamanitra"*<sup>172</sup>. Azon'i Asiniony natao ny nanisy mpampiankina *fa* teo amin'io teboka telo io. Nampiasainy, anefa, ny teboka telo mba hanehoany fihetseham-po bebe kokoa. Araka izao hita ao amin'ny tononkalo izao :

*"Ny tanjona kinendry*

---

<sup>170</sup> Boky I , 62

<sup>171</sup> Boky I , tak 59

<sup>172</sup> Boky I , tak 87

*no mby sy todinao.  
Tsy tanjakao irery  
... Izy tena tao!"*

Ny teboka telo izany dia nentin'ny mpanoratra nampisaintsaina ny mpamaky amin'ny fihetseham-po ao anatin'ny. Fa nisongadina tato amin'ny fomba fanoratr'i Asiniony ihany koa ny fampiasana tsoraka (!).

### **2.1.1.3. Fampiasana tsoraka (!) :**

Miontana ny fon'i Asiniony eo anoloan'ny toe-java-misy mitranga eo amin'ny fiainana. Miharihary amin'ny fampiasany tsoraka izany.

Mampiseho ny alahelony, ohatra, izy ao amin'ny "*Lasa*"<sup>173</sup>:

*"Ry lasa  
Somambisamby lava no fahitana anao  
Vohitry ny tsiaro ao am-parahatoka ao  
Tamba-tsary tsy hita isa, tsy levon'ny fotoana  
Tsy levona, tsy maty fa mihalohalo foana  
Aloka migadra, tadidy hafahafa  
Tany tsy fiaina ny taninao ry lasa!"*

Malahelo izy noho ny nandaozan'ny olon-tiany azy, ka nahatonga ny mpanoratra hila-bolana hoe : "*Singotr'iza loatra ... no nisangodingodina!*"

*"Zovy no nandalo nahatonga anao hihodina!  
Dia falafa feno dia, maorimaorin'ny fitia  
no ilaozana hamonjy trano hazon'ny mpania  
Trano bongo nisasarana, fametrahan-dremby maro  
no atakalo izato heva filasian'ny mpandalo!"*

"LOZA INONA"<sup>174</sup>

---

<sup>173</sup> Boky I , tak 79

<sup>174</sup> Boky I , tak 97

Tsy ny alahelo ihany no mampiontana ny fon'i Asioniony. Miontana koa ny fony amin'ny fahitana ny hakanton'ny zavaboary. Mikalo izany izy ao amin'ny tononkalo mitondra ny lohateny hoe : *"Rano an'ala"*<sup>175</sup>:

*"Fitopa mianjaika ny fahatoniana  
Ny feo ikorinany : tsotra milanto  
Maningotra ny fo te-higoka hamamiana  
Voary tsyentina ka tena kanto!  
Zava-pisotron'ny mponina an'ala  
Mamelon'aina ny tompon-tanàna  
Mpandevona loto, mambabo vahiny :  
Asan'ny Avo ka tsy misy tsiny!"*

Faranany amin'ny fampiasana tsoraka ny fiontanam-pony manoloana ny hakanton'ny zavaboary.

Tsy zavatra kely ny fampiasana ny mari-piatoana, fa sady manazava hevitra no maneho fihetseham-po ary mitarika ny mpamaky hanakatra izay fihetsika tian'ny mpanoratra ho azony, ka iraisany fo sy saina ary fanahy aminy. Tiany ny mpamaky hisaina sy hieritreritra, tiany ny mpamaky hiaraka hangora-po aminy, tiany ny mpamaky hiara-misento aminy, tiany ny mpamaky handre izay reny. Sintoniny handray andraikitra fa tsy hihetsi-po amam-panahy fotsiny ny mpamaky.

Anatevenany izany fahaizany rehetra izany, omeny fahafinaretana ny sofina amin'ny alalan'ny "rima". Ampiasainy ny "rima" hahafinaritra ny maso, hitondra fanazavana lalin-dalina hatrany araka ny fisehon'ireny rima ireny. Mitondra fanazavana amin'izany ity fizarana manaraka ity.

### **2.1.2. Ny rima :**

Ny rima dia ny fitovian'ny feo manomboka eo amin'ny zana-peo farany mitondra ny tsindrim-peo amin'ny farany isan'andalan'ny tononkalo.

---

<sup>175</sup> Boky I , tak 69

Amin'ny ankapobeny ny asa soratr'i Asiniony dia malala-drafitra. Tsy mba voafehifehin'ny rima toa an-dry Dox, Ny Avana Ramanantoanina, Samuel Ratany ...izy. Rehefa mibosesika kosa ny aingam-panahiny dia mipoitra eny ho eny ihany ny rima.

Misy karazany roa ny laharam-pisehoan'ny rima hita ao amin'ny asa soratr'i Asiniony. Miseho ao ny rima mifanjohy sy ny rima mifaningotra.

### 2.1.2.1 Rima mifanjohy :

Nampiasain'ny mpanoratra ny rima mifanjohy mba hanehoany ny fifandraisan'ny fo sy ny fitiavana, ny fahoriana ary ny alahelo.

Eo amin'ny lafiny fitiavana, ohatra, dia asehony amin'ny alalan'ny rima mifanjohy ny fifanarahan'ny fihetsiky ny olona sy ny ao anatin'ny fony. Jereo ange ny fikalony izany ao amin'ny "*Tsy voafefy*"<sup>176</sup>:

|                                |          |
|--------------------------------|----------|
| <i>"Hetsika tsy tana</i>       | <i>a</i> |
| <i>dia ampy ahalalana</i>      | <i>a</i> |
| <i>Ritsoky ny feo</i>          | <i>b</i> |
| <i>dia afaka hampiseho</i>     | <i>b</i> |
| <i>Tsipalotry ny maso</i>      | <i>d</i> |
| <i>dia mitory miantsoantso</i> | <i>d</i> |
| <i>Midradra izay kobonina</i>  | <i>e</i> |
| <i>sy teny tsy tononina"</i>   | <i>e</i> |

Mifanjohy amin'ny fihetsika ety ivelany ny ao anatin'ny fo. Manamafy izany hatrany ny tononkalo mitondra ny lohateny hoe : "*Tia fa be fikajy*"<sup>177</sup>

|                                                     |          |
|-----------------------------------------------------|----------|
| <i>"Ny masonao mijery dia miampanga anao</i>        | <i>a</i> |
| <i>mibitsibitsika milaza ny ao am-po koboninao.</i> | <i>a</i> |
| <i>Ny topi-maso toa tsy nahy mitory ny fitia</i>    | <i>b</i> |
| <i>Saingy ny hambo-po dia mody hoe tsy tia"</i>     | <i>b</i> |

<sup>176</sup> Boky I , tak 5

<sup>177</sup> Boky I , tak 25

Abaribarin'ny mpanoratra amin'ny alalan'ny rima mifanjohy ihany koa, fa manaraka ny fitiavana eny foana ny hasarotam-piaro. Vetsoiny izany amin'ny hoe: "*Hasarotam-piaro*" <sup>178</sup>

|                                                       |          |
|-------------------------------------------------------|----------|
| <i>"Lainga raha mitia milaza tsy miaro</i>            | <b>a</b> |
| <i>fa kobonina mangina ny hasarotana fiaro.</i>       | <b>a</b> |
| <i>Mody tsy miraika bontsinin'hambom-po</i>           | <b>b</b> |
| <i>nefa zava-bitika dia mampiasa loha</i>             | <b>b</b> |
| <i>Sainina daholo mbamin'ny hetsika tsy nahy</i>      | <b>a</b> |
| <i>Manara-maso foana fatra-piahiahy</i>               |          |
| <b>a</b>                                              |          |
| <i>Dia hoe : "Tsy raharahiako fa zavatra mandalo"</i> | <b>b</b> |
| <i>Nefa olon-tsotra ahiana ho fahavalo".</i>          | <b>b</b> |

Manjohy ny fiainan'ny mahantra hatrany ny fahoriana na dia amin'ny andro fety aza. Asehon'i Asiniony amin'ny alalan'ny rima mifanjohy izany :

|                                                       |          |
|-------------------------------------------------------|----------|
| <i>"Fotoana isindana amin'ny asa mahazatra</i>        | <b>a</b> |
| <i>Andravahana ny trano ho an'ireo 'zay mahavatra</i> | <b>a</b> |
| <i>Igohana mangidy ho an'ireo nilaozan-tiana</i>      | <b>b</b> |
| <i>Ts'isy dikany ny fety manoloana fahoriana"</i>     | <b>b</b> |

"NOELY" <sup>179</sup>

Na dia miezaka miaina toy ny olon-drehetra aza ny mahantra dia manaraka azy eny foana ny fahantrana:

|                                                         |          |
|---------------------------------------------------------|----------|
| <i>"Na dia hoe tsy latsa-paka hatrany anaty fo</i>      | <b>a</b> |
| <i>Tsy hasambaran-tapitra ohatra ihany koa :</i>        | <b>a</b> |
| <i>Soa fa nisy ihany tonon-taona, asaramanitra</i>      |          |
| <b>b</b>                                                |          |
| <i>Hihatsarana ivelantsihy hisehoana ho finaritra."</i> | <b>b</b> |

<sup>178</sup> Boky I , tak 49

<sup>179</sup> Boky I , tak 51

**"SOA FA NISY FETY"** <sup>180</sup>

Tsy afa-misaraka amin'ny fiainan'ny olombelona ny fahoriana sy ny fijaliana satria *"Ny fiainana toy ny voamaintilany ka ifandimbiasan'ny soa sy ny ratsy"*. Asongadin'i Asiniony izany ao amin'ny *"Raha misy"* <sup>181</sup>:

|                                            |                 |
|--------------------------------------------|-----------------|
| <i>"Raha misy ny andro natao hifaliana</i> | <b><i>a</i></b> |
| <i>Ao ambadik'izany ny fijalijaliana</i>   | <b><i>a</i></b> |
| <i>Raha misy ny mamy tsy hita in-droa</i>  | <b><i>b</i></b> |
| <i>dia ao koa ny lefona hahavaky fo"</i>   | <b><i>b</i></b> |

Nanjohy ny fon'ny mpanoratra ny alahelony ny amin'ny fahapotehan'ny harena malagasy. Miara-mitanondrika amin'ny firenena malagasy izy ao amin'ny hoe *"Rova"* <sup>182</sup>:

|                                              |                 |
|----------------------------------------------|-----------------|
| <i>"Alina iray</i>                           | <b><i>a</i></b> |
| <i>Nitomany ontsa teo i Madagasikaranay</i>  | <b><i>a</i></b> |
| <i>Afo tena mena</i>                         | <b><i>b</i></b> |
| <i>no nandoro harena ka nampangenahena!"</i> | <b><i>b</i></b> |

**2.1.2.2. Rima mifaningotra :**

Ny fitiavana no tena avoitran'ny mpanoratra amin'ny fampiasana ny rima mifaningotra. Toy ny vary sy rano ny mpanoratra sy ny fitiavana ka mifaningo-po hatrany. Mavesa-danja eo amin'i Asiniony izany fitiavana izany, araka izao fivetsoany azy izao ao amin'ny *"Teny kely"* <sup>183</sup>:

|                                      |                 |
|--------------------------------------|-----------------|
| <i>"Teny kely tsotra monja</i>       | <b><i>a</i></b> |
| <i>Ato am-poko ho anao</i>           | <b><i>b</i></b> |
| <i>Teny kely fa mafonja</i>          | <b><i>a</i></b> |
| <i>Dia 'lay hoe : "Tiako Ianao!"</i> | <b><i>b</i></b> |

---

<sup>180</sup> Boky I , tak 30

<sup>181</sup> Boky I , tak

<sup>182</sup> Boky I , tak 43

<sup>183</sup> Boky I , tak 37

Izay fifaningoram-po amin'ny olon-tiana eo amin'i Asiniony izay dia miteraka fahasarotam-piaro. Jereo ange ny filazany izany ao amin'ny "*Fanahiana*"<sup>184</sup>:

*"Malala a*

|                           |                 |
|---------------------------|-----------------|
| <i>Mahafinaritra ahy</i>  | <b><i>a</i></b> |
| <i>Ny fivelaranao</i>     | <b><i>b</i></b> |
| <i>Saingy mampanahy</i>   | <b><i>a</i></b> |
| <i>'ty foko tia anao"</i> | <b><i>b</i></b> |

Vokatr'ilay fitiavana miredareda ao am-po no mahatonga ny fanahiana. Fitiavana izay tsy hay vonoina, tsy manam-piovana satria efa mifaningotra tanteraka amin'ny fo :

|                                |                 |
|--------------------------------|-----------------|
| <i>"Moa ny elanelan-tany</i>   | <b><i>a</i></b> |
| <i>Mahasakana ny fo</i>        | <b><i>b</i></b> |
| <i>Tsy hitia tsy hanontany</i> | <b><i>a</i></b> |
| <i>Ary tsy hirary soa?</i>     | <b><i>b</i></b> |

*Tsia ry sombiniaiko!*

|                              |                 |
|------------------------------|-----------------|
| <i>Fa ny lavitry ny maso</i> | <b><i>a</i></b> |
| <i>Tsy lavitry ny fo</i>     | <b><i>b</i></b> |
| <i>Mandresy ny ankasao</i>   | <b><i>a</i></b> |
| <i>Raha tena tia tokoa"</i>  | <b><i>b</i></b> |

**"RAHA TENA TIA"** <sup>185</sup>

Mampisaintsaina eo i Asiniony fa na inona na inona toe-javatra mety hamongotra ny fitiavana dia tsy haharava azy izany; eny fa na dia ny elanelan-tany

---

<sup>184</sup> Boky I , tak 32

<sup>185</sup> Boky I , tak 9

a. Mampatsiahy ny teny voarakitra ao amin'ny Baiboly hoe *"Na dia ny ony maro aza tsy mahavono ny afon'ny fitiavana"*<sup>186</sup>.

Tena naneho ny fihetseham-pon'i Asiniony ny fampiasany rima mifaningotra sy rima mifanjohy tao anatin'ny asa sorany, fa tsy haitraitra. Porofon'izany ny fifangaroan'ireo rima roa ireo izay asehonay amin'ny fanadihadiana eto ambany.

Afangaron'ny mpanoratra ny rima mifanjohy sy ny rima mifaningotra mba hanehoany ny toe-javatra mifamadibadika eo amin'ny fiainam-pitiavany. Entina hanaporofoana izany ny tononkalon'i Asiniony mitondra ny lohateny hoe : *"Tsy mora ny mitia"*<sup>187</sup>:

|                                |                 |
|--------------------------------|-----------------|
| <i>"Ny mamon-java-tiana</i>    | <i><b>a</b></i> |
| <i>no sambatra eto an-tany</i> | <i><b>b</b></i> |
| <i>Fa raha mbola fifaliana</i> | <i><b>a</b></i> |
| <i>Misy faika ihany.</i>       | <i><b>b</b></i> |

|                                    |                 |
|------------------------------------|-----------------|
| <i>Teny mamy mbola toky</i>        | <i><b>a</b></i> |
| <i>Ao anaty nofinofy</i>           | <i><b>a</b></i> |
| <i>Na inona hahasambatra</i>       | <i><b>b</b></i> |
| <i>sy lazaina tsy an-kiambatra</i> | <i><b>b</b></i> |
| <i>Fa rehefa tena miaina</i>       | <i><b>d</b></i> |
| <i>sy mitombina ny saina</i>       | <i><b>d</b></i> |
| <i>Eo vao hita misy faitra</i>     | <i><b>e</b></i> |
| <i>'lay fitia natao ho raitra</i>  | <i><b>e</b></i> |

|                                |                 |
|--------------------------------|-----------------|
| <i>Tsy mora ny mitia</i>       | <i><b>a</b></i> |
| <i>sy mifanara-tsaina</i>      | <i><b>b</b></i> |
| <i>Ny mandrindra izato dia</i> | <i><b>a</b></i> |
| <i>Mampivitrana fiaina</i>     | <i><b>b</b></i> |
| <i>Mampivady lokon-toetra</i>  | <i><b>d</b></i> |

<sup>186</sup> *Baiboly*, Tononkiran 'I Solomona 8 : 7

<sup>187</sup> Boky I, tak 12

*sy ny fomba rehetra rehetra* **d**  
*Sarotra sy olana* **e**  
*ny mitana ilay fatorana* **e**  
*Fa ny revon-teny fy* **f**  
*Izay no sambatra mitia."* **f**

Ny fifandimbiasan'ny rima eto dia maneho, fa na dia miaina ao anatin'ny fitiavana tanteraka aza ny mpanoratra dia mbola misy indro kely ihany.

Eo amin'ny andininy voalohany sy faharoa amin'io tononkalo io no anehoan'ny mpanoratra izany.

Misy toe-javatra sarotra ny mampifanaraka azy dia ny fifanarahan-tsaina sy ny fifanambadian'ny toetra roa samy hafa eo amin'ny olon-droa. Asehon'i Asiniony amin'ny alalan'ny fifandimbiasan'ny rima izany olana ara-pitiavana izany. Avoitrany ao amin'ny andininy fahatelo ao amin'io tononkalo voatanisa teo ambony io izany.

Ankoatra izay, dia ahitana izay fifandimbiasana toe-javatra roa izay ihany koa ny tononkalo hoe : "*Avela hisaona*" <sup>188</sup>

*"Ry andro sy fotoana* **a**  
*Avelao aloha hisaona* **a**  
*'zay maty faniriana* **b**  
*'zay maty fifaliana* **b**  
*Fa rehefa afa-po* **d**  
*Hitia fa ho aiza moa!* **d**

*... Lasa iny anio* **a**  
*Ka mievoka tomany* **b**  
*F'io toeram-bangan'io* **a**  
*Hitady hafenoana ihany.* **b**

---

<sup>188</sup> Boky I , tak 11

|                              |                 |
|------------------------------|-----------------|
| <i>Ry andro sy fotoana</i>   | <b><i>a</i></b> |
| <i>Avelao aloha hisaona</i>  | <b><i>a</i></b> |
| <i>'zay very antenaina</i>   | <b><i>b</i></b> |
| <i>sy nilaozana maraina"</i> | <b><i>b</i></b> |

Ambaran'io tononkalo io, fa niaina tao anatin'ny fitiavana ny mpanoratra kanefa nosomparan'ny fahafatesana izany. Vokatr'izany dia mifamadibadika ao an-tsain'i Asiniony ny toe-javatra mitranga. Toa maneho izany koa ny filalaovany ny rima, ny fifandimbiasan'ny rima ampiasainy .

Ampiasainy, ohatra, ny rima mifaningotra rehefa mitanisa na mamisavisa ny toe-javatra mitranga :

|                                |                 |
|--------------------------------|-----------------|
| <i>"... Lasa iny anio</i>      | <b><i>a</i></b> |
| <i>Ka mievoka tomany</i>       | <b><i>b</i></b> |
| <i>F'io toeran-bangan'io</i>   | <b><i>a</i></b> |
| <i>Hitady hafenoana ihany.</i> | <b><i>b</i></b> |

|                                 |                 |
|---------------------------------|-----------------|
| <i>Ny lasa ve no matroka</i>    | <b><i>a</i></b> |
| <i>Ka ny hoavy no ikimpiana</i> | <b><i>b</i></b> |
| <i>Ny nify no nikatroka</i>     | <b><i>a</i></b> |
| <i>Ka ny vava no hidiana."</i>  | <b><i>b</i></b> |

Miezaka mampionon-tena i Asiniony ka ny rima mifanjohy no paika hanehoany ny fihetseham-pony :

|                                  |                 |
|----------------------------------|-----------------|
| <i>" Ry andro sy fotoana</i>     | <b><i>a</i></b> |
| <i>Avelao aloha hisaona</i>      | <b><i>a</i></b> |
| <i>'zay very antenaina</i>       | <b><i>b</i></b> |
| <i>sy nilaozana maraina</i>      | <b><i>b</i></b> |
| <i>Aleveno ny efa maty</i>       | <b><i>a</i></b> |
| <i>sy alahelo be tsy tanty</i>   | <b><i>a</i></b> |
| <i>'ndeha hamorona antenaina</i> | <b><i>b</i></b> |
| <i>dia ho tonga ny maraina."</i> | <b><i>b</i></b> |

Maneho fahafinaretan'ny maso ny "rima" noho ny fisian'ny rindra eo amin'ny fiakaran'ny andalana. Vao mainka mampiontana ny "fo", anefa, ny fahaizan'ny mpanoratra mampivady izany amin'ny vontootin-kevitra. Tsy latsa-danja amin'izany ihany koa ny filalaovan'i Asiniony amin'ny andininy mandrafitra ny tononkalo.

### **2.1.3. Filalaovana amin'ny andininy :**

#### **2.1.3.1. Ny andalana mandrafitra ny andininy :**

Milalao amin'ny andalana vitsy indrindra ny mpanoratra ka hatramin'ny andalana maro. Andalana 2 ka hatramin'ny andalana 21 no mandrafitra ny andininy iray. Tsapa araka izany , fa mivelatra ny fomba fanoratr' i Asiniony.

##### **2.1.3.1.1. Andalana roa :**

Famintinana fohy sady hentitra ny tian-kambara ny andalana roa no sady fitanisana ihany koa ireo famintinana ireo. Ao amin'ny "*Ho anao ry fireneko*"<sup>189</sup>, ohatra, dia ampahafantariny ao ny fanoloran-tenany hampandroso an'i Madagasikara:

*"Ny fitiavako rehetra*

*No iasako ho anao*

*Ny heriko tsy asiana fetra*

*Omeko ho herinao*

*'zay sombim-pahendreko*

*Hampandrosoako anao*

*Ho anao ry fireneko*

*Mba hisandratanao"*

Karazam-pamaritana ny "soratra" no arosany. Hevitra aroso tsikelikely hahafeno ny famaritana ny andalana mandeha tsiroaroa eto amin'ity tononkalo mitondra ny lohateny hoe : "*Soratra*"<sup>190</sup> ity :

---

<sup>189</sup> Boky I , tak 52

<sup>190</sup> Boky I , tak 16

*"Talenta manjopiaka anaty rindra noforonina  
Zanaky ny misy sy ny fiaraha-monina*

*Ny marina sy tsapa nadikan'ny fanahy  
Nolaroina nofinofy sy ny hanitry ny tsiahy  
(...)"*

Andalana roa ato amin'ny asa soratr'i Asiniony dia nentiny namintina ny fihetseham-pony. Arakaraka ny isan'ny andalana nandrafetany ny tononkalo ny hevitra tiany hampitaina. Andeha arahina ny hevitra tiany hasongadina amin'ny fampiasana andalana telo.

#### **2.1.3.1.2. Andalana telo :**

Enti-milaza karazam-pihetsika manintona ny fo amin'ny teny fohy, nefa misy famaranana hampibaribary ny fiontam-po vokatr'izany ny andalana telo.

Ohatra : *"TIA MIFANGIA"* <sup>191</sup>

*"Tsiky haitraitra, tsy maika, tsy raitra  
Kanefa nilaitra tam-po feno faitra  
Ô! ... mba nanaitra  
Teny toa sangim-pitia manana amby  
No reko mamangy toa manambitamby  
... Tsaroako mandramby!  
(...)"*

Karazana dingana tsy maintsy lalovana eo amin'ny fiainana kosa no ampiasainy izany ao amin'ny *"Tsy maintsy lalovana"* <sup>192</sup>:

*"Ao ny taona ihariana  
Irotsahana hikolo  
'zay inoana ho sahaza*

---

<sup>191</sup> Boky I , tak 100

<sup>192</sup> Boky I , tak 80

*Ao ny volana ijaliana  
 Ahapotika ho toro  
 Izay naorina ho rava  
 (...)"*

Ampivadian'ny mpanoratra amin'ny andalana efatra koa io andalana telo io, ary dia manome endrika "sonnet" <sup>193</sup> . Tazana izany ao amin'ny tononkalo mitondra ny lohateny hoe : *"Soa ... "* <sup>194</sup>:

*"Soa fa tsy nomena vava  
 Ity foko adaladala  
 Angamba loza mahagaga  
 Tena hampihanahana.*

|                                   |          |
|-----------------------------------|----------|
| <i>Soa tsy manan-tongotra</i>     | <b>a</b> |
| <i>Tsy afaka hivoaka</i>          | <b>b</b> |
| <i>F'angamba ho fongopongotra</i> | <b>a</b> |
| <i>Ny ao am-po tsy miloaka .</i>  | <b>b</b> |

|                                  |          |
|----------------------------------|----------|
| <i>Raha ny fo no manam-bava</i>  | <b>c</b> |
| <i>Hiteny izao sy izao</i>       | <b>d</b> |
| <i>Tsy mitafy intsony ianao.</i> | <b>d</b> |

|                                     |          |
|-------------------------------------|----------|
| <i>Raha io no nanan-tongotra</i>    | <b>e</b> |
| <i>Hitondra izato tena</i>          | <b>f</b> |
| <i>Ny hadalana tsy hay fefena."</i> | <b>f</b> |

Raha ny andalana mandrafitra ny tononkalo dia azo ambara tsy amim-pisalasalana fa "sonnet" io tononkalo io. Ny lalàna mandrafitra ny rima ao anatin'ny "sonnet" no mampiavaka azy. Amin'ny ankapobeny dia toy izao no hita eo amin'ny tononkalo klasika manaraka ny rafitra atao hoe "sonnet" :

<sup>193</sup> Tononkalo ahitana andininy efatra ka ny andininy roa voalohany misy andalana efatra , ary ny andininy roa faharoa misy andalana telo avy .

<sup>194</sup> Boky I , tak 88

*abba abba ccdeed*  
 na *abba abba ccdede*

Ohatra amin'izany ny tononkalon'i Pierre de Rosard<sup>195</sup>. Ninianay tsy nadika tamin'ny teny malagasy mba hahitana ny fisongadin'ny rima ao anatin'ny:

*"Quand vous serez bien vieille, au soir à la chandelle, a*  
*Assise auprès du feu, dévidant et filant, b*  
*Direz chantant mes vers, en vous émerveillant b*  
*Ronsard me célébrait du temps que j'étais belle" a*

*Lors vous n'aurez servante ayant telle nouvelle; a*  
*Déjà sous le labeur à demi sommeillant,*  
*b*  
*Qui au bruit de mon nom ne s'aille réveillant,*  
*b*  
*Bénissant votre nom de louange immortelle. a*

*Je serai sous la terre : et fantôme sans os c*  
*Par les ombres myrteux, je prendrai mon repos : c*  
*Vous serez au foyer une vieille accroupie, d*

*Regrettant mon amour et votre fier dédain e*  
*Vivez, si m'en croyez, n'attendez à demain, e*  
*Cueillez dès aujourd'hui les roses de la vie" d*

I Dox no tena havanana amin'ity paika mandrafitra ny "sonnet" ity. Hita izany ao amin'ny tononkalony hoe : *"Nofy tsy hahazo"*<sup>196</sup>

*"Misy bika vorivory a*

<sup>195</sup> ( A ) DOREMUS , ( I.L ) MILAA, ( C. P ) MEURANT et all , *Littérature du moyen âge au XX. siècle*, coll 70 , Ed 5 , p 44

<sup>196</sup> ( A ) RAVELOARIVOLOLONA , *Amboaran- tononkalo notsongaina tamin'ny asa soratr' i Dox* , Boky I , Mémoire de C.A.P.E.N , Antananarivo , Jona 1992 , tak 64

|                                    |          |
|------------------------------------|----------|
| <i>Toa tiana hiseho kianja</i>     | <b>b</b> |
| <i>Ary satry hihanjahanja</i>      | <b>b</b> |
| <i>Nonofisin-tsy matory.</i>       | <b>a</b> |
| <i>Sandry zatra taninandro</i>     | <b>a</b> |
| <i>Soroka iniana atranga</i>       | <b>b</b> |
| <i>Kanjo tia langalanga</i>        | <b>b</b> |
| <i>Salama sy madio mandro.</i>     | <b>a</b> |
| <i>Bika misongadingadina</i>       | <b>c</b> |
| <i>Satrin'ny maso handadina</i>    | <b>c</b> |
| <i>Amin'izato fijoroany</i>        | <b>d</b> |
| <i>Toy ny vahy miantsampy hazo</i> | <b>e</b> |
| <i>Izato nofy tsy hahazo</i>       | <b>e</b> |
| <i>Na dia izay ambiroany"</i>      | <b>d</b> |

Toy izao raha fintinina ny sarin'ny rima hita amin'io tononkalon'i Dox io : **abba abba ccdeed**.

Mitovy amin'ireo ny an'i Asiniony, saingy, ny rima mandrafitra azy no tsy itoviany. Amin'ny tononkalon'i Asiniony dia tsy misy rima ny andininy voalohany, ny andininy telo manaraka dia ahitana rima toy izao : **abab cddeff**

Alefan'ny mpanoratra mitokana ihany koa, anefa ny andalana efatra mba hamborahany fihetseham-po hafa indray.

#### 2.1.3.1.3. Andalana efatra:

Miha miova ny fanehoan-keviny eto amin'ny fampiasana ity andalana ity. Manomboka tazana eto ny fibosesiky ny alahelo ao am-pon'i Asiniony. Mitantara ny alahelony amin'ny fisarahana ny olon-tiany izy ao amin'ny "*Sora-tanany*"<sup>197</sup>:

*"Ity no sora-tanany mihantsy am-panajana  
ny hisarahanay  
Naoriny ho matotra amy fetan'ny lalàna  
ny fitiany mba ho lay.*

---

<sup>197</sup> Boky I , tak 54

*Dia nahifiny ny foko feno emboka fitia  
 madio mangalahala  
 Nefa io no tena irery amy 'lay antsoiny "lala"  
 fa isainany ahy ho adala"*

Manampy izany ny fitanisany ny toe-javatra nitranga teo amin'ny fiainam-pitiavany :

*"Ny fo hendry, tia taloha  
 Azom-pandriky ny sompatra  
 Dia nankahala anao tokoa  
 ... Fahoriana sisa vokatra!"*  
 "NIOVA" <sup>198</sup>

Efa mihamitombo ny teny entin'i Asiniony manambara ny fihetseham-pony eto amin'ity andalana efatra ity. Tsy nijanona teo amin'izay andalana efatra izay izy, fa naneho an-kahalalahana izay kobonon'ny fony, tamin'ny filalaovana andalantononkalo maro.

#### **2.1.3.1.4. Andalana maro :**

Ny tianay ambara amin'ity andalana maro ity dia ireo tononkalo mihoatra ny 5 ny andalana hita ao amin'ny andininy iray.

Mandoko ny fahorian'ireo olona diso tia loatra eto ny andalana maro. Tsy voafehin'ny andalana vitsy hoatran'ny teo aloha 2, 3, 4 intsony, fa mipololotra mibosesika ny ao am-po. Ny famakiana ity tononkalo "*Jamba*" <sup>199</sup> ity no hameno ny fanazavana amin'izany:

*"Jamba ho' aho ny jamba  
 Fa ny tia no tena jamba  
 Mijery imaso toa mahita  
 Pahina andro mibaliaka  
 Mijerijery ampahampahany*

---

<sup>198</sup> Boky I , tak 99

<sup>199</sup> Boky I , tak 7

*Mamolava ny fanahiny*  
*Jembijembin-tsentosento*  
*Maso foana no mba eto*  
*Tsy mitondra tehim-potsy*  
*Ka mitsapatsapa toky*  
*Ts'isy tanana mitantana*  
*Nefa tena miampanampana*  
*Maratra lava ny ati-fo*  
*satria midona etsy sy eroa*  
*Jamba mana-maso lahy*  
*Resy lava ny fanahy."*

Tsy miato mihitsy ny fitantaran'ny mpanoratra eto, ary tsy voatapatapaky ny fizaran'ny andininy ny fanjohina ny fihetseham-pony.

Ny tononkalo hoe *"Ty lanjanao ry vola"*<sup>200</sup>, dia maneho tsy ankiato ny fahoriana sy ny fijalian'ny ankohonana vokatry ny tsy fahampian'ny vola, manoloana ny manjo ny olona, manoloana ny toe-javatra isan-karazany ilana vola. Araho ange ny fiventesany izany :

*"Rehefa ts'isy ny eo an-tanana*  
*Lazaiko marina aminao*  
*Fa tena miampanampana*  
*Mitady izay harapaky ny vavan-janakao*  
*Mikaroka ny saina*  
*Mitady izay ilaina*  
*Kanefa tany mena*  
*Tsy hanjary nofon-kena*  
*Ny tomanin-jaza*  
*Mikaroka ny ts'isy*  
*Ny fibadabada*  
*Manantena nefa indrisy*

---

<sup>200</sup> Boky I , tak 81

*Toa manondro maso anao  
 Ho tsy mahavita ny adidy tsotra izao  
 Ny hataky ny maso miaro pitrapitra  
 Mandoaka ny ati-fo saingy ho aiza moa  
 Ny tsy misy dia tsy misy  
 Fa raha sendra ka ny iray  
 no mandamaka am-pandriana  
 Ny jalinao hivaivay  
 Ny vaton'ivinao hakina"*

Manan-kery mahagaga manaitra ny andalan-tononkalo ary mampiseho ao ampon'ny mpamaky ny sary mivaingana ny zavatra tiany hambara.

Maneho mivantana ny halalin'ny fihetseham-pon'ny mpanoratra, maneho ny fitanisana, arahin'ny fihetseham-po tsy hay ambara avy amin'ny fahoriana sy ny fijaliana mianjady aminy. Entin'i Asiniony hanehoana ireny ny fampitomboana hatrany hatrany ny andalana mandrafitra ny andininy.

Noho ny filalaovana ny andalana dia voasarika ihany koa ny mpamaky hiombom-po amin'ny mpanoratra. Miovaova arakaraka ny toe-javatra tiany hambara no nandrafetan'i Asiniony ny endriky ny andininy.

### **2.1.3.2. Ny endriky ny andininy :**

#### **2.1.3.2.1. Endrika tsotra :**

Saika ahitana ity endrika tsotra ity avokoa ny tononkalon'ny mpanoratra. Amin'ny asa soratr'i Asiniony dia miseho amin'ny andalana lava sy amin'ny andalana fohy izany. Ohatra : "*Tsy miova*"<sup>201</sup>

*"Soratra ny akanjony  
 Taona vitsivitsy lasa  
 Rehefa hitako eny ho eny  
 anaovan'olon-kafa  
 Mbola ahatsiarovako*

---

<sup>201</sup> Boky I, tak 60

*ny tany an-dakilasy  
 ny marina tan-tratrako  
 Noferako fa antsy  
 Tsy voakajin'ny tsiaro  
 (...)"*

Andalana 18 no mandrafitra io tononkalo io ary hilazan'ny mpanoratra ny fahatsiarovany ny olon-tiany. Fitanisana tsotra no ataon'ny mpanoratra na dia hita soritra kely ao ihany aza ny alahelo.

#### **2.1.3.2.2. Endrika manome kisary :**

##### **a – Tononkalo manome endrika tohatohatra :**


Mitandahatra eo amin'ny fiainan'ny mpanoratra ny hafaliana sy ny fahoriana. Aharihariny amin'ny endriky ny tononkalo izany. Eto amin'ity "*Raha misy*"<sup>202</sup> ity dia asehon'i Asiniony amin'ny endrika tohatra ny savorovoron'ny fiainana izay mandreraka azy:

*"Raha misy ny andro natao hifaliana  
 Ao ambadik'izay ny fijalijaliana  
 Raha misy ny mamy tsy hita in-droa  
 Dia ao koa ny lefona hahavaky fo.  
 Koa aza ketraka tojo hasomparana  
 Fa mbola hisy ny fahasambarana  
 Aza mibitaka mahavoa ny hafa  
 Fa hisy tody ny ratsy efa lasa.  
 Ny tandrifin-drahona mbola hisava  
 Ny haizi-mikitroka mbola hazava  
 Lozan'ireny te-hanitra fery  
 fa ny fo maratra dia hanako-pery."*

---

<sup>202</sup> Boky I , tak 14

Toy izao raha atao kisary io tononkalo manana endrika tohatra io :



Ireo ambaratonga hatrehin'ny olona eo amin'ny fiainana indray no asongadin'i Asiniony ao amin'ny tononkalo hoe "*Tsy maintsy lalovana*"<sup>203</sup>.

Raha bangoina ny hevitra arosony dia maneho ny fiainana toy ny voamaintilany; satria ifandiasan'ny soa sy ny ratsy ny fiainan'ny olona :

*"Ao ny taona ihariana*

*Irotsahana hikolo*

*'zay inoana ho sahaza*

*Ao ny volana ijaliana*

*Ahapotika ho toro*

*Izay naorina ho rava*

*Ao ny ora itomaniana*

## *Anongotana ny volo*

*noho ny ratsy efa ho lava*

*Ao ny andro ifaliana*

## Ahitana ny tontolo

*Ho mitsiky lalandava*

*Ao ny taona tena zina*

*Hampisinda horohoro*

*Hahamirana ny tava*


*Koa aza mety kivy*

*Raha sendra ny mangidy*

*Milonjo ny tsy fidy!*

<sup>203</sup> Boky I , tak 80

Asehon'ny mpanoratra amin'ny fihodinkodinana ny tohatra ny fiainan-janak'olombelona, mifandimby ambony sy ambany. Indro àry ny kisary maneho izany endriky ny tohatra izany :



Mitory an'izany fiainana mivadibadika izany koa ny tononkalon'i Ny Avana Ramanantoanina mitondra ny lohateny hoe : *"Ireny ka olona"* <sup>204</sup>

*"Tsarovy fa fihodinkodinana  
no didy mitondra ny tany :  
Fiakarana sady fidinana,  
korontana ambony sy ambany  
Ny ketraka, mora mivarina,  
miroraka, tonga kanosa! ...  
Ny potraka, nefa tafarina,  
ireny ka "olona" kosa".*

#### **b – Tononkalo manome endrika rafitra biriky :**

Manjaka eo amin'ny mpanoratra ny hasarotam-piaro. Manoloana izany dia arafiny ao an-tsainy avokoa ireo fomba rehetra hampitony ny fony. Mivetso izany ao amin'ny tononkalo mitondra ny lohateny hoe : *"Hasarotam-piaro"* <sup>205</sup>

<sup>204</sup> ( F ) RAKOTONAIVO , *Ny diam- penin' Ny Avana Ramanantoanina* , Ambozontany Fianarantsoa , tak 64

<sup>205</sup> Boky I , tak 49

*"Lainga raha mitia milaza tsy miaro*

*Fa kobonina mangina ny hasarotana fiaro*

*Mody tsy miraika bontsinin'hambom-po*

*Nefa zava-bitika dia mampiasa loha*

*Sainina daholo mbamin'ny hetsika tsy nahy*

*Manara-maso foana fatra-piahiahy*

*Dia hoe : "Tsy raharahiako fa zavatra mandalo"*

*Nefa olon-tsotra ahiana ho fahavalo"*


*'zay karazam-pahendrena atsangana avokoa*

*Mikaroka hevitra eny mba hampitony fo*

*Kanjo ora tampoka tsy ampoizimpozina iny*

*Taratra eo fa fo matahotra vahiny."*

Manome endrika rafitra biriky izay raketin'ny vontroatiny ny endriky ny andinin'ny tononkalo, araka izao kisary izao :



Izany hoe asehon'ny endriky ny tononkalo ny toe-javatra ezahin'ny mpanoratra arafitra ao am-pony. Nanaitra maso ihany koa ny nampiasan'i Asiniony tononkalo manana endrika bilobiloka na miolakolaka.

#### **d - Tononkalo manana endrika bilobiloka na miolakolaka :**

Ny miolakolaka dia tsy mahitsy, fa mivilivily. Nampiasain'ny mpanoratra io endrika io, mba hanehoany ny fihetsiky ny mpifankatia eo am-piandohana. Samy tsy

misy te-hanambara mivantana ny fitiavana ao am-pony. Ny tononkalo hoe : *"Andro voalohany"* <sup>206</sup> no mampiharihary izany :

*"Mody tena vahoitra*

*Samy miahotrahotra*

*Mba hoe mihafahafa*

*Nefa samy te-hitafa*

*Henatra volena*

*Tsiky mifamaly*

*Fo mifampijaly*

*Teny mody sangy*

*Arahin-tambitamby*

*Saina miahiahy*

*Te-hanaiky fa handà*


*Tsiky misy fantsika*

*Maso mifanatrika*

*Tana-mifandray*

*Nifanoroka dia izay!*

Miolakolaka tahaka ny bibilava raha atao kisary ny fihetsiky ny mpifankatia eo am-piandohana :




---

<sup>206</sup> Boky I , tak 37

Tsy haitraitra ny filalaovana amin'ny endriky ny andinin'ny tononkalo, fa mirakitra ny vontootin'ny hafatra tian'ny mpanoratra ho tsapan'ny mpamaky. Arindrany amin'ny alalan'ny endriky ny andininy izany daholo na ny fiainana andavanandro, na ny fiainana ara-pitiavana eo amin'ny olona. Mbola manampy ireo voalaza rehetra ireo koa ny fomba filazan-javatra.

## 2.2. Ny fomba filazan-javatra :

Anisan'ny tetika iray hanehoana ny maha kanto ny asa soratra ny fomba filazan-javatra . Manome fanazavana momba izany Ranoë : “ *...tokony hamolaka sy hamantatra ny fomba filazan-javatra ny mpanoratra satria io indrindra no isan'ny mitana toerana lehibe amin'ny maha-kanto ny soratra* ”.<sup>207</sup>

### 2.2.1. Fampiasana tamberina :

#### 2.2.1.1. Teny verin-droa :

Ny teny verin-droa dia nentin'ny mpanoratra nanehoana ny fivoaran'ny fitiavana. Araka ny hita ao amin'ny "*Andro volamena*"<sup>208</sup>:

*"Pitik'afo an-tsegondra vitsivitsy  
Fitia nierery nitampifipify  
no misandratra ho avo, tsy nanaiky hihafihafy  
Ka nanapa-kevitra hiorina ho mafy"*

Antitranteriny amin'ny alalan'ny teny verin-droa ny fahavoazan'ny olona diso tia loatra :

*"(...)  
Mijerijery ampahampahany  
Mamo lava ny fanahiny  
Jembijembin-tsentosento  
(...)"*

<sup>207</sup> RANOË , *Madagasikara Tribune*, Lah 58, 21 febroary 1989

<sup>208</sup> Boky I , tak 55

*Ka mitsapatsapa toky*

*Ts'isy tanana mitantana*

*Nefa tena miampanampana"*

JAMBA <sup>209</sup>

Entin'ny mpanoratra manamafy ny fahoriana ihany koa ny teny verin-droa Anisan'izany ny teny hoe : rovidrovitra( Tak 73) ,

tapatapaka( Tak 73, Tak55, Tak 18)

solasola (Tak 73) ;

nandrasarasa (Tak 71)

hanorotoro (Tak 21)

#### **2.2.1.2. Tamberin-javatra :**

##### **2.2.1.2.1. Tamberin'andian-teny an-dohan'andinin'ny mifanesy na " Anaphore " :**

Toe-javatra maro no lokoloin' i Asiniony amin'ny fampiasana tamberin'andian-teny an-dohan'andinin'ny mifanesy <sup>210</sup>

Ato amin'ny "*Dada ianao ry Neny*" <sup>211</sup> dia nanehoany ny herim-pon-dreniny tamin'ny fanolokoloana sy ny fitaizana azy ireo. Hamafisiny amin'ny alalan'ny tamberin'andian-teny an-dohan'andinin'ny izany :

*"Dada ianao ry Neny*

*Mahavita mihari-pery*

*(...)*

*Dada ianao ry Neny*

*Miaritra ny mafy*

*(...)*

---

<sup>209</sup> Boky I , tak 7

<sup>210</sup> ( R ) RAJAONA , *Ny Zava- kanto vita amin' ny teny*, Ed Ambozontany , Antananarivo 1993 , tak 31.

<sup>211</sup> Boky I , tak 61

*Dada ianao ry Neny*

*Mahaforona ny ts'isy*

(...)

*Dada ianao ry Neny*

*Mitia tsy mifanjana*

(...)

Fiainana feno fifaliana no katsahin'ny mpanoratra ao an-tokantrano. Borahiny amin'i Dadabe Noely izany hetahetany izany. Dadabe Noely izay heveriny, fa manome izay iriany. Araho anje ny famerimberenany izany ao amin'ny hoe : *"Dadabe Noely"*<sup>212</sup>:

*"Dadabe Noely*

*Raha toa ka ho avy ianao*

(...)

*Dadabe Noely*

*Raha toa ka ho avy ianao*

(...)

*Dadabe Noely*

*Raha toa ka ho avy ianao*

(...)"

Eo amin'ny lafiny fitiavana dia lokoiny amin'ny alalan'ity sarin-teny ity ny lanjan'ny fitiavana :

*"Teny kely tsotra monja*

*Ato am-poko ho anao*

*Teny kely fa mafonja*

*Dia 'lay hoe "Tiako Ianao!"*

"TENY KELY"<sup>213</sup>

---

<sup>212</sup> Boky I , tak 61

<sup>213</sup> Boky I , tak 1

Arangarangany ato amin'ny "*Foiko*"<sup>214</sup> kosa ny fitiavan-tanindrazana ao ampony. Mipoitra isaky ny andalana ny voan-teny hoe "*Foiko*" :

*"Foiko an-kitsim-po*

*(...)*

*Foiko indrindra koa*

*(...)*

*Foiko hanasoa*

*(...)"*

Andokon'i Asiniony ny alahelo ihany koa ny tamberin-teny andohan'andiny mifanesy. Malahelo noho ny fitiavana tsy tanteraka izy ao amin'ny "*Nofy*"<sup>215</sup>:

*"Nofy ihany ireny*

*Tsy ho to akory*

*(...)*

*nofy ihany ireny*

*tsy hisy mpahalala."*

Toe-javatra lasa no mamelona ny alahelony eto. Tsy mety mitony izany alahelo izany araka ny tononkalo hoe "*Ry lasa*"<sup>216</sup>:

*"Ry lasa*

*Tangoron-tendrombohitry ny alahelo mafy*

*(...)*

*Ry lasa*

*Somambisamby lava no fahitana anao*

*(...)"*

---

<sup>214</sup> Boky I , tak 76

<sup>215</sup> Boky I , tak 71

<sup>216</sup> Boky I , tak 79

Farany, tsikerain'ny mpanoratra amin'ny tamberim-boan-teny an-dohan'andalana mifanesy ny toe-javatra eo amin'ny fiarahamonina. Lazainy ao amin'ny tononkalo mitondra ny lohateny hoe : "*Misy*"<sup>217</sup> izany ka ny voan-teny hoe "misy" no entiny hitaterana azy :

*"Misy marina mandefitra  
Misy tsara fa alefitra  
Misy ratsy nefa tiana  
Misy soa fa dia ariana  
(...)"*

Fitsikerana mandaroka mafy, ka ny famerimberenana ny "*Misy*" an-dohan'andalana arahina zavamisy tokony hahazo vahana, nefa tsy omem-bahana fa ailika no hita eto. Tsindrom-paingotra mitanisa fahalemen'ny fiarahamonina izay tsy mijoro amin'ny marina tokony hijoroany.

Misandrahaka ny fanehoan-kevitr'i Asiniony eto. Lafim-piainana maro no asongadiny amin'ny fampiasana tamberim-boan-teny an-dohan'andalana na tamberin'andianteny an-dohan'andiny mifanesy. Fomba iray ampiasainy koa ny tamberim-boan-teny mifanesy, tsy misy teny mampitohy.

#### **2.2.1.2.2. tamberim-boan-teny mifanesy, tsy misy teny mampitohy na "*Epizeux*"<sup>218</sup> :**

Tononkalo iray ihany no ahitana ity tamberim-boan-teny mifanesy, tsy misy teny mampitohy ity ato amin'ny asa soratr'i Asiniony. Ny fihetseham-pon'ny mpanoratra manoloana ny tampi-maso atao amin'ny mahantra no resahiny amin'ny fampiasana ity "*Epizeux*" ity. Fanaovana andraso andraso amin'ny fampivoarana ny fiainana :

*"Fahantrana? ... vitao aloha ny asa  
Fa tsy lahatra io akory*

---

<sup>217</sup> Boky I , tak 27

<sup>218</sup> ( S ) RAJAONA , op.cit , tak 54

*Mahandrasa! ... Mahandrasa!*

*Tampi-maso hampitony*"

"MAHANDRASA" <sup>219</sup>

**2.2.1.2.3. Tamberim-peo amparam-boan-teny na am-paran'andalana mifanesy na " Homéoteleute " <sup>220</sup>:**

Ny filalaovana amin'ny feo "o" amparam'andalana no anehoan'ny mpanoratra ny alahelo ao am-pony noho ny fahadisoam-panantenana

*"Sarin'anjely, nozavazavariko*

*Nataoko ho malala, nomeko ny sariko*

*No naniry tandroka hanoto ny foko*

*... Nampitomany sy nampitoloko"*

"MANAFIN-KOHO" <sup>221</sup>

Feno sy mihoatra ny rima, feno ny alahelo, saingy, tsy atobany fa koboniny anaty amin'ny alalan'ny feo "i" sy "o" amin'ny andalana 1 sy 2. Tsy avelany hivoaka amin'ny "o" "o" indroa miantaona amin'ny andalana 3 sy 4.

Tafiditra ao anatin'ity tamberin-javatra ity koa ny tononkalo hoe "*Mandrimandria*" <sup>222</sup>:

*"Mandraisa fandriana ry foko*

*Mitsora fa vizana ianao*

*Sasatra nitotototo*

*Nihaza mpitia randram-bao"*

Miezaka mamokatra ny kanto hatrany ny mpanoratra mba hambabo ny mpamaky. Ampiasainy avokoa ireo karazan-tsarinteny mety hifandrindra amin'ny

<sup>219</sup> Boky I , tak 23

<sup>220</sup> ( A ) RAKOTOARISON , Lesona stylistique , taona faharoa , ENS

<sup>221</sup> Boky I , tak 78

<sup>222</sup> Boky I , tak 45

hevitra tiany hampitaina. Miangaly sarinteny hafa ankoatra ny tamberin-javatra ihany koa i Asiniony.

### **2.2.2. Ireo sarin-teny hafa :**

#### **2.2.2.1.Sarin-teny ilazana amin'ny teny maro izay voalaza amin'ny teny tokana na " Périphrase " <sup>223</sup>**

*"Andry fiankinana"* no ilazan'i Asiniony ny"Ray" ato amin'ny tononkalony mitondra ny lohateny hoe *"Ratram-po"*<sup>224</sup>, mba hanehoany ny maha-izy azy ao antokantrano. Ny ray no hianteheran'ny fianakaviana.

Mampiasa ity sarin-teny ity ihany koa izy ao amin'ny *"Iononako"*<sup>225</sup>. Nentiny nanamaivanana ny alahelony ka nataony hoe *"Vaingan-drano kely"* no ilazany ny ranomaso.

Avoitran'i Asiniony amin'ny hoe *"Tsy manam-baraventy"* kosa ny toetrany izay tsy mba manana fitafiana mirentirenty. Izany hoe tiany hasongadina ny tsy fananana na ny tsy fahampiana misy :

*"Tso-pitafy, ts'isy renty*

*Tsy mba manam-baraventy"*

"TIAKO IZY" <sup>226</sup>

#### **2.2.2.2. Sarin-teny ahitana teny roa mifamaritra nefa mifangari-kevitra na " Alliance de mots " <sup>227</sup>:**

Ohatra avy hatrany no entinay hanazavana ity sarin-teny ity, araka ny hita ao amin'ny tononkalo hoe *"Jamba"* <sup>228</sup>. Mandoko amin'ny fomba mifintina ny fitiavana diso tafahoatra amin'ny alalan'ny fampiasana teny roa mifamaritra, nefa mifangarin-kevitra : *"Jamba mana-maso"* i Asiniony ao amin'io tononkalo io.

<sup>223</sup> ( S ) RAJAONA ,op. cit , tak 110

<sup>224</sup> Boky I , tak 85

<sup>225</sup> Boky I , tak 86

<sup>226</sup> Boky I , tak 58

<sup>227</sup> ( S ) RAJAONA , op. cit , tak 21

<sup>228</sup> Boky I , tak 7

Vokatr'izany, dia tsy mahita izay lalan-kizorana eo amin'ny fiainany ny mpanoratra. Izany hoe tsy mahita afa-tsy ny fitiavana izy. Manamafy izany ny *"Lofika anaty"*<sup>229</sup>:

*"F'ianao sombiniaina*

*'Zay lasa nizotra amin-dalana kizo sy malama maina"*

*"Malama sy maina"* teny roa mifamaritra nefa mifanipa-kevitra maneho ny lalan-kizoran'ny mpanoratra.

Hitarihin'ny mpanoratra ny mpamaky hanjohy ny asa sorany dia mampiasa ny "fanontaniana tsy miandry valiny" izy. Sarin-teny izay entiny hanaitairana ny sain'ny mpamaky.

### **2.2.2.3.Fanontaniana tsy miandry valiny na “Intérrogation Oratoire”<sup>230</sup> :**

Fanontaniana tsy miandry valiny avy hatrany no hitarihan'ny mpanoratra ny sain'ny mpamaky ho liana amin'ny hevitra ambarany ato amin'ny *"Mena masoandro"*<sup>231</sup>: *"Takarivan'olona ory?"*

Misarika ny sain'ny mpamaky izy hamaly an'eritreritra ny mikasika izany hoe *"Takarivan'olona ory"* izany, ka eo am-panombohana ny andalana dia efa hatrangany izany.

Porofon'ny fikatsahan'ny mpanoratra hambabo ny fon'ny mpamaky ihany koa ny fampiasany ny fanontaniana tsy miandry valiny amin'ny lohatenin'ny tononkalony: *"Ny fahafatesana?"*<sup>232</sup>

Nampiasainy izany mba hahazoan'ny olona mamelabelatra sahady ao antsainy ny mikasika ny fahafatesana.

Nahitana ny fahaizan'ny mpanoratra mamolaka ny teny ho zava-kanto ny asa soratr'i Asiniony ,nisongadina tamin'ny alalan'ny tamberin-javatra sy ireo sarin-teny

<sup>229</sup> Boky I , tak 95

<sup>230</sup> ( S ) RAJAONA , op. cit , tak 67

<sup>231</sup> Boky I , tak 22

<sup>232</sup> Boky I , tak 65

hafa nampiasainy izany . Hamarananay ny fanadihadiana ny paika nanehoan'i Asiniony ny lafika tokana dia horesahinay ny mikasika ny fanovan-javatra.

### 2.2.3. Ny fanovan-javatra :

#### 2.2.3.1 Ny fanovana endri-javatra na " Métaphore "

Ny fanovana endri-javatra dia sarin-teny amindrana ny hevitra ara-bakiteny ananan'ny teny anankiray<sup>233</sup>

Ohatra : "*Ny fahafatesana?*"<sup>234</sup>

*"Ny fahafatesana io  
mangidy"*

Ovan'i Asiniony eto ny endriky ny fahafatesana. Omeny endrika fihinana "*mangidy*". Amin'ny hevitra ara-bakiteny ny mangidy dia manana tsiro ratsy be amin'ny lela<sup>235</sup>.

Tian'ny mpanoratra aseho amin'ny endrika toy izany koa ny fahafatesana "*ratsy*". Mbola hamafisiny amin'ny hoe "*Mangeroka ny fasana*" izany faharatsian'ny fahafatesana izany. "*mangeroka*" izay midika hoe : *mangidy izay tsy izy*"<sup>236</sup>.

Anisan'ny nanome endrika kanto ny asa soratr'i Asiniony koa ny filalaovany amin'ny fanovan'endri-javatra azo avy amin'ny fanafoanana ny oharina.

Mba hanasongadinany ny olon-tiana dia endrika efatra no anoharany azy ao amin'ny tononkalony :

*"Sarin'anjely"*<sup>237</sup>

*"Vorona vao"*<sup>238</sup>

*"Saribakoly"*<sup>239</sup>

<sup>233</sup> ( R ) RAJAONA , op. Cit , tak 75

<sup>234</sup> Boky I , tak 65

<sup>235</sup> ( R ) RAJEMISA , op. cit , tak 620

<sup>236</sup> ( R ) RAJEMISA , op. cit , tak 620

<sup>237</sup> Boky I , tak 78

<sup>238</sup> Boky I , tak 95

<sup>239</sup> Boky I , tak 31

*"Voro-mahery"<sup>240</sup>*

Mampitombo ny fahalianan'ny olona hamaky ny asa soratra hatrany ny fahaizan'ny mpanoratra manova ny fomba filazan-javatra hihataka amin'ny andavanandro. Paika iray hanehoan' i Asiniony ny "fo" lafika tokana ihany koa ny *"fanovana fandraisan-javatra"*

### **2.23.2 Fanovana fandraisan-javatra :**

Fanovana ny fomba fandraisana izay zava-niseho na izay tian-kambara, fomba filazan-javatra an-kolaka, tsy mivantana, ka amin' izany dia tsy ilay zava-misy na izay tian-kolazaina no ambara, fa ny antony, na ny zava-miseho aloha, na ny vokany, na ny zava-miseho aoriana<sup>241</sup>

Miangaly ity sarin-teny ity ny mpanoratra ao amin'ny *"Mandrimandria"*<sup>242</sup>:

*"Mandraisa fandriana, ry foko*

*Mitsora fa vizana ianao"*

Ny vokatrin'ny toe-javatra niainany teo amin'ny lafiny fitiavana no aharihariny eto. Ambarany an-kolaka izany fahavoazana nahazo azy izany. Fahavoazana noho ny fitadiavana olon-tiana hatraiza hatraiza. Raisiny ho toy ny olona mihitsy ny "fo" eo, ka baikony hoe *"Mandraisa fandriana"*.

Mamintina an-kolaka ireo toe-javatra niaretan'ny fony izy ato amin'ny andininy faharoa :

*"Namandrika voro-mahery*

*Nanenji-pitia lakalaka*

*Niaritra ratra sy fery*

*Kanefa indrisy voadaka"*

---

<sup>240</sup> Boky I , tak 45

<sup>241</sup> ( S ) RAJAONA , op. cit , tak 71

<sup>242</sup> Boky I , tak 45

Tahaka ny olona miasa , mihetsika mihitsy ny fony raha io tononkalo io no dinihina .

### **FEHINY**

Nozarainay ho toko roa ny fanadihadiana tato amin'ny fizarana fahatelo,ka ny tontolo manodidina ny literatiora no noresahinay voalohany . Niainga tamin'ny famaritana ny literatiora, ny Poezia ary ny aingam-panahy no nitondranay ny asa fandalinana.Nisongadina tao anatin'izany, fa ny literatiora dia ireo fitambaran'ny asa soratra rehetra novokarin'ny mpanoratra. Ny poezia kosa dia voafaritra ho tononkalo ihany .Tononkalo manana endrika kanto , noho ny filalaovana amin'ny andalana sy ny fisian'ny rima ao anatin'ny . Tsy tontosa anefa izany poezia izany raha tsy eo ilay aingam-panahy izay manery ny mpanoratra hanapololotra ny zavatra kobonon'ny fony sy ny zavatra tsapany ary hitany eo amin'ny tontolo manodidina azy. Notakarinay avy amin'ireo ny anjara asan'ny mpanoratra, ny asa soratra ary ny mpamaky. Ny mpanoratra no mitari-dalana ny olona eo amin'ny fiainany , manony ny hetahetany ary maneho ireo zavamisy eo amin'ny fiarahamonina sy ny firenena mba ho fantatry ny sarambabem-bahoaka rehetra .Ny asa soratra no fitaovana iray hanehoan'ny mpanoratra izany anjara asany amin'ny fampitana ny zavamisy izany . Ny asa soratra izany dia fitaovana iray miaro ny olona tsy hibrioka . Manefy ny toetsainy hanana toetra mifandraika .Ka ny anjara asan'ny mpamaky dia ny maneho ny zavatra tsapany avy amin'ireny asa soratra ireny .Tao anatin'ny famakafakana ny anjara asan'ny mpanoratra ,ny asa soratra , ny mpamaky dia tsapa fa tsy afamisaraka ireo hasin-javatra telo ireo satria *"na toy inona na toy inona heverina ho fiezinezin'ny mpanoratra dia tapany ihany : ny talentan'ny mpamaky no manovona azy ho erany."*<sup>243</sup>

Izany indrindra no nahatonga anay hanao fanadihadiana manokana tamin'ireo mpamaky ny asa soratr'i Asiniony. Nisongadina àry fa tena Poezia tokoa ny asa sorany, noho ny fahaizany mamolaka ny teny ho zavakanto manaitra ny maso, ny fo, ary ny saina. Noporofoinay tao amin'ny toko faharoa izany fahaizan'ny mpanoratra miangaly ny teny ho zavakanto izany. Manan-talenta amin'ny fambaboana fon'olona

---

<sup>243</sup> Randja ZANAMIHOATRA , " Teny Mialoha " in *Vainafo Tononkira* , Ambozontany Fianarantsoa 1969 , tak 5\_

tokoa i Asiniony amin'ny fiangaliny ny fomba fanoratra : ahitana ireo mari-piatoana, ny rima, ny filalaovana amin'ny endriky ny andininy sy ny andalana mandrafitra ny tononkalo. Ampiasain'i Asiniony ny mari-piatoana toy ny teboka telo , ny tsoraka , ny teboka roa mba hanehoany bebe kokoa ny hevitra tiany hasongadina ao amin'ny vontoatiny . Ampifanarahany amin'ny vontoatiny ny rima mifaningotra sy ny rima mifanjohy mba haneho ny fifaningorana sy ny fifanjohian'ny toe-java-misy .Maneho ny fahafinaretan'ny maso ihany koa izany . Arafiny manaraka izany fihetsehampony izany koa ny andinin'ny tononkalo , ka lalaoviny avokoa ny andalan-tononkalo lava sy ny andalan-tononkalo fohy . Nomeny endrika kisary ihany koa izany tononkalo izany mba hampivoitra bebe kokoa ny hevitra tiany hampitaina .

Eo ihany koa ny fomba filazan-javatra ampiasainy, izay mihataka amin'ny andavanandro, toy ny tamberin-javatra, ny sarin-teny.Ampiasainy ny tamberin-javatra hanantitranterany ny toe-java-misy na eo aminy izany na eo amin'ny manodidina azy . Eo ihany koa ny sarin-teny ampiasainy mba hisarihana ny sain'ny mpamaky hanjohy ny asa sorany toy ny “Interrogation Oratoire” . Ireny dia manaporofa ,fa tena poezia ny asa soratr'i Asiniony.

## TENY FAMARANANA

Ny literatiora no sehatra nivelaran'ny asa fikarohana nataonay. Mba hahasiantifika ny asa dia nampiasaina ny tsikera tematikan'i Weber. Haitsikera mifototra amin'ny fitadiavana ny lafika tokana eo amin'ny mpanoratra sy ny asa soratra. Ny paika-pikarohana mandrora no noraisina tamin'ny paika natoron'i Weber amin'ny fitrandrahana ny lafika tokana . Ary satria miompana amin'ny poezia manokana ny asa ataonay dia nampiasa ny haitsikera mifototra amin'ny bika aman' endriky ny tononkalo izahay, mba hanehoana fa kanto ny fanehoan-kevitra ny mpanoratra . Ny fitadiavana ny teny mateti-piherina sy ny sary maneho ny lafika tokana ary ny sehatra iainan 'ny lafika tokana no lalana nizoranay namakafakana ny asa soratr'i Asiniony .Nampifandraisinay tamin'ny tantaram-piainany sy ny tarakevitra izany .

Araka ny efa voalaza tany amin'ny teny fampidirana dia fizarana telo no nentina nanangana ny asa. Tao amin'ny fizarana voalohany no namakafakana ny lafika tokana sy ny tantaram-piainan'ny mpanoratra . Nivoitra tamin'ny fikarohana natao fa ny "fo" no lafika tokana eo amin'i Asiniony sy ny asa sorany ."Fo" manana toetra malahelo . Voamarina tamin'ny tantaram-piainany izany satria vao 7 taona izy dia maty ny rainy. Tena nandona ny fon'i Asiniony tokoa izany toe-javatra izany, ka nanako taty amin'ny asa sorany. Manampy izany koa ny toe-javatra maro nifamahofaho teo amin'ny fiainany , toy ny aretin'ny zandriny , ny fahasahiranana ara-bola teo amin'ny reniny .Tsy nampilofika azy, anefa izany fa nahatonga azy hitraka ka hibanjina ny fiainan-ko hoavy, satria teo no nitsimoka tao am-pony ny faniriana hanao dokotera.

Tato amin'ny fizarana faharoa amin'ny asa kosa no namakafakanay ireo tarakevitra mifandray amin'ny "fo" lafika tokana. Hita tao anatin'izany ny tarakevitry ny fitiavana sy ny fahoriana. Endrika telo no isehoan'ny fitiavana, ao ny fitiavan-dray aman-dreny, ny fitiavan'olon-droa ary ny fitiavan-tanindrazana. Ny fahantrana sy ny fahafatesana kosa no hita taratra tao amin'ny endrika isehoan'ny fahoriana. Ireo tarakevitra ireo dia samy mifaningo-paka amin'ny "fo" lafika tokana avokoa. Isaky ny tarakevitra voiziny dia ahitana toe-javatra mampalahelo avokoa. Ao ,ohatra, ny fahafatesana ; ny faharavam-pitiavana ; ny fahapotehan'ny harena malagasy ; ny

fahoriana mianjady amin'ny olona vokatry ny fahantrana . Tao anatin'ireny tarakevitra ireny no tena nisehoan' ny herim-po tao anatin'ny mpanoratra . Herim-po nandresy ny lalan-tsarotra nodiaviny , nandresy ny ankason'ny fiainana .

Ny fizarana fahatelo farany no nanehoanay ireo paika nentin'ny mpanoratra naneho ny "fo" lafika tokana. Nanehoana ireo teknika nandrafetan'i Asiniony ny asa soratra ka nanome endrika kanto azy. Anisan'izany ny fomba fanoratra izay nahitana ny fampiasana ireo mari-piatoana isan-karazany, ny rima , ny filalaovana amin'ny andalana mandrafitra ny tononkalo , ny fomba filazan-javatra ampiasainy . Taratra tamin'ny fanadihadiana fa poezia tokoa ny asa soratr'i Asiniony. Miharihary izany na teo amin'ny fomba fanoratra, na teo amin'ny fomba filazan-javatra nentina nambabo ny fon'ny mpamaky.

Raha haravona ny asa fikarohana nataonay dia tsy mpanoratra tsotra fotsiny i Asiniony fa tena poeta mihitsy. Ny tantaram-piainany dia efa nahitana, fa namolavola azy ho lasa poeta ireo mpampianatra nanabe azy, teo ihany koa ny maha-poeta ny raibeny , ny fifaneraserana tao anatin'ny fikambanan'ny mpanoratra misy azy .

Ny fanadihadiana ny tarakevitra tao amin'ny fizarana faharoa dia efa kanto. Ny vontointany sy ny fomba nentina naneho azy izay mihataka amin'ny andavanandro dia mampisongadina ny maha-poeta an'i Asiniony. Tsy hoe izahay ihany no nahita izany fa teo koa ny mpamaky . Lombonan'ny mpamaky ny asa soratr'i Asiniony ny filazana ny fahaizany mamolaka ny teny malagasy ho zava-kanto.

Poetan'ny fo tsy nilofika fa nanana fikirizana , herim-po , risi-po izay nahafahany nivoatra teo amin'ny fiainana ka nahatonga azy amin'izao fianarana ho dokotera izao . Azon'ny olona alain-tahaka izany herim-po hananany izany . Izany indrindra no mahatonga anay hanolotra ity asa fikarohana ity. Tsapanay fa ilaina ny mpanoratra tahaka itony mba ho filamatra eo amin'ny fiarahamonina , mba hitari-dalana ireo tanora eo an-dalam-pisandratana . Azo itaizana sy hanolokoloana ny olona ny asa soratra novokarina noho ny fisian'ny anatra sy ny toro-hevitra ao anatiny Ny hita mantsy amin'izao vaninandro diavintsika izao dia maro ireo olona no mamono tena noho ny olona isan-karazany mitranga eo amin'ny fiainany . Manome vaovao momba izany ireo fitaovan-tserasera maro .

Eo amin'ny tontolon'ny fampianarana indray , heverinay fa fitaovana iray azo itrandrahana lafin-javatra maro ao amin'ny fandaharam-pianarana ity voka-pikarohana ity . Ao aloha ny boky voalohany mirakitra ireo amboara tononkalo izay tahirin-kevitra azo iaingana amin'ny fandinihina ny vanim-potoana ankehitriny eo amin'ny tantaran'ny literatiora . Azo iaingana amin'ny fandalinana ny lohahevitra ao amin'ny fandaharam-pianarana kilasy famaranana toy ny Tsiny , ny Tody ,ny marina ,ny rariny , ny hitsiny .... Izay lohahevitra tsy nasianay resaka noho ny asanay miompana amin'ny "fo" lafika tokana . Ao koa ny famakafakana ny fitiavan-tanindrazana izay voarakitra ao amin'ny fandaharam-pianarana kilasy faharoa .Ankoatra izay, misy fandalinana sarin-teny samihafa ao anatin'ny asa .

Na dia izany aza ny vokatra mety ho azo amin'ity asa fikarohana ataonay ity , dia mbola maro ireo lafin-javatra tsy voatrandraka .Betsaka ireo tarakevitra ilana fitrandrahana ato amin'ny asa soratr'i Asiniony . Tahaka izany koa ny fomba fanoratra sy ireo sarin-teny hafa . Tsy voadinikay ireny satria noferanay ho izay mifanandrify amin'ny "fo" lafika tokana lohahevitra azo avy amin'ny fampiharana ny tsikera tematikan'i Jean – Paul WEBER ihany ny fandalinana.

Misy ihany koa ireo karazan- dahatsoratra izay tsy nokasihina , kanefa azo anaovana fandinihina tsara , toy ny angano , ny sombin-tantara ...

Koa andeha àry isika hifanome tanana , hiaraka hanabe voho ny teny malagasy amin'ny alalan'ny fitrandrahana ny asa soratra izay mitahiry ny teny satria : "Ny tao trano hono tsy efan'ny irery " ary "Ny hevitra ny maro mahataka-davitra " .

## **Ireo Boky Nanovozan-Kevitra**

### **1. RAKIBOLANA :**

- 📖 ARON (P), SAINT JACQUES (D). VAILLANT (A). *Le dictionnaire du Littérature*. PUF. France 2002 .843 p
- 📖 BOMPIANI (L). *Dictionnaires des œuvres*. Hachette et librairie Robert Laffont Grande Bretagne 1980 .633 p
- 📖 *Dictionnaire Universel de Poche*. Hachette et librairie Générale Française. 6 rue Pierre Sarrazin. Paris 1993
- 📖 MORIER ( H ) .*Dictionnaire de poétique et de Rhétorique* . Suisse . 1981.1263 p
- 📖 RAJEMISA RAOLISON (R). *Rakibolana Malagasy*. Edition Ambozontany – Fianarantsoa 1995 . 1061 Tak
- 📖 RAKOTONAIVO( F ) .*Rakibolana Frantsay Malagasy*. Ambozontany Fianarantsoa (Natonta fanindroany ). 2003 . 978 Tak
- 📖 ROBERT (P). *Dictionnaire le Robert*. 107 Avenue Parmentier. Paris Xie 1986

### **2.BOKY :**

- 📖 ANDRIAMAHAZOSOA (A). *Baibolin'i Dadabe*. Edisiona fahana. Antananarivo 2004. 59 tak.
- 📖 ANDRIAMALALA (E.D.). *Taolambalo*. Imprimerie d'ouvrages Educatifs. Ankatso Antananarivo 1972.159 tak
- 📖 *BAIBOLY*. La société Biblique Malgache . Antananarivo 2001
- 📖 BRUNEL (P). *La critique littéraire* .PUF. France 2001 .127p.
- 📖 DANOU (G), OLIVIER (A), BAGROS (P). *Littérature et Médecine*. Edition marketing S.A. Paris 1999. 156p
- 📖 DOX [ pseud ] [RAZAKANDRAINY ( J.V.S )] :
  - *Hira va*. Edisiona Trano famoaham-boky Protestanta Imarivolanitra . Antananarivo. Juin 1967. 40 tak.
  - *Hirako* .Imprimerie Catholique Antanimena .63 Tak

- 📖 FAYOLLE ( R ) . *Critique littéraire* . 3<sup>é</sup> edition. Librairie Armand Colin. Paris 1969. 431p.
- 📖 GEORGES (P). *W ou le souvenir de l'enfance.* Edition marketing S.A. Paris 1997. 125p.
- 📖 GUILLAUMIN (J). *Genèse de souvenir.* Essai sur les fondements de la psychologie. PUF. Paris 1968. 308p.
- 📖 JOUBERT (J.L) . *La poésie* . 2<sup>é</sup> edition . Librairie Armand Colin. Paris 1998. 165p.
- 📖 MACHEREY(P).*Pour une théorie de la production littérature.*Collection dirigée par ALTHUSSER . Paris 1980. 333p
- 📖 MOUNIN (C). *Poésie et société.* PUF. Paris 1968. 109p
- 📖 NAVONE ( G ) . *Ny atao no miverina ou Ethnologie et proverbes malgaches* . Librairie Ambozontany Fianarantsoa . 227 P
- 📖 PICON (P). *L'œuvre d'art et l'imagination* . Librairie Classique Hachette. Paris 1955
- 📖 RADO [pseud][ANDRIAMANANTENA (G)]. *Dinitra.* Imprimerie Newprint. 168 tak
- 📖 RAHAROLAHY. *Erika.* Imprimerie d'ouvrages éducatifs. Librairie Mixte. Antananarivo 1976
- 📖 JUPITER . [ pseud ] [ RAINIZANABOLOLONA (J) ]. *Lesona tsotsotra momba ny fianarana poezia amin'ny teny malagasy.* Imprimerie F.F.M.A. Faravohitra. Antananarivo 1994
- 📖 RAJAONA (S) :
- *Takelaka notsongaina II.* Natonta fanindroany. Ambozontany Fianarantsoa 1991. 561 tak
  - *Ny zava-kanto vita amin'ny teny* . Editions Ambozontany . Antananarivo 1993. 124 tak..
- 📖 RAJEMISA RAOLISON ( R ) . *Isambilo.* ( 1<sup>ère</sup> édition 1966). Ambozontany Fianarantsoa
- 📖 RALAIMIHOATRA ( G ) : "Psychologie de l'enfant malgache" in *Revue de Madagascar.* Lah. 1 . 1949

- 📖 RANDZA (Z) [pseud ] [ RANDRIAMANANJARA ( E )]. Vainafon-tononkira . Ambozontany Fianarantsoa, 1969. 143p.
- 📖 RANOË.[pseud].[RAKOTOMAHAFALY.(N.E);RANDRIANJOANI-MANANA ( M.O) :
- Tovozon-tsy ritra . Boky 3. Edisiona Tsipika . Taona 1991. 48 tak.
  - Tovozon-tsy ritra .Boky 5 . Edisiona Tsipika . Taona 2000.143 tak
- 📖 RAKOTONAIVO (F) :
- Ny diam-penin' Ny Avana Ramanantoanina . Ambozontany - Fianarantsoa. 1993. 226 tak.
  - Samuel Ratany mpanoratra 1901 – 1936 . Ambozontany- Fianarantsoa. 1993. 135 tak.
- 📖 RAVALISOA (E). Ny soratry ny fo . Edisaona tsipika. Antananarivo 1998. 23 tak.
- 📖 SITRAKA. Ny tiako hofantarina . Imp . M.A.MI. D.L .N°6 . 2003
- 📖 TODOROV . Poétique de la prose . Edition du Seuil . Paris 1971
- 📖 U.P.E.M. Velona ho velona ny teny sy ny Haisoratra Malagasy. Boky I. Tranom-pirinty FLM. Antananarivo 1995
- 📖 Voahangy tsangy . Amboaran-tononkalo . Sandratra
- 📖 WEBER (J.P). Genèse de l'œuvre poétique . Edition Gallimard. Paris 1960. 566p.

### 3. REVIO AMAN-GAZETY

- Ambioka. Lah. 31. Desambra 2000
- Lah. 33. Febroary 2001
- Aingam-pivoarana . lah. 6
- Express de Madagasikara. 8 Novambra 1997
- Fanasina . Lah 597 . 29 Marsa 1965 .
- Madagascar Tribune . Lah 58 . 21 Febroary 1989
- Lah . 747. 12 Jona 1991 .

-Ny gazety fanavaozana. Taona fahatelo . Mai 1955

-Rary Ranto 95

-Sakaizan'ny tanora. May 1930. Novambra 1931.

-STELARIM . Hiratra lah.5. 1987 .176 tak

#### **4.BOKY MIKASIKA IREO ASAM-PIKAROHANA :**

📖 RAHARIMALALA (L)." Ny vola lafika tokana ao amin'i Job RAKOTOJAONA sy ny asa sorany." Mémoire de C.A.P.E.N . Antananarivo 1998

📖 RAHERIVOLOLONA (S). "Tadim-pintana maningotra lafika tokana ao amin'ny R.BERT-J sy ny asa sorany." Mémoire de C.A.P.E.N . Antananarivo Juillet 1988

📖 RAMASIARISOA (A). "RANOE : Poetan'ny Fitiavana ." Mémoire de C.A.P. E.N Antananarivo 2003

📖 RASOARINIVO (J). "Ny fahatsiarovana tarafina ao amin'ny tononkalon'i Lydiary" Mémoire de C.A.P.E.N . Antananarivo 2002

📖 RAVELOARIVOLOLONA(A). "Ny tara-kevitry ny fitiavana araka ny ahitana azy ao amin'ny tononkalon' i Dox ". Mémoire de C.A.P.E.N . 1989

📖 RAZAIARISOA (O) . "Ny tangahatry” Karazana tadidivava malagasy iray fanaon'ny Antesaka”. Mémoire de maîtrise . 1990

**IREO OLONA NANOVOZAN-KEVITRA :**

| <b>Anarana</b>                                         | <b>Asany</b>                         | <b>Asa soratra ankafiziny</b>                                                                   |
|--------------------------------------------------------|--------------------------------------|-------------------------------------------------------------------------------------------------|
| ILAY (Ralaisaholimanana Louis Dominique)<br>Mpanoratra | Talen'ny<br>Tranombokim-<br>pirenena | - Lakana<br>- Dada ianao ry Neny<br>-Ny afontsika<br>-Ianao sy ny valiha                        |
| ANDRIANANTENAINA H. Joséa                              | Institutrice                         | "Dada ianao ry Neny"                                                                            |
| RAHARINOSY Emile                                       | Mpampianatra Teny<br>Malagasy        | "Dada ianao ry Neny"                                                                            |
| RAZANAPARANY Haingo Joël                               | Mpianatra                            | -Isaorana<br>Andriamanitra<br>- Eo an-tananao ry<br>Raiko<br>- Misy<br>- Namana<br>- Ny soratra |
| Solofo José (Mpanoratra)                               | Mpampianatra                         | - Tantara fandefa<br>amin'ny onjam-peo<br>-Tononkalo ao amin'<br>ny <u>Akom- piainana</u>       |
| Lydiary (Mpanoratra)                                   | Mpampianatra                         | - Tantara fandefa<br>amin'ny Radio<br>- Tononkalo                                               |
| Faniry Vatosoa (Mpanoratra)                            | Mpianatra                            | "Ianao sy ny Valiha"                                                                            |
| RANDRIANIASIMANANA Rija<br>Vonjielison                 | Mpianatra                            | -Ventson'ny Manina<br>- Dada ianao ry Neny<br>-Tantara fandefa<br>amin'ny onjam-peo             |
| RANDRIANIASIMANANA                                     | Mpianatra                            | - Lalao takariva<br>-Ventson'ny Manina                                                          |

|                                           |              |                                                   |
|-------------------------------------------|--------------|---------------------------------------------------|
| Ravaka Mamonjitiana                       |              | - Neny                                            |
| RAMAMONJISOA Honorine                     | Mpampianatra | - Dada ianao ry Neny<br>- Neny<br>- Dada          |
| RANIVO HARIMALALA Lovasoa<br>Fleurette    | Mpianatra    | - Ilay Anaranao<br>- Jamba<br>- Andro volamena    |
| RAMAROMIANTSO Malalatiana<br>(Mpanoratra) |              | - Fangalam-piery<br>- Tsipelana<br>- Loza inona ? |
| Hobiana (Mpanoratra)                      | Mpampianatra | - Ny lehilahy sy ny<br>saribakoly<br>- Afontika   |

Fafana 11: maneho ny anaran'ireo olona nanovozan-kevitra

**TOVANA**

## FANADIHADIANA NATAO

Tamin : ILAY (Raisa holimanana Louis D.), mpananatra.

Asa : Ichi-ba'ny Tranombokim-pirenena

1- Fantatrao ve i Asiniony : Eny

2- Eo amin' ny sehatry ny inona ? Ny soratra na Sorakanto

3- Fantatrao ve fa mpanoratra izy ? : Eny

-Raha eny, inona ny asa sorany nanintona anao sy mahafinaritra anao (karazany + lohateny) : Ny tenonkala no Karazany novakiko, ka maro no nanintona ahy, tenonkala toy ny "Dada ianao ny Neny", "Lakana", "Ianao ny ny valika", "Afontika" ... do @ "Akom-piainana",

- Manao ahoana ny fahitanao ny asa sorany amin'ny ankapobeny ? Ny tenonkalony no novakiko ka hitako fa Kanto (Na dia mity ihany aza ny antontanony toy ny @ mpananatra rehetra). Mahita sarinteny tena Kanto izy. Hahy teny sy voambolana malagasy.

- Nisy akony na fiatraikany teo aminao ve ny famakiana ny asa sorany ? Ny akony kany dia ny fahatsapako zoratra Kanto nanaitra ny saiko sy ny finoako fa ahavitana Kanto raika ny teny malagasy.

4- Inona no tena manaitra anao ny aminy ? Ny fahaizany teny malagasy sy ny fahaizany manoratra (izany hoe: mikirakira ny teny malagasy) na dia mbola tena kely aza izy @ naha fantaro azy nanomboka nanaitra.

5- Toetrany mahafinaritra anao ? Torovany toka sy mahafinaritra izy, mitokitsiky.

6- Toetrany tsy azoazonao : .....

Aetanarivo faha, ... 30 aogositra 2005

Sonia



## FANADIHADIANA NATAO

Tamin : ANDRIANANTENAINA H. JOSEF

Asa : Institutrice

- 1- Fantatrao ve i Asiniony : Eng
- 2- Eo amin' ny sehatry ny inona ? Asa soratra , fianarana
- 3- Fantatrao ve fa mpanoratra izy ? : Eng  
 -Raha eny , inona ny asa sorany nanintona anao sy mahafinaritra anao (karazany + lohateny) : Tononkalo  
lohatin'ny " Dada anao My Nany "
- Manao ahoana ny fahitanao ny asa sorany amin'ny ankapobeny ? Kanto na dia toy dia manaraka tene loatra aza , manaita satia tene ny mitantana fianane miantana
- Nisy akony na fiatraikany teo aminao ve ny famakiana ny asa sorany ? Eng , satia nitondra lesa be dia be teo amin'ny fianane , manpitaka itany ho indrindray
- 4- Inona no tena manaitra anao ny aminy ? : Tene manaita ahy ny fahazany mampiasa teny malagasy madio
- 5- Toetrany mahafinaritra anao ? Saiake , toetse
- 6- Toetrany tsy azoazonao : Tsy dia mihale tuteho loatra hahamio' izao

Aetanarivo faha , 30 Oct 2005

Sonia



## FANADIHADIANA NATAO

Tamin : RAHARINOSY Emile

Asa : M.pampianatra Teny Malagasy

1- Fantatrao ve i Asiniony : ENY

2- Eo amin' ny sehatry ny inona ? Fanabeazana sy fampianarana  
-Asa = soratra

3- Fantatrao ve fa mpanoratra izy ? : ENY

-Raha eny, inona ny asa sorany nanintona anao sy mahafinaritra anao (karazany + lohateny) : Mahafinaritra daholo saingy ny tenenkalo  
no tena manintona ahy, indrindra ireo an' amin' ny  
ambocan-tenenkalo "Akem-pianana"

-Manao ahoana ny fahitanao ny asa sorany amin'ny ankapobeny ? Tsara ary  
tena vakaly, "mahita ny tsy fahita ary miteny  
ny tsy fiteny"

-Nisy akony na fiatraikany teo aminao ve ny famakiana ny asa sorany ? ENY,  
ka nahatanga ahy namaly ary an' tenenkalo  
ilay hoe : "Dadaiana sy neny"


4- Inona no tena manaitra anao ny aminy ? : Mahafolaka tsara ny teny  
Malagasy ary manana vambolana maza

5- Toetrany mahafinaritra anao ? Sariaka, manakiky ampianana  
sy tsarina. Be fanetren-tena

6- Toetrany tsy azoazonao : Tsy misy

Aorian'ny faha, 31 Agositra 2005

Sonia

  
RAHARINOSY Emile

## FANADIHADIANA NATAO

Tamin : PARANAPARANY Hainy Fod

Asa : mpianatra

1- Fantatrao ve i Asiniony : ENV

2- Eo amin' ny sehatry ny inona ? : Eo amin' ny sehatry ny literatiora  
satria mpikambana eo amin' ny FARILOLANA SANGATRA izy

3- Fantatrao ve fa mpanoratra izy ? : ENV

-Raha eny , inona ny asa sorany nanintona anao sy mahafinaritra anao (karazany + lohateny) : Isaorana Andriananika, eo an' tany ny Raha, Nisy, Nany, Ny fofoka

- Manao ahoana ny fahitanao ny asa sorany amin'ny ankapobeny ?

Manomboka midika eo amin' ny sehatry ny antihany

-Nisy akony na fiatraikany teo aminao ve ny famakiana ny asa sorany ?

4- Inona no tena manaitra anao ny aminy ? : Hasanaka eo amin' ny sehatry ny literatiora satria mpikambana eo amin' ny lalany profanana ho mpitombo

5- Toetrany mahafinaritra anao ? Sorika

6- Toetrany tsy azoazonao : Tsy fantatra loka satria toy ny bels tena mifanaraka tamin' loka

Aktanarivo faha , 02 septambra 2005

Sonia



## FANADIHADIANA NATAO

Tamin' i SOLOFO José

Asa : Mpampianatra - Mpamelona tantara amin' ny radio, mpanoratra

1- Fantatrao ve i Asiniony : Emy

2- Eo amin' ny sehatry ny inona ? Ny soratra (Faribolana Sandratra)  
sy famelomana tantara amin' ny radio

3- Fantatrao ve fa mpanoratra izy ? Emy

-Raha eny, inona ny asa sorany nanintona anao sy mahafinaritra anao (karazany + lohateny) : Tomokalo toy "I Gasikara miantso vonjy" "Bata ianao ny neny" sy ny maso hafa ao amin' ny "Akron-pianana" - Misy ihany koa ireo tantara fandefa amin' ny orijam - peo

- Manao ahoana ny fahitanao ny asa sorany amin' ny ankapobeny ?

Manan-talenta izy. Porofa in' ny fampiasany teny malagasy totra karefa tena voalantiny tokoa

-Nisy akony na fiatraikany teo aminao ve ny famakiana ny asa sorany ?

Emy, manamafy ny finoako fa tena manintona sy manana ny maha-izy izy ny TENY Malagasy, ka tikomy hotrandrahana foana

4- Inona no tena manaitra anao ny aminy ?

Ny fahaizany teny malagasy, na dia mbola tanora aza izy

5- Toetrany mahafinaritra anao ? Ny fahatsorany

6- Toetrany tsy azoazonao : Somary sarotaro - kenatra izay izy

Ahitanarivo faha, 12 Septambra 2005

Sonia



## FANADIHADIANA NATAO

Tamin : *d. Ramatoa Lydiary*

Asa : *Mpanjanatra... sady... mpanoratra.*

- 1- Fantatrao ve i Asiniony : *Fantatra tsara... satria izaho no matoriny voalohany, mitorirany tres... santionan'ny sorany*  
 2- Eo amin'ny sehatry ny inona ? *Eo @ sehatry ny haisoratra sy eo @ fiainana andavanandro noho ny fifanerasanay.*  
 3- Fantatrao ve fa mpanoratra izy ? *Fantatra tsara*

-Raha eny, inona ny asa sorany nanintona anao sy mahafinaritra anao (karazany + lohateny) : *Manintona ahy daholo na ny tononkalony na ny tantara amin'ny radio.*

- Manao ahoana ny fahitanao ny asa sorany amin'ny ankapobeny ?

*Asa soratra voakaly ary voafehy tsara eo @ lafiny sehatra na hevitra, fifehazana ny teny, ny rafitra*

- Nisy akony na fiatraikany teo aminao ve ny famakiana ny asa sorany ? *Nisy dia*

*nisy ary manaitra ahy fa miavaka @ iso asa soraty ny tana... mase ny azy. Anisan'ny manaitra ahy mampiditra azy tao @ fanbolana Sendraty*

4- Inona no tena manaitra anao ny aminy ?

*My hevitra miavaka ary manintona eo @ asany. Ao koa ny fianalany ny kato.*

5- Toetrany mahafinaritra anao ? *tsiki tsiky lava. Tsy mome kivy ary mazo to rehefa miasa. Mahay maha andratitra ary maha tantelaka.*

6- Toetrany tsy azoazonao :

*Tsy misy*

Astorianarivo faha *12 Septambra 2005*

Sonia



NENY KOA I DADA  
( Valin-kira atolotra ho an'i ASINIONY )

Tsaroanay ny safosafo , tambitamby ombieny ombieny.  
Mipenipenina mikaroka , ny ahasoanay ankizy .  
Tsy mety lany hamamiana , ny Fitiavanao ry Neny ,  
Fitia tsy hay hafàtra, mananamby izay tsy izy .

Izany ditraditra kely, Fanaonay zanakao ,  
Io ianao manganohano , ranomaso no mijohy,  
Mararirary aina , tsy hitanao izay hatao ;  
Ireny rehetra ireny ry Neny , izahay tsy mahafofy .

Nefa lasa ianao nandao , hetraketraky ny ankasao .  
Ao ambany dongon-tany , tsy hiverina intsony;  
Dia indro i Dada irery , nanamaina ranomaso  
Nijoro ho vehivavy , niezaka ny hampitony .

Raha maditra i Farakely , io ianao mandrotsirotsy ,  
Miari-tory indraindray , rehefa misy tsy salama  
Tsy mampaninona anao , raha ny alina ho fotsy ;  
Nefa ny ampitso , mbola hivoaka hikarama .

Tsy foinao izahay ankizy , nijanona ho tokan-tena ,  
Fiainanao natao sorona , nafeninanao anefa izany,  
Dia nafoinao daholo na rendrarendra na harena ,  
Ny hahatafita anay ihany , izay no tanjona hatrany .

Dada ô ! tianay ianao , eny tsy mba ho foinay  
Atolotray zanakao , amin'izao fety izao ,  
FAHENDRENA , FITIAVANA , tena mendrika ny ray ,  
Mba ho volamena kosa , izany fahanteranao .

RAHARINOSY Emile

15/06/00 – 10 ora maraina  
“Fête des Pères” ny 18/06/00  
( Tononkalo mbola tsy nivoaka )